



UNIVERSITE D'ANTANANARIVO

FACULTE DES LETTRES ET SCIENCES HUMAINES

DOMAINE ARTS, LETTRES ET SCIENCES HUMAINES



Mention : Anthropologie

Parcours : **Science du patrimoine**



Mémoire de Master

Mpanatontosa: **RASOANANTENAINA Clara**

Mpitarika : **Dr RANDRIAMANALINA Daniel Jules**, Maître de conférences

Marsa 2018

Notontosaina tamin’ny 27 Marsa 2018

UNIVERSITE D'ANTANANARIVO
FACULTE DES LETTRES ET SCIENCES HUMAINES
DOMAINE ARTS, LETTRES ET SCIENCES HUMAINES
Mention : Anthropologie
Parcours : Science du patrimoine

**“FITAFY TSIMIHETY: TARATRY NY
FIFANDRAISAN’NY MALAGASY AMIN’NY
TONTOLO MANODIDINA AZY ARAKA NY MISEHO
AO ANDRONA MANDRITSARA”**

Mémoire de Master

Mpanatontosa: **RASOANANTENAINA Clara**

Mpitarika : **Dr RANDRIAMANALINA Daniel Jules**, Maître de conférences

Marsa 2018

Notontosaina tamin’ny 27 Marsa 2018

FIZAHAN-TAKILA

TENY FISAORANA	3
FANALAVAN-TENY	4
FANAZAVANA VOAMBOLANA TSIMIHETY	5
TERMES TECHNIQUES	6
LISITRY NY SARAPIKA	7
LISITRY NY FAFANA	7
FINTINA.....	8
RESUME	9
ABSTRACT.....	10
TENY FAMPIDIRANA	11
I- NY ZAVA-DINIHINGA	14
1.1- NY FITAFY TSIMIHETY	14
1.1.1- Famaritana.....	14
1.1.2- Anton'ny safidy.....	15
1.1.3- Ny sehatra anompanana ny fikarohana	17
1.2- PETRAKA OLANA SY PETRAKA HEVITRA	21
1.2.1- Petraka olana.....	21
1.2.2- Petraka hevity ny mpialoha lalana.....	23
1.2.3- Petraka hevitra manokana	25
1.3- FOMBA FIASA	28
1.3.1- Dingana narahina	28
1.3.2- Ny lalantsaina narahina.....	33
FEHINY	36
II- FANDOKOANA SY FAMAHAVAHANA	37
2.4- FANORITSORITANA NY TSIMIHETY SY NY FITAFY	37
2.4.1- Tantaran'ny Tsimihety.....	37
2.4.2- Ny lafim-piaianana ankapobeny ao Mandritsara.....	41
2.4.3- Ny karazam-pitafiana tsimihety.....	46
2.5- NY FOMBA FITAFIN'NY TSIMIHETY AO MANDRITSARA.....	58
2.5.1- Amin'ny fiaianana andavanandro.....	58

2.5.2- Amin'ny vanim-potoana miavaka.....	66
2.6- NY FITAFY TSIMIHETY AMPITAHAINA AMIN'NY AN'NY FARITRA HAFA.....	70
2.6.1- Vavolombelon'ny tantaran-drazan'ny Tsimihety ny fitafiany.....	70
2.6.2- Maneho ny maha iray ihany ny Malagasy ny fitafiana tsimihety	71
2.6.3- Miova manaraka ny vanim-potoana ny endriky ny fitafin'ny Tsimihety	73
FEHINY	75
III- TOE-JAVATRA AZO TSOAHINA MOMBA NY FITAFY TSIMIHETY	76
3.7- NY FIHEVERANA HITA TARATRA AMIN'NY FITAFY TSIMIHETY	76
3.7.1- Maneho ny fifandraisana misy eo amin'ny olombelona sy ny tontolo manodidina azy	76
3.7.2- Misy fahaiza-manao mifamatotra aminy	79
3.7.3- Maneho ny maha-izy azy ny Tsimihety ao anaty fiarahamonina ny fomba fitafiny....	80
3.8- ADIHEVITRA MIKASIKA NY FITAFY TSIMIHETY	81
3.8.1- Nitana anjara toerana lehibe teo amin'ny kolontaina Tsimihety ny fitafy	82
3.8.2- Vakoka mila arovana ny fitafy Tsimihety	83
3.8.3- Ny fiakon'ny fitafy tsimihety eo amin'ny tontolo manodidina ny olombelona.....	83
3.9- ANDRAM-BAHAOLANA HOENTI-MIARO SY MAMPANDROSO NY FITAFY TSIMIHETY	85
3.9.1- Ny fanabeazana ara-bakoka miainga eny ifotony	85
3.9.2- Fanatsarana ny haitao momba ny fitafiana tsimihety.....	86
3.9.3- Fanomezana vahana azy	86
FEHINY	88
TENY FAMARANANA	89
LOHARANO NANOVOCAN-KEVITRA	91
TOVANA.....	94
Fanolorana ny tovana	94

TENY FISAORANA

Rehefa novolavolaina tao anaty fotoana maharitra dia voarafitra toy izao ity voka-pikarohana ity. Ny asa vadi-drano tokoa, tsy vita raha tsy ifanakonana ary ny taotrano tsy efan'ny irery. Noho izany, tsy mihambo ho nahavita samy irery izao fikarohana izao izahay raha tsy teo ireo tsara sitrapo nanohana tamin'ny lafiny rehetra (torohevitra, arapitaovana...sns). Koa tsy hainay ny tsy hisaotra sy hankasitraka ireto sokajin'olona tanisaina manaraka ireto:

- Tolorana ny fisaorana voalohany ny filohan'ny Université d'Antananarivo, **Andriamatoa RAMANOELINA Panja**, *Professeur titulaire*, tompon'andraikitra voalohany amin'ny fampandehanan-draharaoha eto amin'ny Université.
- Isaorana eram-po eran-tsaina koa ny lehiben'ny “Domaine Arts, Lettres et Sciences Humaines, **Ramatoa RALALAOHERIVONY Baholisoa Simone**, *Professeur titulaire* nanome lalana nahafahana nanatontosa sy nanohana vokatra ity.

“Ny hazo no vanon-ko lakana, ny tany naniriany no tsara”. Raha tsy teo koa anefa ny fandavan-tenan’ireo mpanabe ato amin’ny Sampana Haiolona tsy ho nody ventiny ny rano nantsakaina. Ankasitrahana indrindra ny toro-lalana sy fanampiana avy tamin’ireto olona ireto:

- **Andriamatoa RABOTOVAO Samoelson**, *maître de conférences*, lehiben’ny Sampana Haiolona.
- **Andriamatoa RANDRIAMANALINA Daniel Jules**, *maître de conférences*, nanao ny ainy tsy ho zavatra, nahafoy andro sy fotoana tamin’ny fitarihana sy fanomezana toromarika rehetra.
- Ireo vondron’ny mpitsara tamin’ny fanohanana ny voka-pikarohana izay notarihin’ny filoha : **Andriamatoa RAKOTOZAFY Lucien Aimé**, *Professeur de l’enseignement supérieur*, niaraka tamin’**Andriamatoa RADILOFIE Isaïe Ignace**, *Docteur en Anthropologie*, nanampy betsaka tamin’ny fanitsiana ny asa mba hanaraka ny fenitra takin’ny fikarohana ambony.

Tsy azo odian-tsy hita ihany koa ny tolo-tanana izay mendri-pankasitrahana avy amin’ny Ray aman-dreny, vady aman-janaka, mpiray tampo, havana aman-tsakaiza, indrindra indrindra ireo nifanerasera akaiky tamin’ny firotsahana an-tsehatra tao Mandritsara.

Tsy ho voavalinay, tompoko, izay vitanareo fa ny andon’ny lanitra sy ny tsiron’ny tany anie ho aminareo. Sitraka hoenti-matory ka hovaliana raha mahatsiaro.

RASOANANTENAINA Clara

Antananarivo, Martsa 2018

FANALAVAN-TENY

DALSH: Domaine Arts, Lettres et Sciences Humaines

DLLM: Département de Langues et Lettres Malgaches

ECCOVA : Ecole de Coupe et Couture Volana Antananarivo

FLSH: Faculté des Lettres et Sciences Humaines

FTM: Foiben-Taotsaritanin'i Madagasikara

IRD: Institut des Recherches pour le Développement

LAP2T: Laboratoire d'Anthropologie, Patrimoine, Transformation sociale-Transculturalité

MKV: Ministeran'ny Kolontsaina sy ny Vakoka

PCI: Patrimoine Culturel Immatériel

SteLaRiM: Sampana Teny sy Lahabolana ary Riba Malagasy

TPFLM: Trano Printy Fiagonana Loterana Malagasy

UNESCO: United Nations Educational, Scientific and Cultural Organisation

FANAZAVANA VOAMBOLANA TSIMIHETY

- **Amparasolo /mahavoly:** Elo
- **Boketra:** Hoditr'omby atao fehin-kibo na tadirandrana entina miaro ny fitafiana ambany mba tsy ho latsaka.
- **Fanôrolahy:** Ireo lehilahy matanjaka mpikatroka morengy.
- **Fehity:** Fianakaviana maromaro iray loharano nipoirana.
- **Jôro:** Joro/ fivavahana nentim-paharazana anatanterahana fombafomba maro samihafa ho fangataham-pitahiana amin'ny Zanahary sy ny Razana.
- **Lamoresy:** Kilaoty fohy ambony lohalika
- **Marofelana:** Mpanafika tamin'ny andron'ny fanjakana.
- **Morengy:** Moraingy/ fanatanjahantena miseho amin'ny tolona ifanehoana olona roa (lehilahy) ny tanjany sy ny heriny.
- **Mpanazary :** Olona mpampita hafatra avy amin'ny Zanahary mankany amin'ny vahoaka
- **Paka:** Karazan-javamaniry toy ny taretra fanaovana tenona gony.
- **Rafia:** Rofia/ zava-maniry karazana palmie, anaovana kofehy ny hoza-dravinyka tenomina ho jiafotsy.
- **Saboribônga:** Salaka/ lamba lavalava nahodidin'ny lehilahy taloha ny valahiny. Asadika amin'ny elakelam-pe hifandray amin'ilay manodidina ny valahana.
- **Sarojo:** Fitaovana na akanjo ampihaingoana ny vehivavy amin'ny fotoanan'ny fampakarana.
- **Tsaboraha:** Lanonana an-kafaliana hanatontosana fomba amam-panao samihafa ka isan'izany ny fanambadiana, ala tsakafara, toalaza, lembalo, rasahariaja, fandraisana vahiny...sns.

TERMES TECHNIQUES

Fahaiza-mapita: “Savoir transmettre”

Fahaiza-miaina: “Savoir vivre”

Fampiraisam-bolo ny kolontsina maneran-tany : “Globalisation”

Fanabeazana ara-bakoka: “Education patrimoniale”

Fanadihadiana: “Interview”

Fandinika ivelany: “Observation passive”

Fandinika mivantana: “Observation active”

Fantezia: “Robe”

Faritra tena fototra: “Zone clée”

Fitsidihana tranonkala: “Webographie”

Fripý: “Fripérie”

Haiolona mifantoka amin’ny vatana: “Anthropologie biologique”

Hairaha: “Savoir faire”

Harena azo tsapain-tanana: “Patrimoine matériel”

Harena tsy azo tsapain-tanana : “Patrimoine immatériel”

Lanja: “Valeur”

Mambomba: “Se référer”

Masina sy tsy masina: “Sacré et profane”

Mpitondra ara-drazana: “Autorité locale”

Taonjato faha dimy ambiny folo: “XV^{eme} siècles”

LISITRY NY SARIPKA

	Tak:
<u>Saripika 1:</u> Ireo lehilahy Tsimihety anaty dinidinika (Ambalabe).....	40
<u>Saripika 2:</u> Ny rary sy ny tenona ao Mandritsara.....	43
<u>Saripika 3:</u> Maro ireo raiamandreny ara-drazana amin'ny fiarahanonina Tsimihety....	44
<u>Saripika 4:</u> Ireo mpikatroka morengy	45
<u>Saripika 5:</u> Ny akanjo vita amin'ny rafia sy paka.....	47
<u>Saripika 6:</u> Ny Lambahoany.....	48
<u>Saripika 7:</u> Ny bango Tsimihety.....	49
<u>Saripika 8:</u> Santionany amin'ny randram-behivavy Tsimihety.....	51
<u>Saripika 9:</u> Endrika isehoan'ny sanga eo ain'ny lehilahy (Mandritsara).....	52
<u>Saripika 10:</u> Ny fitaovana fanao taovolo.....	53
<u>Saripika 11:</u> Kavina sy vangovango Tsimihety.....	55
<u>Saripika 12:</u> Ny masonjoanin'ny Tsimihety.....	56
<u>Saripika 13:</u> Satroka sy sarondoha ary tehina.....	57
<u>Saripika 14:</u> Ny vehivavy Tsimihety amin'ny andavanandro.....	59
<u>Saripika 15:</u> Sary maneho ny fitafy andavanandron'ny Tsimihety.....	60
<u>Saripika 16:</u> Vehivavy (mpivarotra) hamony tsena.....	62
<u>Saripika 17:</u> Tovovavy mifandrindrana.....	65
<u>Saripika 18:</u> Fitafian-dehilahy tsimihety niainga tamin'ny fanahafana ny fitafiana vahiny eorôpeana.....	71
<u>Saripika 19:</u> Ny masonjoany tsimihety mitaha amin'ny foko hafa.....	72
<u>Saripika 20:</u> Ny akanjo paka sy rafia.....	73

LISITRY NY FAFANA

Fafana 1: Ankapobeny momba ny tsinjara andraikitry ny mponina ao Mandritsara.....	41
Fafana 2: Ny randrana/bango ny heviny eo amin'ny Tsimihety.....	53

FINTINA

Ny faritra na ny firenena tsirairay dia samy manana ny lafin-javatra manavaka azy amin'ny hafa. Manjary harena velona ao aminy izany ka afaka manasongadina ny maha-izy azy indrindra ny lafiny kolontsaina sy vakoka. Tsy latsa-danja amin'izany ny Malagasy amin'ny fananana ny haren-tsaina mampiavaka azy ary tombony manokana ny fisehon'izany amin'ny endrika maro isam-paritra. Anisan'izany ny fitafy any amin'ny faritra Tsimihety. Araka izany, ny fitafy tsimihety no nanaovana ny fandinhana. Nomena lohateny ary ny asa fikarohana ka manao hoe “**FITAFY TSIMIHETY: TARATRY NY FIFANDRAISAN’NY MALAGASY AMIN’NY TONTOLO MANODIDINA AZY ARAKA NY MISEHO AO ANDRONA MANDRITSARA**”. Natao ity fikarohana ity mba hanomezan-danja ny fitafy Tsimihety sy ahafana mampandroso ihany koa. Tsy mena-mitaha ny fitafy tsimihety ary miseho amin'ny endrika maro araka ny hita ao Mandritsara ka tokony hasongadina mba tsy ho takona manoloana ny fifaninana amin'ny hafa. Nosafidina ny harahina amin'ny asa natao ny lalantsaina “théorie de l'intentionnalité”. Navoitra tamin'izany ireo toe-javatra mibaiko ny sain'ny Tsimihety ny fomba fitafiny. Dingana maro no tsy maintsy nolalovana noentina nanangana ny asa: ny fikirakirana tahirin-kevitra, ny firotsahana an-tsehatra ary ny famahavahana ny akora voaangona. Naravona tamin'ny fandrafetana azy ho boky izany. Novelabelarina tamina fizara telo lehibe ny vokatra ny asa. Ny fizara voalohany no nanazavana ny zava-dinihina. Ny fizara faharoa no nanaovana fandokoana sy famahavahana ny lohahevitra ary ny fahatelo farany no nanatsoahana hevitra momba izany.

Teny iditra: *fitafiana, fitafy, kolontsaina, Mandritsara, tontolo manodidina, Tsimihety, vakoka*

RESUME

Chaque pays ou chaque région a ses particularités qui le distinguent par rapport aux autres. La culture et le patrimoine en font partie et constituent des atouts économiques pour un pays ou une région. Madagascar, en tant que pays, dispose tant de richesses culturelles et de patrimoines importants et qui se présentent de diverses formes dans chacune de ses régions. La tenue vestimentaire, dans la région Tsimihety, a attiré notre attention particulière. Ainsi, nous avons effectué une recherche sur l'habillement Tsimihety. Notre mémoire de recherche est intitulé « FITAFY TSIMIHETY : TARATRY NY FIFANDRAISAN’NY MALAGASY AMIN’NY TONTOLO MANODIDINA AZY ARAKA NY MISEHO AO ANDRONA MANDRITSARA ». Pour ainsi traduire « L'habillement tsimihety : symbole de la relation des malgaches à leur environnement selon ce qui apparaît à Mandritsara (sous-région de l'Androna) ». Cette recherche a été faite pour valoriser et développer l'habillement Tsimihety. L'habillement Tsimihety occupe une place importante et se présente sous divers formes selon ce qu'on voit à Mandritsara et qui mérite à découvrir et à valoriser pour ne pas être éclipsé ou ignoré par rapport à l'habillement dans d'autres régions. Ceci étant fait en application de l'idée dégagée par « la théorie de l'intentionnalité ». Nous avons mis en œuvre les différents facteurs qui influencent les pensées Tsimihety dans la confection et l'adoption de ces habillements. Plusieurs étapes ont été abordées pour accomplir ce travail de recherche comme le rassemblement des idées théoriques, la vérification de la pratique sur place et la classification et l'organisation des éléments collectés et leur confection dans un livre. Nous les avons développés en trois grandes parties. La première partie porte sur l'explication de notre thème. La deuxième partie concerne l'énumération et le développement des grandes idées dégagées par le thème et enfin la troisième partie consiste sur la synthèse de ces idées.

Mots clés : *culture, environnement, habillement, Mandritsara, patrimoine, tenue vestimentaire, Tsimihety.*

ABSTRACT

Each country or region has its particularities which distinguish it from other countries. Traditions and cultures are among those particularities and become the economic assets for the country or the region. Madagascar, as a country, has many heritage and cultures from the different regions and areas. In that perspective, the way of clothing or dressing, in the Tsimihety area has caught our special attention. Therefore, we did an investigation about the way of clothing or dressing among the Tsimihety. The title of our dissertation is « FITAFY TSIMIHETY : TARATRY NY FIFANDRAISAN’NY MALAGASY AMIN’NY TONTOLO MANODIDINA AZY ARAKA NY MISEHO AO ANDRONA MANDRITSARA ». Literally “ The Clothing of the Tsimihety Shows the Relationship of the Malagasy People to their Environment According to what Happens in Mandritsara (Androna sub-region) ”. That research was done in order to show, develop and value the Tsimihety clothing. The way of clothing for the Tsimihety takes an important place and has many aspects and features according to what is seen in Mandritsara and that needs to discover and value lest not to be uncovered and forgotten regarding the clothing in other areas. This is made in the diligence of the idea “ Intentionnality Theory ”. We discuss the different factors which influence the way of thinking or mentality of the Tsimihety in the making of these clothing. Many steps have been taken to achieve that research such as the gathering of the main theory of conceptual ideas, the investigation to verify of what happens in reality, the classification and organization of the elements of ideas kept and their writing in this dissertation. Finally, our book is divided in three parts. The first part tells about the explanation of our theme of dissertation, the second part shows the enumeration of different ideas and the third part is the synthesis of those ideas.

Keys words: *clothing, cultures, dressing, environement, heritage, Mandritsara, Tsimihety.*

TENY FAMPIDIRANA

Lafiky ny fahasamihafana misy eo amin'ny firenen-drehetra ny fananany ny lafin-javatra mampiavaka azy tsirairay avy na ny firenena mandroso izany na ny andala-pandrosoana. Manana anjara toerana lehibe eo amin'izany fiavahana izany ny lafiny kolontsaina. Azo ambara fa io kolontsaina io dia *harena velona* eo amin'ny fiarahamonina ankapobeny¹. Ny fananana izany harena velona izany no ahafahan'ny vondron'olona na firenena iray misongadina sy mitaha amin'ny hafa satria fototra iorenana sy andry iankinan'ny fiarahamonina izany. Ny fisian'izany ihany koa no ahafahan'ny olombelona mamolaka ny tontolo manodidina azy mba hamenoany ny filana eo amin'ny fiarahamonina misy azy. Laharam-pahamehana amin'izany, ohatra, ny filana maharitra tsy azo avela toy ny fonenana, sakafy ary fitafiana...sns. Raha misy ny firenena tena nanankaren-kolontsaina dia anisany ny Malagasy. Maro araka izany ny lova navelan'ny Razana azo ampanjarina mba hanome vahana ny fiarahamonina ka hampitaina indray amin'ny taranaka mandimby. Ankoatra ny lanjany ara-pisiana sy ara-tantara dia manome tombontsoa ara-materialy ho an'ny isam-batan'olona na fianakaviana na firenana ny harem-bakoka². Ny santsan'ny vakoka /harena/lovam-pirenena dia rantsam-piofanana iray ao amin'ny sampana haiolona/fakiolten'ny teny aman-tsoratra sy ny santsan'ny maha olona. Naompana tanteraka ao araka izany ny fikarohana momba ity lohahevitra atolotra eto ity.

Ny fitafy malagasy no ironan'ny fikarohana amin'ity asa tanterahina ity. Ity sehatra iray ity izay heverina fa mitana anjara toerana lehibe eo amin'ny lafiny maha olombelona. Azo lazaina fa azo anombanana ivelany ny fiaviana na ny tantara sy ny kolontsaina manavaka ny vondronolona ny firenena tsirairay avy. Ny fahasamihafana ara-poko ao amina firenena iray dia manamafy ny tanjany ara-kolontsaina ka manome vahana ny lafiny toekarena, raha tsy hijery afa tsy ny lafiny fizahantany fotsiny, ohatra. Raha raisina ohatra amin'izany ny firenena Breziliana izay anisany mahasarika ny sain'ny mpizahatany any Amerika Atsimo. Ahitana karazana foko maromaro izay samy manana ny mampiavaka azy ity firenena iray ity. Ny vondronolona antsoina hoe “Wajapi” izay manana fomba fijery mitana ny harentsaina nentin-drazana. Ny fomba fitafy ny azy no tena maneho ny maha izy

¹ J. MAQUET, 1969.

² A. DE MONTGOLFIER, 2010, P.62.

azy. Faran'izay tsotra ny azy ny fitafy saingy ny fisehony no tena manaitra ny sain'ny olona. Izany hoe, tsy mampiasa lamba firy amin'ny vatana fa mametraka kisarisary maro loko amin'ny hoditra³.

Ao anatin'izao fanatontoloana izao koa dia anisany mahazo laka maneran-tany ny lamaody ary miteraka fifaninanana goavana izany, indrindra miteraka lalam-barotra. Tsy mitsaha-mivoatra hatrany hatrany ny fitafy noho ny fikarohana sy ny fandrosoana arapitaovana. Toa miezaka ny hampivelatra ny azy avokoa ireo firenen-tsamihafa izay samy manana ny zava-kantony (amin'ny tontolon'ny haingo sy fitafy). Ateraky ny zava-misy eo aminy izany zava-kanto izany. Izany hoe, ny toetry ny tany, ny toetr'andro ary ny toetry ny mponina sy ny hafa koa no miteraka zava-baovao sy famoronana ao an-tsain'ny olona eo amin'ny firenena iray. Koa satria firenena tahaka ny firenena hafa rehetra ihany ny malagasy sady manana ny fahasamihafan'ny kolontsaina isam-paritra ireo mponina ao aminy. Noho izany, miavaka koa izy eo amin'ny tontolon'ny fitafy. Mitana anjara toerana lehibe eo amin'ny fiainan'ny Malagasy ny fitafy ary izany dia manamarika ny ribany na andavanandro na amin'ny vanim-potoana miavaka; maneho ny maha-izy azy amin'ny hafa izay mandinika sy mitazana. Miseho amin'ny endrika maro arakaraka ny faritra izany fitafy izany. Natao hitarafana izany indrindra ny fikarohana izay natao mahakasika ny fitafy Tsimihety. Ny Tsimihety izay fiarahamonina malagasy mandrafitra ny ampahany avaratra-andrefan' ny Nosy iny (faritra Sofia).

Tsy mena-mitaha amin'ny hafa raha ny fitafy malagasy izay miseho amin'ny endrika maro isam-paritra anisan'ireny ny an'ny Tsimihety. Ny zava-misy anefa, tsikaritra ho mihatakona tsikelikely izany. Anton-javatra maromaro no heverina fa miteraka izany izay azo sokajiana roa lehibe ny ampahany amin'ireo. Andaniny, ny havesatry ny donan-kolontsaina. Toe-javatra tsy azo ihodivirana intsony ny fanatontoloana izay mikendry ny fampiraisam-bolo ny kolontsaina maneran-tany. Izany hoe, mibahan-toerana sy miseho ho mahazo laka amin'ny fiainan'ny Malalgasy ny fanjifana ny fitafy vahiny maro isankarazany. Ankilany kosa, ny tsy fahaizan'ny Malagasy manome lanja ny maha izy azy. Ao anatin'izany ny tsy fiezahana hanatsara sy hampivoatra ny fahalalana manodidina ny haingo Malagasy.

³ UNESCO, 2005, P.3 : « Les membres de la communauté Wajapi du Brésil nous livrent leur vision du monde à travers des motifs tracés sur leur corps ou des objets, utilisant des teintures végétales... »

Tanjona amin'izao asa fikarohana izao ny hitondra vahaolana maharitra manoloana ireo olana ireo ka mba hahafahana manome lanja sy mampandroso ny tontolon'ny fitafy malagasy indrindra ny an'ny Tsimihety. Eo koa ny fampahafantarana ny rafi-pisainana malagasy manoloana ny fifandraisana amin'ny tontolo manodidina azy. Natao mba hamehezana ny fahalalana norantovina ka hiarovana sy hampanjariana ny harem-pirenena ary hisy voka-tsoa eo amin' ny isam-batan'olona sy ny firenena iray manontolo. Ankoatra izay, ho fanentanana ny tsirairay hiverina amin'ny fototra maha-izy azy izay mba hahafahany mirehareha amin'ny fitafy nentin-drazana ka sahy mifaninana amin'ny firenen-kafa.

Ato anatin'ny votoatin'ny asa no andeha handalinana izany rehetra izany. Ny vokapikarohana izay nomena ny lohateny hoe: “**FITAFY TSIMIHETY: TARATRY NY FIFANDRAISAN’NY MALAGASY AMIN’NY TONTOLO MANODIDINA AZY ARAKA NY MISEHO AO ANDRONA MANDRITSARA**”. Mizara telo lehibe eto ny drafitra amelabelarana ny asa. Ao amin'ny fizarana voalohany no hanolorana ny zavadinihina. Ny fizarana faharoa kosa no hamahavahana ny vokatra azo ka hanolorana ny fadokoana. Ny fizarana fahatelo farany no hanaovana ny tsoa-kevitra momba izany.

I- NY ZAVA-DINIHINA

Araka ny efa natsidika tao amin'ny teny fampidirana dia ato amin'ity fizarana lehibe voalohany ity no amelabelarana ny zava-dinihina amin'ity fikarohana ity. Toko telo no ezahina hamoaboasana izany ka ny hanombohana azy dia ny lohahevitra fitafy tsimihety. Tsara raha mazava dieny ety am-piandohana ny famaritana izany sy ireo teny neverina fa manan-danja tononina matetika ato anatin'ny votoatin'ny asa. Anisan'ny ampahafantarina koa ny olana mipetraka manodidina ny lohahevitra sy ny petraka hevitra mikasika izany. Ankoatra izay, ny firesahana ireo dingana nizoran'ny asa sy ny lalantsaina narahina.

1.1- NY FITAFY TSIMIHETY

Ny fitafy sy ny fifandraisan'ny Malagasy amin'ny tontolo manodidina azy no fotodresaka ka ny an'ny vondron'olona tsimihety ao Mandritsara no dinihin'ny fikaroana atao eto. Ity toko voalohany ity no anaovana famaritana momba izany. Apetraka mazava tsara ny antony nisafidianana ny lohahevitra sy ny toerana mba hahafahana mampahafantatra ny sehatra iompanany.

1.1.1- Famaritana

Teny manan-danja roa mifampiditra sy mifamahofaho amin'ny famelebelarana ity voka-pikarohana ity *ny fitafiana* sy *ny fitafy*. Izany indrindra no andeha hohazavaina sy hofaritana mialoha ny hirosoana tsikelikely amin'ny votoatin'ny fikarohana.

Ny fitafiana dia filazana ankabobeny ny zavatra entin'ny olombelona mandrakotra ny vata-tenany⁴. Izy io dia natao ho takon-kenatra sy ho fiarovana ny vatan'ny olombelona amin'ny fivadibadiky ny toetr'andro sy ny anton-javatra samihafa mety hiantraika amin'ny tena. Nanjary haingo koa io fitafiana io noho ny olombelona tia endri-javatra tsara sy manintonan. Sokajina anatin'ny fitafiana, ohatra, ny lamba sy akanjo, ny firavaka, ny taovolo...sns.

Ny fitafy kosa, fomba entina mitafy na fomba fanehoana ny fitafiana eny amin'ny tena. Araka izany, ny fitafy dia fanao na fahazarana ampiasan'ny olona ny fitafiana. Azo

⁴ R. RAJEMISA-RAOLISON, 2003, P.345.

lazaina ho fenitra ihany koa. Ohatra raisina amin'izany ny hoe “*fitafina Mpanjaka*”: *ny fitafin'ny mpanjaka dia miavaka amin'ny an'olon-tsotra*. Ny fitafy dia azo ilazana koa ny fahafahana sy fahazoana manao fitafiana na izay azo tafina: ohatra, “*tsy mba fitafy itony lamba itony*”.

Ny fitafy tsimihety araka ireo famaritana ireo dia fanao tsy misaraka amin’ny maha-
izy azy ny Tsimihety ka hanehoana ny fitafiana eny aminy. Efa toetra sy fihetsika
mahazatra entiny miaina ny fanaovana izany. Io fomba fitondrana ny fiatafiana io koa dia
efa riban’ny Razan’ny tsimihety izay arahin’ny taranaka mifandimby. Noho izany,
mikasika indrindra ny fiainan’ny Tsimihety manontolo ny fitafiny (amin’ny andavanandro
sy amin’ny fotoan-dehibe).

Voaresaka amin’ny lohahevitra koa *ny fifandraisan’ny malagasy amin’ny tontolo manodidina azy*. Io tontolo manodidina io izay samy ahitana fomba daholo ary mirakitra
hevi-pahendrena. Tsy inona izay fa: ny fifandraisan’ny olombelona samy olombelona; ny
fifandraisan’ny olombelona amin’ny natiora ary ny fifandraisany amin’ny hery tsy hita
maso.

1.1.2- Anton’ny safidy

Anton-javatra maro no nisafidianana ny lohahevitra fitafy tsimihety. Anisan’ireny
ny fahitana fa miha lefy tsikelikely amin’ny Tsimihety ny fitafy nentim-paharazana. Ny
fahatsiarovana fa manana adidy goavana amin’ny fiarovana sy fampanjariana ny vakoka
mampiavaka ny Malagasy. Eo ihany koa ny faniriana mba hamadika ny fahaizana ananana
ho vokatra azo tsapain-tanana hampandrosoana ny firenena. Tsy maintsy manao fikarohana
noho izany ka afantoka amina lohahevitra iray dinihana amina toerana voafaritra mazava
tsara. Ny fandinihana *ny fitafy malagasy* eo amin’ny *Tsimihety* dia azo lazaina ho lalana
iray ahafahana miroso amin’izany. Misy araka izany ireo antony nisafidianana ny
lohahevitra andaniny sy ny toerana ankilany.

Ny lohahevitra:

Mivelatra amina lohahevitra maro tsy tambo isaina nysantsa momba ny vakoka.
Maro azo isafidianana izany na ny hita maso na ny tsy hita maso; na fanana-manaraka io
na fanana-mipetraka. Nosafidina manokana kosa anefa ny momba ny fitafy noho ireto

antony manaraka ireto: Voalohany, tsy azo atao aloha ny milaza hoe mbola tsy nisy nanasongadina mihitsy ny fitafy amam-pihaingo. Voalaza amin'ny petraka hevitra etsy ambany fa efa maro ihany ireo nisava lalana manodidina izany. Saika vondron'olona sy faritra maro manerana ny Nosy mihitsy no efa nisy njery izany fitafy Malagasy izany. anisan'ireny, ohatra, ny faritra Sakalava, ny faritra Androy sy Bara, ny faritra Merina sy Betsileo, ary ny Betsimisaraka ...sns. Raha atao hoe tsy ampy anefa ireo, toa mahafoaka ny ankapobeny ihany satria Malagasy avokoa no dinihiny. Samy manana ny maha izy azy avokoa ny fitafin'ireo faritra maro ireo ary ny fahasamihafana ananan'ireo dia azo lazaina fa harena iombonan'ny Malagasy izany. Raha hohazavaina izany dia ny fisian'ireo voka-pandinhana maro ireo no vao mainka nampirona ny saina hanatevina izany. Tsara kokoa raha misongadina avokoa ireny rehetra ireny mba hahafahana mampitaha ny vokatra ka hanodinana azy ho fitaovam-pampandrosoana. Manaraka izany, ny fitafy dia filana fototra tsy azo ialana amin'ny maha olombelona ka mitana anjara toerana lehibe amin'ny fiainana iray manontolo.

Ny toerana:

Vondron'olona ilay itarafana ny fomba fitafy ka tsy maintsy fantarina ny zava-misy manodidina azy. Na ny tontolo mivaingana sy hita maso izany na tontolo tsy azo tsapain-tanana. Ireny zava-misy ireny no azo heverina fa loharano ipoiran'ny ribam-piarahamonina. Faritra sy toerana maro no tena misy ny Tsimihety amin'iny ilany avaratra-andrefan'ny Nosy iny: Antsohihy, Befandriana, Mandritsara...sns. Midadasika ihany ireo toerana ireo rehefa tena dinihina. Raha raisina ohatra fotsiny ny distrikan'I Mandritsara manokana dia ahitana kaominina miisa telopolo (30) sy fokontany manodidina ny fitopolo sy roanjato (270) eo ho eo. Tsy maintsy faritana tsara ny toerana hanaovana asa fandinhana mandritra ny firotsahana an-tsehatra. Noho izany, ny kaominina andrenivohitry Mandritsara no hita fa mifanandrify amin'ny fomba fiasa sy ny zava-dinihina.

Tampon-tanana ny kaominina Mandritsara ka azo lazaina ho tsy manano sarotra ny lafiny fifandraisana; manakaiky kokoa ny fandrosoana ara-potodrafitsara sy ara-toekarena. Azo itarafana ny fivoarana ara-piarahamonina ka ahafahana manamarina fifandonan'ny riba trrainy sy ny riba vaovao nentin'ny mpiavy. Amin'ireny tanan-dehibe ireny matetika no tena ataon'ny fiarahamonina fototra ho maodely indrindra ny tontolon'ny fitafy. Ao

ihany koa no hita fa azo anompanana ny mety ho endrika isehoan'ny lohahevitra ankapobeny; ifamezivezen'ny sokajin'olona sy saranga maro samihafa.

Araka ny lovantsofina tsimihety, nitana anjara toerana betsaka teo amin'ny tantaran'ny ity foko ity ny tanana'i Mandritsara. Noheverina araka izany fa tsy maintsy itoeran'ny tandindon'ny fivoaram-piarahamonina. Anisan'ireny ny vakoka sisa tavela ao an-toerana, ny rafi-piarahamonina sy ny fomba amam-panao.

Raha aravona ireo voalaza ireo, hampizotra tsara ny lafiny teknika eo amin'ny fikarohana no nampitodika amin'i Mandritsara renivohitra. Saika hita ao avokoa ny ampahany betsaka amin'ny akora enti-manangana ny asa. Anisan'ny antoka lehibe ahatontosana ny asa tsinona ny toerana iasana tsy dia manavao ny tena intsony. Ilaina mantsy ny fahafehezana ny habaka na ny fiteny ao amin'ny fiarahamonina dinihina.

Ny zava-dehibe koa anefa, saika feno ao Mandritsara avokoa ny fepetra rehetra nahafahana nanao fandinihana ny fitafy tsimihety. Tsy inona izany fa ireo olana nanaitra ny saina manoloana ny fivoaran'ny fomba fitafy.

1.1.3- Ny sehatra anompanana ny fikarohana

Ity fikarohana ity dia natao hanasongadinana ny fitafy tsimihety izay azo sokajina ho anisan'ny vakoka. Heverina fa ny fitafy dia riba tsy azo ialana satria fomba nentim-paharazana manavaka ny fiarahamonina. Ilana fanomezan-danja sy fiarovana mba hahafahana mampandroso sy manome vahana ny vondron'olona Tsimihety ka hipaka amin'ny Malagasy rehetra koa. Rantsana iray dinihina ao amin'ny sehatry ny haiolona ny fadinihana momba ny vakoka. Andeha hofaritana ny momba izany atao hoe vakoka sy ny haiolona izany mba hahazoana maneho ny fifamatorany sy hanazavana ny sehatra iompanan'ny fikarohana.

Ny teny hoe “**patrimoine**” dia teny vahiny misy dika telo amin'ny Malagasy: *Lova, Harena ary Vakoka*. Mifandimby sy mifamahofaho eny ireo dikan-teny amin'ny malagasy ilazana ny patrimoine ireo. Amin'ny ankapobeny dia iray ihany no heviny sy ny lanjany. Saingy rehefa vahavahana tsirairay ireo dia hita ho toy ny ambaratonga samihafa kanefa tsy mifanalavitra akory.

Ny lova: “Fananana navelan’ny ray aman-dreny ho an’ny zanany (...). Toetra nafindran’ny razana tamin’ny taranany. Harena avela ho fananana sy hifametrahan’ny taranaka fara mandimby”⁵. Ny lova araka izany dia zavatra hita maso na tsia izay avy tamin’ny ray aman-dreny na ny Razana raisin’ny taranaka mandimby. Mampifamatotra sokajin’olona roa fara-fahakeliny ny lova: ny ray aman-dreny amin’ny zanaka; ny razana sy ny taranaka. Ny lovaina mamela zavatra ho an’ny mpandova.

Ny vakoka: raha amin’ famaritan’ny olona ankaboney, ny vakoka dia ilazana zavatra iray efa tranainy sy tsy tontan’ny ela. Matetika raha zavatra hita maso sy azo tsapain-tanana no resahina dia rakitra sarobidy (mitahiry ny fahalalana rehetra momba ny lasa na ny tantara) ho an’ny taranaka namelana azy ary mbola apetraka ho an’ny taranaka ho avy. Tetezana mampifandray ny lasa sy ny ankehitriny ary ny ho avy ny vakoka. Izany hoe, amin’ny alalan’ny vakoka no ahafahan’ny taranaka mifandray sy mahafantatra ny lasany sy ny ankehitrininy.

Ny harena: zavatra ananana/fananana ka mety hitondra tombontsoa ho an’ny tompony; izay nohariana sy nikelzana aina ka mahasarotiny fatratra ary mety hampifandona amin’izay mikasa handrombaka azy. Antsoina hoe harena izay zavatra mampisongadina sy manome lanja ny tompony amin’ny olona na fiarahaonina manodidina azy. Ohatra amin’izany, harena ny tany sy ny omby satria manome voninahitra izay ny olona na fianakaviana iray ny fananana azy betsaka. Ankoatra ny voninahitra anefa mbola tombony ho azy ny fahafahany mitrandraka izany hamenoany ny fihariany sy ny filàny. Izany anefa dia tsy maintsy mijanona hositrahin’izay rehetra mandimby toerana ilay tompony ka izy ireo indray no mitantana sy manajary izany tsy ho potika na ringana.

Rehefa naravona àry ireo dika telo andikana ny “patrimoine” ireo dia misy ny hevitra azo tsoahina amin’izany. Toetra iraisan’ireo rehetra ireo ny maha samy zava-manan-danja ifampitan’ny taranaka mifandimby azy. Eo koa ny endrika isehoany izay mety ho mivaingana na tsia. Noho izany, afaka mifanindran-dalana eny ny fanononana ny lova, ny harena ary ny vakoka araka ireto famaritana notsoahina tamina tahirin-kevitra vitsivitsy ireto:

⁵ R. RAJEMISA-RAOULISON, 2003, P.548.

Ny vakoka araka ny didy hitsivolana momba ny fiarovana azy dia lova avy amin'ny taloha ka ampitaina amin'ny taranaka mandimby⁶. “Ny Vako-drazana (vakoka razana) izay tsy inona fa fananana nifandovana avy amin'ny razana, ka lalaina tsara: tsy ny vakoka ihany tsy akory no antsoina amin'izany fa ny lova rehetra”⁷. Izay fananana, lova, harena izay dia mety ho an’olom-bitsy na ho an’ny daholobe. Mety ho ana fianakaviana; faritra na firenena mihitsy aza.

Ny harem-pirenena araka izany dia izay rehetra fananan’ny firenena, voajanahary na vokatry ny famoronan’ny sain’olombelona, manavaka sy maneho ny maha firenena ilay firenena, nolovaina avy tamin’ny Razana, iarahan’ny vahoaka amin’izany firenena izany mihanoka. Adika ho vakoka ihany koa ireny harem-pirenena ireny araka izay efa voalaza teo ambony. Ohatra amin’izany ny toerana na fitaovana isankarazany izay vakoka mitahiry ny tantara, ny fomba sy fanao, ny fitafy nenti-paharazana ary ny haitao sy hairaha maro...sns. Ny harem-pirenena dia misokajy ho fanana-manaraka sy fanana-mitoetra ary ifamahofahoan’ny hita maso sy ny tsy hita maso. Andaniny, misy ny harena hita maso sy azo tsapain-tanana: ny sokajina ho vakoka hita maso dia ireo lova voajanahary na voatr’olombelona azo tsapain-tanana. Toy ny valan-javaboaary, trano, sokatra...sns. Ankilany, ny tsy azo tsapain-tanana: ny sokajina ho vakoka tsy hita maso indray dia ireo rehetra teraky ny famoronan’ny sain’ny olombelona tarafina ao amin’ny endrika hita maso mitahiry ny tantara sy ny rakity ny ela, maneho ny maha izy azy ny faritra na vondron’olona na ny tsirairay. Voarakitry ny andininy voalohany sy faharoa amin’io fifanarahana iraisam-pirenena nataon’ny UNESCO io fa: ny harentsaim-pirenena tsy azo tsapain-tanana dia izay rehetra ahafantarana sy mampiavaka vondron’olona sy mpiaramonina mandray azy ho isan’ny harentsainy ka mampita azy amin’ny taranaka mifandimby. Ity farany indrindra no tena nametrahana ny fandinohana ny fitafy Tsimihety na dia azo lazaina ho mandray roa aza izany. Mandray roany lohahevitra satria ny fitafy dia akora mivaingana kanefa ny lanjany sy ny anjara toerany eo amin’ny kolontsaina no teny tiana havoitra. Ny famaritan’ny UNESCO anefa dia toa manamafy ny fisehony ao amin’ny sokajy araka izao manaraka izao.

⁶ UNESCO, 1982, p.04: « Le patrimoine est l’héritage du passé dont nous profitons aujourd’hui et que nous transmettons aux générations à venir ».

⁷ (w.E.). COUSINS, 1874, p. 206

Ny harentsaim-pirenena tsy azo tsapain-tanana dia ireo mikasika:

- Ny fomba amam-panao;
- Ny fanehoana hevitra na fihetsehampo tenenina amin'ny alalan'ny fihetsika (teny, dihy);
- Ny fomba fiainan'ny fiarhamonina (fandraisana ny fiainana sy ny tontolo manodidina mibaiko ny fitondrantena ara-batana sy ara-tsain'ny vondron'olona sy ny tsirairay eo amin'ny fiarhamonina);
- Ny fahalalàna momba ny voaary sy ny tontolo (finoana, filozofia, fanandroana, fitsaboana nentim-paharazana)
- Ny fahaiza-manao mifandray amin'ny asa tanana nentim-paharazana (haitao). Ny fitaovana, ny zavatra ampiasaina sy ny toerana fanaovana ny fomba mifandray aminy, izay fananan'ny fiarhamonina mpitahiry, dia isan'io harem-pirenena tsy mivaingana io. Voafaoka ao araka izany fitafy amam-pihaingo.

Raha faritana amin'ny ankapobeny ny haiolona dia toy izao no nambaran'ireo mpikaroka maro momba izany:

I E.TAYLOR (1971 : 97), dia namaritra tao amin'ny lahatsorany fa ny haiolona dia fitambaran'ny fahalalana amam-pinoana, ny lalàna sy fomba amam-panao ary ireo fahazarana ananan'ny olona. Tsy afa-miala amin'izany ny olona iray mikambana ao anaty vondrona. Ny haiolona dia rantsana iray ifandrais'an'ny santsa mandinika ny olombelona vatana (endrika, firafitra, fivoarana...) sy saina mandinika ny kolontsaina. Mirona mankany amin'ny maha olombelona ka mandinika ny momba azy⁸.

Mifameno amin'izany ihany koa ny famaritan'i L.P.RANDRIAMAROLAZA (2010: 06) sy ny namany izay milaza fa taranja mandinika ny olombelona vatana sy saina ka mamokatra fahalalana amam-pahaizana momba azy ny haiolona. Misy araka izany ny haiolona mifantoka amin'ny vatana, ary misy ny haiolona misahana ny zavatra azo tsapaina na tsia vokarin'ny sainy. Noho izany, azo andinihana ny olombelona tsara ny zavatra vokarin'ny sainy. Fomba raiki-tampisaka amin'ny mpikaroka rehetra momba ny kolontsaina ny fanavahana ireo lafin-javatra roa ireo. Ny haiolona misahana ny kolontsaina raha ny voalazan'I E.SAPIR (1967: 10) dia azo ampifandraisina indrindra amin'ny ara-

⁸ <http://lechatsururmonepaule.over-blog.fr/> Anthropologie /02-09-2017.

tantara⁹. Ao amin'ny lahatsoratra “En son dévenir l’Africanité” dia nilaza I J. MAQUET (1969: 211) fa ny kolontsaina dia harena velona ao amin'ny fiarahamonina ankapobeny. Io fananana io dia ahafahan’ny vondron’olona iray mamolaka ny tontolo manodidina azy. Laharam-pahamehana amin’izany fahaiza-mamolaka izany ny fanatsarana ny filana maharitra tsy azo avela toy ny sakafo sy ny fonenana. Zava-dehibe koa ny famoronana fitaovana enti-mivelona sy entina miaro tena. Koa heverina fa ao amin’io seha-pandinihana io no ametrahana ity lohahevitra momba ny fitafy malagasy tarafina amin'ny fiarahamonina Tsimihety ao Madritsara ity.

1.2- PETRAKA OLANA SY PETRAKA HEVITRA

Ny zavatra na toe-javatra iray matoa mahasarika ny saina dia misy antony mampametra-panontaniana manodidina azy. Koa antony isian’ity fandinihana ny fitafy tsimihety ity ny fisian’ny olana ilana famahana izay mila hanakona azy. Azo inoana fa noho izany koa no nahatonga ireo mpandinika mpitari-dalana hanao ny petraka heviny. Ombana manana koa izany amin'ny alalan’ireo petraka hevitra manokana nosintonina tamin’ny zava-misy sy ny famahavahana.

1.2.1- Petraka olana

Maro ny olana mipetraka manodina ity lohahevitra nodinihina ity. Amin'ny ankapobeny, mihen-danja tsikelikely eo amin'ny Malagasy ny lanjan’ny fitafy nentim-paharazana. Saika manerana ny faritra rehetra mihitsy no ahatarafana izany. Raha dinihina ny olana manodidina ny fitafy tsimihety dia vokatra ny fahapotehan’ny kolontsaina malagasy ankapobeny mihitsy. Raha ny marina dia mavesatra loatra ny donan-kolotsaina nianjady tamin’ny Malagasy. Etsy andaniny, ny tandindom-panjanahantany izay mbola takaitra mandraka ankehitriny. Nisy olana lehibe napetraky ny fitaizana tamin’ny fanjanahantany ary misy tarazo mandraka ankehitriny aza moa izany. Manampy trotraka etsy ankilany ny tanjaky ny fanatontoloana izay tsy azo ihodivirana intsony. Koa satria

⁹ « L’anthropologie culturelle se considère plus en plus comme une science strictement historique. Les données qu’elle rassemble restent incompréhensibles, à la fois en elle-même et dans leur rapport réciproque. Tant qu’on ne les interprète pas comme les aboutissements des séries spécifiques deviennent remontant à une passé éloignée. »

ekena eran-tany ny fandrosoana ara-teknika dia ekena miaraka amin'izany koa ny fomba fitafin'ny firenen-kafa. Nampifangaroana ny fomba fiaina, fomba fitafy hafa sy ny nentindrazana. Vokany, mikoroso fahana ny firenena satria tsy manana ny maha izy azy intsony¹⁰.

Rehefa novahavahana ireo tahirin-kevitra teo am-pelantanana dia tsikaritra ho samy maneho ny olana mianjady amin'ny fomba fitafy ankehitriny avokoa ny ankamaroany. Saika iraisan'izy ireo ny filazana fa isan'ny firenena tia maka tahaka ny sivilizasiôna vahiny ny Malagasy indrindra ny lafiny fitafy. Tia manao dingan-dava satria maika loatra ny handroso amin'ny sivilizasiôna. Ny fakan-tahaka no lasa ambony dia ambony fa ny fandinihana samy irery kosa mbola tsy ao. Ny mahafinaritra ny maso sy ny sofina ifamonjena sy andaniam-bola aman-karena fa ny tena soa votoatin-javatra tsy ahoana firy.

Hita mivaingana tamin'ny fandinihana ny fitafy Tsimihety tao Mandritsara ny fisian'ireo olana rehetra notanisaina teo ambony ireo. Nohamarinina tamin'ny firotsahana an-tsehatra izany ka lafin-javatra maro no azo ametrahana ny tena olana ankehitriny eo amin'ny haingo amam-pitafy Tsimihety. Toy ny fiarhamonina mivoatra rehetra dia tsy iainana sy ampiasaina firy intsony ny fitafiana nentim-paharazana ao Mandritsara tampon-tanàna. Maro ireo manana fahaiza-manao sy mivelona amin'ny sehatra ny zaitra saingy tsy misy amin'ireo ny mirona tanteraka amin'ny fitafy manavaka manokana ny Tsimihety. Manazava izany ny voalazan'ny mpanjaitra iray nohadihadiana fa : “*Manana ny kaomandiny izay heveriny tsara ny mpanjifa tonga eto aminay ary izy ireo no mamaritra endrika na didin'ny akanjo tiana ho zairina. Na misyaza dia vitsy no mba mampanao fitafy Malagasy izany*”¹¹. Izany hoe, miankina amin'ny zava-baovao hitan'ny olona ny vokatra omenany mpanjifa. Marihina fa antony iray maha vitsy ny mpampanjaitra ny fitobahan'ny friperia sy ny vita sinoa izay efa mahazo toerana ao Mandritsara.

Manoloana ny fandrosoana sy ny fifaninanana ara-barotra tsikaritra ho miha vasoka ny fitafiana nentim-paharazana malagasy. Mila ho rakitra ny ela fotsiny sisa no iheverana azy ankehitriny izaytsy misy hafa amin'ny zava-kanto Malagasy rehetra ihany. Io fitafy io koa dia voasokajy ho isan'ny rakitra ny ela satria aseho sy arantyfotsiny, koa raha misy

¹⁰J.POIRIER, 1984 : « C'est à partir de son identité culturelle que l'homme Malgache pourra dépasser l'antinomie tradition/modernité ou continuité de rupture, accepter en profondeur un développement « intérieurisé » conçue par lui-même et construire son propre avenir... », P.p:09

¹¹Resaka nifanaovana tamin'i Voahirana Lalao, mpanjaitra monina ao amin'ny fokontany Mandritsara Ambony

vahiny mandalo na misy fotoana ilana izany dia izay vao aseho masoandro. Tsy azo lavina izany trangan-javatra izany satria ny fitafy Tsimihety dia tsy fantatry ny ankamaroan'ny Malagasy raha tsy vanim-potoana mahalana dia mahalana: hetsika ara-kolontsaina sy fampisehoana na fifaninanana isam-paritra. Ohatra, ny mpanakanto sasantsasany avy any amin'ny faritra iny sisa no maneho ampanahany izay fomba fitafy izay ho fantatry ny rehatra. Amin'ny alalan'ny raki-tsary sy seho sehatra no tena itrangany fa tsy dia tena hoe iainana intsony.

Manoloana izay olana izay dia maro ny fanontaniana izay manitikitika ny saina toy ny hoe: Aiza ho aiza no mba anjara toerana ametrahan'ny Malagasy ny tontolon'ny fitafy ary inona fiheverany izany? Ahoana no ilazana fa mampifandray ny olombelona sy ny tontolo manodidina azy ny fitafiana araka ny miseho ao Mandritsara? Inona avy ireo anton-javatra mibaiko ny fomba fitafin'ny Malagasy? Ahoana no fisehony eo amin'ny Tsimihety? Inona avy no mety ho fiakon'izany eo amin'ny tsirairay sy ny firenena iray manontolo? Inona ihany koa ireo toe-javatra mila dinihina manokana manodidina ny fitafy sy ny haingo indrindra fa ao amin'ny fiarahamonina Tsimihety? Misy ary ve ny petraka hevitra sy vahaolana azo amahana olana ka ahafahana mampandroso ny sehatra ny fitafy?

1.2.2- Petraka hevity ny mpialoha lalana

Maro tamin'ny voka-pikarohana sy tahirin-kevitra nokirakiraina no efa niresaka manodidina ity lohahevitra ity. Tsy azo lavina araka izany fa betsaka ireo izay efa nialoha lalana tamin'ity asa ity ka nahafahana nisintona hevitra. Tsy vitsy ireo mpandinika no nanompanany asany tamin'ny haren-tsaina manavaka ny Malagasy isam-paritra. Tao anatin'izany dia saika niresaka fitafy sy fihango avokoa ny fandinhana nataon'izy ireo izay misandrahaka amina sehatra maro samihafa.

Nilaza, ohatra, R. RAJEMISA-RAOULISON (1972: 204) raha nandinika ny fomba amam-pahendrena malagasy fa: « Anisan'ny zava-kanto nentim-paharazana amin'ny firenena iray ny fitafiny, indrindra raha manana fitafiana mampiavaka azy amin'ny hafa izy. Ny Malagasy dia azo lazaina ho anisan'izany, satria vitsy dia vitsy eto ambany masoandro no manana io karazam-pitafiana io izay noharin'ny maro amin'ny “toga” nentin'ny Rômana fahagola (...)".

Raha nandinika ny fiarahamonina Betsileo kosa I J.RAINIHIFINA (1975: 48) dia nilaza ny maha zava-dehibe ny fitafy eo amin'ity vondron'olona ity. Hoy indrindra ny nambarany tao amin'ny *Lovantsaina II* manao hoe: "Zava-dehibe teo amin'ny Betsileo ny fihaingoana teo amin'ny fotoana rehetra. Nisy ny fivoaran'izany anefa rehefa tonga ny vazaha ary teo amin'ny akora fototra no nahitana taratra izany fivoarana izany. Ny fitafiana sy ny ravaka dia bikaina sao tsy manendrika na ratsy voatra".

I P. TONGASOLO (1997: 22.), ohatra, dia nandinika ny fomban-drazana Tsimihety. Voalazany fa maneho ny toe-batana sy ny toe-panahin'ny Tsimihety ny fitafy izay anaovany. Hita taratra hoy izy fa tsy dia ranjanana loatra ny Tsimihety fa kelikely fonentana ihany. Fa ny tena misongadina amin'ny zava-boalazan'ity mpandinika ity dia ny fitazonan'ny fitafiana anjara toerana lehibe eo amin'ny fomba amam-panao samihafa toy ny amin'ny fampakaram-bady. Misy ny harena omby sy vola ary fitafiana sy firavaka avy amin'ny lehilahy atolotra ny vehivavy noho izy hanambady azy. « (...) manoboka hatreo ny fiomanana amin'ny tsaboraha, na ny fianakavian'ny mpampakatra na ny fianakavian'ny ampakarina. Ireto avy ny zavatra kirakirain'ny mpampakatra: moletry, sarona... ». Ohatra, akanjo maromaro, kisaly, mahavoly, kiraro, kavina peratra...sns, arakaraka ny toe-pananan'ny fianakakvian'ny mpampakatra. Nambarany fa manamarika ny fari-piainan'ny fianakaviana ihany koa ny fihaingo amam-pitafy. Anisan'ny fomba ampiasan' ny Tsimihety ny fitafy koa ny amin'ny fivavahana sy amin'ny fahafatesana...sns.

Mifameno amin'izay ihany koa ny voalazan'I L. MATTEI (1939: 136) momba ny fitafin'ny Tsimihety amin'ny ankapobeny. Saingy ity farany kosa izay nanindry manokana fa teo amin'ny Tsimihety dia tsy tongatonga hoazy na nataotao foana ny fihaingo amam-pitafy. Misy loharano sy hevitra fonosiny izy ireny na ho an'ny lahy na ho an'ny vavy. Miovaova endrika arakaraka ny fotoana sy ny toe-javatra anaovana azy izany. Ny an'ny vehivavy, ohatra, dia samy hafa ny fisehon'ny fiakanjo amin'ny andavanandro sy amin'ny vanim-potoana miavaka na fety.¹²

¹² « Les femmes se couvrent le corps avec une rabane cylindrique (salovana) assujetie au-dessus des seins et descendant jusqu'au mi-jambe. (...) Au moment des fêtes importantes, les femmes arborent comme suprême manifestaion d'élégance, des robes en tissus jaunes ou roses et se coiffent, en outre, d'un casque blanc. »

1.2.3- Petraka hevitra manokana

Harena maneho ny maha-izy azy ny firenena iray ny fitafy nentin-drazan'ny mponina ao aminy. Ny fitafy noho izany dia anisan'ny ahafantarana sy mampiavaka ny vondron'olona sy ny mpiara-monina mandray azy ho haren-tsaina ka mampita izany amin'ny taranaka mandimby. Koa miavaka izany ny Malagasy noho izay fananana ny karazam-pitafiana nentim-paharazana samihafa izay. Ao anatin'ny fahasamihafana mandrafitra ny Malagasy dia miavaka ihany koa ny Tsimihety amin'ny fitafiny.

Mivoatra araka ny zava-misy ny fitafy Malagasy ary ahitana fanahafana ny zava-baovao hatrany. Mety hitondra fahalalana vaovao ho an'ny fiarhamonina izany eo amin'ny haitao sy fitrandrahana akora fototra araka ny hita taratra amin'ny fisehon'ny fitafin'ny Tsimihety ao Mandritsara. Niainga tamin'ny rafia sy paka, ohatra, ny akanjo. Noho ny fivoaran'ny tenona dia nanjary nisy ny lambahoany sy ny sampana ary ny somizo vita amin'ny akora hafa.

Anisan'ireo singa ivelany azo tsapain-tanana maha olona ny olona ny fitafy amin'ny maha filana fototra tsy azo ialana azy. Raha tsiahivina kely ny famaritana ny atao hoe olombelona dia zava-manan'aina arafitry ny saina, ny vatana ary ny fanahy. "Ny fanahy no olona"; izany hoe, ny fanahy no manavaka ny olombelona amin'ny biby sy zava-manana aina hafa rehetra. Io fanahy io no mibaiko ny fihetsiky ny vatana sy ny fivoaran'ny saina. Misy ny atao hoe fanahy tahotra izay mametraka ny fanahiana amin'ny olombelona ka mahatonga azy hitsimbina ny ainy. Ankilany koa ny fanahy henatra ka ahafahany mandanjalanja ny fihetsika ataony tsy ho toy ny biby. Noho izany henatra vokatry ny fananam-panahy izay dia manjary mitafy ny olombelona (manakon-kenatra amin'ny fitafiana). Ankoatra ny takon-kenatra dia natao hiarovana ny vatana ihany koa ny fitafy. Marefo ny vatan'olombelona ka mila arovana amin'ny hatsiaka na hafanana na rivotra ihany koa. Ny habaka sy ny fotoana dia manitatra ny fivoaran'ny sain'olombelona ka anehoany ny fahaiza-mifandray amin'ny tontolo voajanahary. Manampy izany ny fiarhamonina misy azy. Manaraka izany lamina izany koa ny Malagasy araka ny ahatarafana azy ao Mandritsara. Tsy mitsaha-mikaroka ny sain'ny olona mba hanatsarana ny fitafiana hifanaraka amn'ny vanim-potoana sy ny filana. Raha fehezina ny tiana ambara eto dia singa tsy azo sarahina amin'ny olombelona ny fitafiana ary maneho ny fifandraisana amin'ny tontolo manodidina azy. Ny fifandraisan'ny olombelona amin'ny

zavaboaary; ny fifandraisany amin'ny samy olombelona ary ny fifandraisany amin'ny hery tsy hita maso.

Tsy maintsy miaina ao anaty fiarahamonina ny olombelona. Anisan'ny fitaovana enti-miditra ao amin'izany fiarahamonina izany ny teny, ny asa, ny fihetsika, ny vavaka ao anatin'io fiarahamonina io dia ahitana fomba amam-panao. Misy ny harena iombonana na fananana ifandovan'ny olona ao anatin'io fiarahamonina io izay mety ho hita maso na tsia. Izany dia tokony hampisongadina ny fahendrena sy ny fahaiza-manaon'ny Malagasy ahitana taratra ny kolontsainy misy fanajana ny soatoavina: famitranam-pihavanana amin'ny zava-boaary maonodidina sy amin'ny hery tsy hita maso. Teo amin'ny Ntaolo dia fivavahana amin'ny tontolo samihafa no tena novoizina. Araka izany, hita fa manana anjara toerana tokony havoitra ny fitafy eo amin'ny kolontsaina Tsimihety. Ny fitaovana na zavatra avy amin'ny fahalalan'ny Razana dia azo sokajiana ho masina na tsia¹³. Izany hoe mety hisy toetra roa mifanohitra ny zava-manan-danja iray. Ifamahofahoan'ireo toetra roa ireo ny fampiasan'ny Malagasy ny haingo amam-pitafy arakany fampiharan'ny Tsimihety azy ao Mandritsara. Koa ny lanjany no ametrahana izany. Misy fitenenana fampiasan'ny olona any amin'iny faritra Sofia iny manao hoe: “*Saboribônga voalohan'ady fômbo*”. Ny hevitr'io araka ny nambaran'ny raiamandreny iray nohadihadiana dia: “rehefa eo amin'ny tena ka voafatotra ny saboribônga dia efa vonona ny saina fa ho raikitra indray ny ady na ny asa mafimafy”¹⁴. Etsy ankilany izany dia azo ambara fa masina ny fitafiana satria ampiasaina amin'ny zavatra mahasoa ny tena toy ny fiarovam-batana, fanakonan-kenatra ary manome hery...sns. Miteraka foto-pivelomana ho an'ny olona sasantsasany ny famoronana sy ny fanamboarana (fanjairana) azy. Raha raisina ohatra ihany koa ny lamba, mametraka izay toetra masina ananan'ny fitafiana izay. Raha vao teraka ny olombelona dia trotroina amin'ny lamba. Rehefa lehibe izy, amin'ny alalan'ny lamba entiny eny an-kodiny no mety ahalalana ny maha izy azy. Rehefa maty kosa dia tsy mahazaka afa tsy ny lamba any am-pasana. Famonosan-damba ny taolambalo no mari-panajana sy fanomezan-kasina Razana nipoirana. Akoatra izany, fitaovana ifandraisana amin'ny hery tsy hita maso ivelan'ny tena ihany koa ny haingo. Ohatra amin'izany ny firavaka. Amin'ny ankapobeny dia ny volafotsy sy ny akora voajanahary (voan-javatra na akorandriaka isankarazany).

¹³ M. ELIADE, 1965, p.37

¹⁴ Resaka nifanaovana tamin'Atoa MANAMPITY Armand, Mpampianatra, monina ao Maroamboka kaominina Mandritsara

Ampiasaina ihany ny volamena na vatosoa saingy miankina amin'ny fari-piainan'ny tsirairay ny fahafahana manao izany. Raha ny zava-misy ara-tantara anefa dia misy heviny avokoa ny firavaka izay entina na iambozonana ireny. Tsy mitovy avokoa fa miankina amin'ny vintan'ny tsirairayny fitondrana azy. Noheverina fa raha tsy voahaja izany dia mety hiteraka fahavoazana. Koa rehefa tsy mifanentana ny firavaka sy ny olona mitondra azy dia zava-dratsy no aterany. Noho izany manana ny lanjany tsy masina ihany koa ny firavaka satria mitondra loza. Manamafy io lanjany tsy masina io koa ny fomba fitafy itondran'ny tovovavy sasantsasany azy ankehitriny. Fitafy manify na fitafy tapaka mila hamoafady sy lany henatra.

Manoloana ny vesatra ny dona mianjady amin'ny kolontsaina Malagasy dia ilaina ny fanomezan-danja ny fitafy netim-paharazana. Harena azo lovain'ny taranaka mandimby ny haingo amam-pitafy Malagasy isam-paritra ka tsara raha hasongadina. Rehefa tsapan'ny tsirairay mantsy ny maha zava-dehibe izany dia azo ahodina ho fitaovam-pampandrosoana ny firenena ity tontolon'ny fitafy ity.

Fitaovana mampifandray ny Malagasy amin'ny natiora ny fitafiana. Iaraha-mahalala fa isan'ny toetra manavaka ny Tatsinanana indrindra ny fahaizany mifandray akaiky amin'ny zava-boaary sy manatsoaka hevitra amin'izany. Fa araka ny hita amin'ny andavanandro, dia tena mampisokatra sy mampivelatra ny sainy mihitsy ny zava-boaary ifaneraserany akaiky. Mampiseho izany fahafehezana izany ny fahaizan'ny Tsimihety mifantina sy mamolaka ireo akora hanamboarana akanjo (rafia, paka, landihazo...sns); ny firavaka (avy amin'ny harena ankibon'ny tany sy ny zava-maniry). Fitaovana ifandraisan'ny olombelona samy olombelona satria mametrakà ny toerany eo amin'ny fiarahamonina misy azy; miteraka fifanakalozana ara-kolontsaina sy ara-barotra; fitaovana ifadraisana amin'ny hery hafa ivelan'ny tenany fitafiana noho izy ifamatoran'ny finoana sy ny fady.

1.3- FOMBA FIASA

Ny asa fikarohana toy itony dia mitaky fomba matotra mahafeno ny fenitra siantifika. Atambatra ny mpikaroka ao anatin'izany fomba fiasa izany ireo tetika sy paikady amin'ny fanangonana akora iasana sy ny famahavahana azy ireny. Hovahavahana ato amin'ity toko ity araka izany ny dingana tsy maintsy nolalovana tamin'ny fikarohana natao. Hita ao sanatin'izany ny fanangonana ny akora iasana toy ny fikirakirana tahirin-kevitra sy firotsahana an-tsehatra ary ny famahavahana izany.

1.3.1- Dingana narahina

Mba hahafahana manangona ny akora hoenti-managana ny asa, toerana roa no tsy maintsy ipetrahan'ny mpikaroka momba ny haiolana. Voalohany amin'izany, ny fikirakirana tahirin-kevitrana *fikarohana ambony latabatra*. Faharoa manaraka izany, ny fidinana ifotony manamarina ny tena zava-misy na *firotsahana an-tsehatra*. Ankoatra izay, ny famahavahana ny akora voaangona.

Fikirakirana tahirin-kevitra:

Tamin'ity fikarohana ity dia tsy maintsy nialoha lalana ny fikirakirana sy fanangonana tahirin-kevitra kanahafahana manatsoaka hevitra sy manatevina ny fahalalana izay efa am-pelantanana. Tao anatin'izany, maro ireo toeram-pamakiam-boky nanatanterahana ny asa ka anisan'ireny, ohatra, ny tranombokin'ny Oniversiten'Antananarivo (Ankatso), ny Arsivam-pirenena (Tsaralalana), ny tranombokin'ny Akademiam-pirenena (Tsimbazaza) ...sns. Nahitana misimisy ihany ireo tahirin-kevitra nandalo teo ambany maso mombany sehatra anompanana ny fikarohana, ny fitafy sy ny fiarhamonina Tsimihety izay miseho amin'ny endrika maro samihafa: voalohany, ireo tahirin-kevitra an-tsoratra toy ny boky, revio, gazety trrainy...sns. Tsy izay mety ho boky rehetra akory dia novakina avokoa fa izay neverina fa azo ampifandraisina amin'ny fikarohana atao. Misy ny boky fototra izay ahazoana mamaritra ny sehatra anompanana ny fikarohana; mikasika ny haiolana ankabobeny, ny harempirenena; ny lohahevitra mivantana na ankolaka. Ny tari-dalana momba ny fikarohana siantifika. Ny boky miresaka sy manoritsoritra ny toerana anaovana fandinhana sy ny manodidina azy. Ny boky miresaka kolontsaina, na fomba amam-panao samihafa manerana ny faritra rehetra mamaritra an'I Madagasikara. Izany hoe ireo manoritsoritra ny

fiarahamonina sy ny fitafy ary ny hodidin'izany ka azo ampitahaina amin'ny sehapandinihana sy ny lohahevitra. Ny revio matetika dia mamotopototra hevitra ary mamintina lohahevitra voka-pikarohana iray; fandravonana tsoa-kevitra tamina famelabelarana na atrikasa...sns. Misy amin'ireny no avokana sampan-drahara, na fikambanana samihafa. Koa anisan'ny mahaliana amin'ireny ny voka-pikarohana momba ny maha-Malagasy. Azo lazaina fa faritra sy vondron'olona maro, saika izy rehetra aza no voasahan'ny fikarohana nataon'ireo sampam-pikarohana ireo. Noho izany, nisy vitsivitsy tamin'ireny no noraisina ifotorana. Ao koa ny gazety trrainy izay mandrakitra an-tsoratra ny fisehon-javatra iray na famakafakan-kevitra ataona mpandinika iray mety ho mahakasika mivantana na ankolaka ny lohahevitra sy ny sehatra dinihina. Misy araka izany ny petraka hevitra tsy voarakitry ny boky sy ny voka-pikarohana fa taterin'ny mpandinika mivantana an-gazety. Ankoatra izay, ireo didy hitsivolana na fehezan-dalàna mamaritra ny sehatra iray; fifanarahana iraisam-pirenena ...sns. Ohatra amin'izany ny avoakan'ny UNESCO, Ministera misahana ny kolotsaina sy vakoka. Tsy azo adinoina koa fa isan'ny fanovozan-kevitra ahombiazana ny fitsidihana ireny tranonkalam-pifandraisana ireny.

Raha misy ny an-tsoratra dia tsy vitsy koa ireo tahirin-kevitra tsy an-tsoratra toy ny lovan-tsofina sy tahirim-peo...sns. Ny tantara ankapobeny dia saika niainga tamin'ny ren'ny sofina ka nafindrafandra hatrany hatrany ho fantatry ny taranaka mifandimby. Tsy azo itokiana ho marina tanteraka izy ireny noho ny tsy fitovian'ny toetran'ny mpitantara sy ny fomba fitantarana, kanefa tsy isalasalana kosa ny ambangovangony. Maro, ohatra, no efa re mikasika ny fiainan'ny Malagasy sy ny fiheverany ny lanjan'ny fitafy. Mbola manamafy ireny ny fihetsiky olona tsirairay miaina ny karazam-pitafy. Tombony ho an'ny fiarahamonina ankehitriny miaina amin'ny fivoaran'ny teknôlôjia ny fananana kojakoja elektrônika ahafahana mikirakira feo. Fomban'ny mpikaroka indraindray ny manao fandraisam-peo amina asa fikarohana mandritra ny fanadihadiana atao. Ankehitriny efa maro ny fitaovam-pitahirizana ny feo nalaina toy ny kapila mangirana...sns.

Manampy ireo voalaza rehetra ireo ny fisian'ny tahirin-kevitra an-tsary, toy *ny sari-pika, rakitsary, fafana, kisary...sns*. Ilaina amin'ny fanampim-panazavana sy ny fanaporofoana hevitra iray ny fisiana saripika. Mety hanampy amin'ny tari-dalalana araka izany ny fampitenenana ny sary iray dinihina. Isan'ireo sary nojerena sy nangonina, ohatra, ny tahirin-tsary maneho ny fanoritsoritana ny toeram-pikarohana sy ny vondron'olona

manodidina azy izay asehon'ny mpialoha lalana sasantsasany. Fomba fiasa raiki-tampisaka any amin'ny sampan-draharaha samihafa ny fitahirizana hevitra aminafafana na kisary. Izy ireny matetika no anehoana fanasokajiana antontan'isa izay manampy betsaka ny mpikaroka amin'ny fikarohan-kevitra. Anisan'izany ireo toe-javatra mampiasa tarehimarika, daty, na teti-bidy...sns.

Ny firotsahana an-tsehatra:

Nanomboka tany amin'ny taona 1920 tany ho any, ry MALINOWSKI sy ny mpanara-dia azy dia nanankina ny fiononana fotsiny amin'ny fikarohana an-databatra. Nanamafy hatrany izy ireo ny tokony hirotsahana an-tsehatra mba hahazoan'ny mpikaroka ny zava-misy tena marina sy feno mikasika ny zava-dinihina. Izany hoe tokony hifototra amin'ny fandraisana anjara mivantana, indrindra indrindra ny fihainoana ny hevity ny olona eny ifotony. « Ny vatana sy ny fandrenesana samy hafa eo aminy no fitaovana voalohany ananan'ny olona hoenti-mikaroka sy manangona ny fahalalana manodidina »¹⁵.

Misy dingana telo ao anatin'ny firotsahana an-tsehatra: ny fandinhana ivelany ny fandinhana mivantana ary ny fanadihadiana. Hohazavaina eto ny fomba nanatanterahana izany tao Mandritsara tampon-tanana.

Voalohany, *ny fandinhana ivelany* dia miantomboka amin'ny fanombanana ivelany ka ao anatin'izay dia lokoina sy soritsoritana izay hitan'ny maso rehetra ka mety mihodidina amin'ny lohahevitra. Mijery sy mamantatra, mitanisa ny tontolo manodidina ny toerana, ny fihetsiky ny olona tsirairay sy ny rafitra rehetra misy ao amin'ny fiarahamonina ...sns. Noezahina, ohatra, ny nanangona ireo zavatra mety hifanandrify amin'ny fomba tavela sy ny fanatanterahana izany, ny toetra nanaitra ny maso, ny andraikitra tanan'ny tsirairay eo anivon'ny manontolo (ny kolontaina, ny lafimpiaianana...); ny fifampiakinana sy fifamenoana amin'ireo singa ireo. Hohalalinina ihany koa ny fihainoana tsy ankihetsika sy ny fihainoana arahim-pihetsika momba ny ren'ny sofina rehetra. Mifantoka amin'ny fiheverana ny lanja sy ny anjara toeran'ny lohahevitra sy ny fihodin'izany amin'ny toeram-pandinhana.

Faharoa, *ny fandinhana mivantana* dia nahafahana nandray anjara mivantana ihany koa. Tamin'ny fandinhana natao tamin'ny fokontany maro tao Mandritsara, ohatra, dia

¹⁵LP. RANDRIAMARILAZA, 2010, P.10.

niezahina ny nifangaro tamin'ireo mponina voakasika nandritra ny fisiana vanim-potoana miavaka sy ny andavanandro indraindray. Izany no nahafahana nanamarina ny fihetsiky ny olona tsirairay.

Fahatelo farany, ny fanaovana fanadihadiana. Miainga amin'ny fanontaniana na *ny fanadihadiana* ireo sokajin'olona isan'ambaratongany misy eo an-toerana momba ny lohahevitra sy ny hodidiny. Isan'izany ny raiamandreny sy ny tanora, ny tomponandraiki-panjakana sy ny mpitahiry ny fomban-drazana ary mpianatra sy ny mpiasa. Efa nisy ireo fanontaniana iaingana nomanina mialoha arakaraka ny sokajin'olona iantefany. Natomboka tamin'ny fanatonana ireo tompon'andraikitra ara-panjakana amin'ny teorana lalovanany fanadihadiana. Noho ny fidadasiky ny toerana andinihana dia ny biraon'ny kaominina avy hatrany no nohatonina voalohany mba ahafahana mitily ireo faritra tena fototra. Fanampim-baovao avy tamina faritra sy fokontany vitsivitsy no nanamasifana izany. Toy ny natao tao Ambalabe, Ambalakaompania, Antanandrainivelo, Mandritsara ambony...sns.

Mandritra ny firotsahana an-tsehatra dia misy ny fanampin-kevitra (fanamarinan-kevita) izay angonina. Mampitombo sy manamafy ireo hevitra rehetra azo nandritra nyfikirakirana tahirin-kevitra ary azo anamarinana ny voalazan'ny mpialoha lalana na ny lovantsofina ihany koa. Fomba iray mahomby anarahana akaiky ny fihetsiky ny olona sy ny fifampikasohany amin'ny hodidin'ny lohahevitra; ny fijerena ifotony izay atao mba ahafahana manao tsoa-kevitra ny amin'izay hita mivantana. Ny fandinika miampy ny fahalalana sy fahaiza-manao no loharanon'ny hevitra sy ny fiheverana momba ireo akora voaangona novoriana ka anaovana tombana. Ireo koa no iankinan'ny fianarana sy fampiharana rehetra; mampihodina sy manainga ny hevitra enti-mandinika ny tontolo, loharanon'ny fanao sy ny fiheverana mahazatra¹⁶.

Fandravonana ny akora voaangona amin'ny fandrafetana ny boky:

Ny famahavahana ny antontan-kevitra dia fomba fiasa tena laharam-pahamehana ary tsy azo ialana amin'ny fandinihana ny Haiolona. Io fomba iray io dia natao hanoritsoritana sy hamoaboasana ny votoatin'ireo tahirin-kevitra voavory taorian'ny fanangonana tahirin-kevitra. Mba hahatomombana ny famahavahana ny zava-

¹⁶ J.PENEFF , 2009 : 9.

boalazan'ireo akora ireo dia tsy maintsy nametraka mason-tsivana aloha. Takina amin'ny fanatanterahana ny asa ny fanomanana madinidinika momba ny firafitr'ity fomba fiasa ity. Tsy maintsy natao mazava tsara koa ny famaritana ny tanjon'ny asa; tsindriana mafy ny tontolon'ny fanadihadiana. Izany hoe, narindra sy nosokajina araka ny karazany avy ireo hevitra tokony hovahavahana. Nofantenana sy nolanjalanjaina ny teny na ny voambolana noenti-naneho hevitra mba hahatafita ny tanjona kendrena.

Samy nanana ny fomba fijeriny avokoa ireo mpialoha lalana mikasika ny lohahevitra ankabopeny. Misy ny hevitra somary misafotofoto ka tsy maintsy natao koa izay handravonana azy. Tsy miresaka mivantana ny lohahevitra ny ankamaroan'ireo fa ny hodidina ifamatoran'ny fitafy sy ny fomba fanao...sns. Saingy noe Zahina ny nanasokajy ireo karazan-kevitra nivangongo ka narafitra araka ny lanjany.

Nisy ihany ny olana madinidinika teo amin'ny famoahana ny zana-kevitra isan-toko sy isam-pizarana. Tsy navoaka ny lohateny raha tsy voalahatra ny hevitra hovelabelarina. Tao anatin'izay rehetra izay, lala-mpiasa narahina no nahatafavoahana ny fehin-kevitra rehetra tamin'ny farany. Izany rehetra izany moa dia notohizana tamin'ny fanitsiana sy fanatsarana ny endrika ivelan'ny boky ka nahafahana nanonta azy. Koa satria zava-dehibe ny tokony ahafehezana ny teny enti- mandrafitra ny asa dia natao ho fitaovana fanampin'ny akora ny karazana rakibolana sy ny tahirim-pahalalana momba ny haiteny.

Tsy maintsy tazonina hatrany ny fananana toetsaina siantifika raha te ho tody amin'ny dingana avoavo kokoa amin'ny fikarohana. Ambaratonga telo lehibe no isehoan'izany fananana toe-tsaina siantifika izany: voalohany amin'izany ny fahamarinana na fijerena ny zava-dinihina amin'ny maso tsy miangatra, tsy misy fihetseham-po, tsy mitanila ary tsy mandatsaka na manampy. Izany hoe, ny fahamarinana amin'ny heviny siantifika tsy tonga dia mitsara avy hatrany fa mahay mandanjalanja ary tsy tokony hanjavozavo ny zavatra dinihina. Faharoa manaraka izany, ilaina koa ny toetsaina tia mijery ny ankabopen-javatra. Tsy tokony hijanona amin'ny fanehoana sy ny fitanisana fotsiny na dia manao antontan'isa aza fa tsy maintsy mahay manasokajy koa. Fahatelo farany, ny fanaovana tsoa-kevitra na fanakarana ny hevitra rehetra mihodidina amin'ny zava-dinihina. Samy manana ny fomba fandinika anompanana ny lohahevitra dinihina ny sehatra rehetra madinika ny olombelona sy ny fiarahamonina. Toy izany koa ny haiolona nanaovana ity fitafy tsimihety ity.

1.3.2- Ny lalantsaina narahina

Ny fikarohana miompana amin'ny sehatry ny Haiolona dia misy fomba fiasa mifamatotra aminy ary indrindra tsy maintsy manaraka lalam-piasa na lalantsaina. Tamin'ity asa fikarohana ity, ny lalantsaina antsoina hoe: “*Théorie de l'intentionnalité*” no nitondrana ny fandinihana ny fitafy Tsimihety. Koa andeha hohazavaina fohy ny mombamomba sy ny tantaran’io lalantsaina io sy ny fihodiny ao amin'ny asa fikarohana natao.

Ny “théorie de l'intentionnalité” sy ny momba azy:

Lalantsaina iray izay mihodidina amin'ny fisainana sy ny fiheverana, faniriana na sitrapo te hanatanteraka fihetsika na fikasana iray. Ara-piforonan-teny, ny hoe « intentionnalité » dia toe-panahy na fihetsika mirona amina fisainana hanao zavatra iray an-tsitrano na araka izay tiana sy faniriana. Araka ny nambaran’F. BRENTANO (1909: 16), ny toetra sy ny asan’ny sain’ny olombelona dia fantatra amin'ny ataony izay mambomba na mifantoka amina zavatra iray. Io zavatra atao io no manome fisiana voafetra asan’ny saina. Nanazava ny fotopototra ara-tantara mikasika izany “*théorie de l'intentionnalité*” izany i D. PERLER (2003: 7-13) nandritra ny famelabelarana nataony tao Paris ka raha naravona dia toy izao ny nambarany: “Raha hohazavaina izany dia izao: raha misy, ohatra, olona iray mieritreritra zavatra iray ho tanteraka, ny fisainany izany dia mifantoka amin’ny zavatra iny. Mety ho mahatsiaro ny zavatra lasa izy ary ny fahatsiarovany izany dia mifantoka amin'ny zavatra nisy na ihany koa manantena toe-javatra iray hitranga. Ny fanantenany izany dia mambomba amina toe-javatra misy sy mitombina. Toa ho hafahafa sy tsy dia azo ekena loatra araka ireo ohatra ireo ny hilaza fa madefa eritreritra ny olona iray kanefa ny eritreriny tsy mitondra mankaiza akory; na mahatsiaro kanefa tsy misy akory ny lasa hotsarovana. Izao mantsy, ny eritreritra sy ny fahatsiarovana na ny fanantenana dia tsy maintsy mambomba mandrakariva zavatra iray ary ireo dia noho ny faniriana na fikasana. Na dia efa fantatra aza indraindray ny tsy fahatanerahana na tsy fivainganan’ny zavatra iray izay noeritreretin’ny saina. Ny eritreritra dia matoky sy mino foana ny fisiany. Inona ary no mety ho mahatonga ny olona iray hino sy hahatoky zavatra iray? Mety ho maivana angamba izany fanontaniana izany kanefa raha dinihina dia toa lalina ihany satria mifototra amina fahafahana mamanta-

javatra: ny tsirairay mantsy dia manana fahafahana mifantoka amin-javatra iray. Azo ambara noho izany fa misy ny fahaiza-manao voajanahary amin'ny maha olona voafotopototra tsara ny olombelona ary izany fahaiza-anao izany no manavaka ny olombelona amin'ny zavatra hafa. Ahoana koa izany no ahafahana mamelona io fahaizamanao io sy hampifantoka izany amina zavatra marina sy raikitra (na amin'ny zavatra tena misy na amin'ny zavatra alaina sary an-tsaina fotsiny)? Mety hoalaim-panahy ny rehetra ka hamaly izany fanontaniana izany: nysain'ny olombelona dia natao hanana fahazarana izay azony afantoka amina zavatra misy. Ny tsirairay ihany koa dia afaka mamahavaha ny fifandraisana misy eo amin'ny asa na ny ataony sy ny zavatra iray iharan'izany. Manamafy izany, tsy misy, ohatra, olona iray afaka mifaly amin'ny fahatongavan'ny zavatra iray andrasany fatratra raha tsy efa azony sary an-tsaina sahady ny mety ho fisehon'izany. Ao anatin'izany, sarotra amintsika anefa ny hanazava ny zava-misy. Indraindray mantsy ny olona mianina fotsiny amin'ny hoe inona daholo ireo karazam-pihetsika mandeha hoazy misy ary inona no anton'izany. Ao anatin'izany dia fadiana tanteraka nyfanazavana ny hoe: nahoana io no mandeha hoazy na lasa fahazarana? Heverina ho marina rahateo fa zava-miseho voajanahary izy io ary tsy azo azavaina.”

Ireo hodidina ireo no noentina nitarihana ny momba ny lalantsaina “théorie de l'intentionnalité” izay heverina fa azo itondrana ny fikarohana momba ny fitafy tsimihety. Anisan’ny efa nialoha lalana an’I Dominik PERLER tamin’ity lalam-piasa ity ny pandinika toa an-dry F. BRENTANO (1874: 124)¹⁷ izay azo lazaina fa anisan’ny nampivelatra ity lalantsaina ity; ry H. PUTNAM (1981); ry A. MARRAS (1976) ary K. HEDWIG (1978); ry J. HALDANE (1989)...sns. Izany hoe ireo dia nandala sy nandinika ny lalan’ I F. BRENTANO. Fa inona kosa ary no tena olana nahatonga ireo mpandinika ireo hivoy ity lalantsaina ity?

Araka ny famelabelaran’I D. PERLER (2003: 21) ihany dia miainga amin’ireto fanontaniana ireto no ahafahana manatsoaka hevitra mikasika ny lalantsaina ambara eto:

- “Amin’ny fomba ahoana no ahafahan’ny olona mambomba zavatra iray sy mamantatra izany? Inona no manosika ny olona hampiasa ny fahaizana

¹⁷ «(...) Chaque phénomène psychique se caractérise par ce que les scolatiques du Moyen Âge appelaient l'in-existance intentionnelle (ou mentale) d'une chose, et par ce que nous aimerais appeler, si ce n'est pas qu'avec des expressions un peu ambiguës, la relation à un contenu, la direction vers un objet (ce qui n'est pas à comprendre comme une réalité) ou objectivité immanente (...).».

voajanahary ao aminy hiorina amin-javatra voafaritra mazava tsara na zavtra tena misy izany na zavatra vao vinavinaina fotsiny? Inona no mibaiko ny asa araka ny sitrapon'ny olona iray? Inona no mahatonga ny fahazarana sy fifikirana amin'ny fanaovana zavatra iray eo amin'ny olona? Nahoana ny ao anaty ny saina no miseho ety ivelany ka mahatonga fiforongan-javatra azo tsapain-tanana?”

Raha faritana amin'ny fomba tsotra sady fohy izany ny atao hoe “théorie de l'intentionnalité” dia lalantsaina mihodina amin'ny fisainana, ny fiheverana, ny fanirianana na ny sitrapo te hanatanteraka fihetsika na fikasana. Ara-piforongan-teny, ny “intentionnalité” dia midika ho toe-panahy sy fihetsika mirona amin'ny fisainana hanatanteraka zavatra iray araka iazay iriana. Azo ampiharina hoenti-mamahavaha sy mandalina ny fitafy Tsimihety araka ny miseho ao Mandritsara noho izany ity lalan-tsaina ity.

Ny fihodin’io lalantsaina io amin’ityasa ity:

Araka ireo voalaza rehetra ireo, tao anatin’ny fandokoana sy famahavahana no niezahina nanazava ny tontolon’ny fitafy Tsimihety ho azo vahavahana sy iadian-kevitra ary nanaovana tombana...sns. Anisan’ny niaingan’ny petraka olana, ohatra, ny hoe: Inona no fisainana nibaiko ny fomba fitafin’ny Tsimihety? Ahoana no fisehon’izany eo amin’ny fiainany ankapobeny. Izany hoe, azo antoka fa misy anton-javatra nanosika ny sain’ny tsirairay ka nahatonga azy hanao izany. Ny fivoaran’ny fitafiana ihany koa miankina amin’ny zavatra misy sy miseho ao anaty ny vanim-potoana diavina. Navoitra ato anatin’ny asa rahateo moa ny fiheverana Malagasy hita taratra amin’ny fitafy. Tsy nisy naha-manan-danja ny teo amin’ny fiainana ny fitafiana raha tsy misy zava-tsoa entiny amin’ny olona. Tafiditra amin’ireny ny firindran’ny fifandraisana mety hisy eo amin’ny olombelona sy ny tontolo manodidina azy. Ankoatra izay, tsy finiavana te hitanisa sy haneho endrika sy ny karazana fitafiana tsimihety amin’ny maha vakoka na herena azy fotsiny no tanjon’ity fikarohana natao ity fa ny ahatonga izany hanome vahana ny fiarahamonina.

FEHINY

Raha fehezina ny voalaza tato amin'ity fizarana voalohany ity dia toko telo no nahafahana namelabelatra ny zava-dinihina. Nofaritana mazava tsara ny atao hoe fitafy sy ny fitafiana tsimihety izay matetika mifangaro ny heviny. Nohazavaina niaraka tamin'izany koa ireo anton-javatra vitsivitsy nisafidianana io lohahevitra io sy ny toerana nanaovana fandinhana ary ny sehatra nanompanana ny fikarohana. Navoitra ihany koa ireo petraka hevitra sy petraka olana manodidina ity fitafy tsimihety ity. Izany hoe, aro ireo olana mipetraka izay ilana famahana, na eo amin'ny fitafy ankapobeny izany na ny an'ny vondron'olona Tsimihety manokana. Misy ireo petraka hevitra avy amin'ny mpialoha lalana toa an-dry J. RAINIHIFINA, (1975), P. TONGASOLO (1997), L. MATTEI (1939)...sns. Teo koa ny petraka hevitra manokana toy ny fametrahana ny maha fitaovana mapifandray ny Malagasy amin'ny natiora ny fitafiana. Ankoatra izany, misy ny fomba fiasa tsy maintsy arahina amin'ny fikarohana. Tsy azo ialana noho izany ny fanarahana lalan-tsaina mazava tsara. Ny “Théorie de l'intentionnalité” no nohazavaina niaraka amin'ny fihodiny amin'ity asa ity.

II- FANDOKOANA SY FAMAHAVAHANA

Rehefa avy nohazavaina ny zava-dinihina izay nametrahana ireo fomba fiasa mifamatotra amin'ny fikarohana dia andeha holokoina sy vahavahana ny vokatr'izany. Manana ny maha izy azy ny vondron'olona Tsimihety ara-tantara, indrindra fa ny lafiny fitafy. Heverina fa amin'ny alalan'ny fanoritsoritana izany no ahazoana mamantatra bebe kokoa ny zava-misy marina mikasika ny lohahevitra sy ny fisehony ao Mandritsara. Tsy mijanona hatreo fa afaka manao fampitahana ihany koa miseho amin'ny faritra hafa manodidina.

2.4- FANORITSORITANA NY TSIMIHETY SY NY FITAFY

Ny vondron'olona Tsimihety ao Mandritsara renivohitra no natao ivo entina mitaratra ny fitafin'ny Malagasy amin'ity asa fikarohana ity. Koa heverina fa tsara raha soritsoritana fohy ny mombamomba izany Tsimihety izany noho izy mifamatotra tanteraka amin'ny zava-dinihina. Hotsiahivina kely ny tantarany sy ny fiaimpainany ankapobeny ao an-toerana ary ny endrika isehoan'ny fitafiany.

2.4.1- Tantarany Tsimihety

Talohan'ny taonjato faha dimy ambiny folo no efa nitoetra tao Androna ny Vazimba. Araka ny lovantsofina, dia ireo antsoina hoe *Ravanga* no mponina voalohany tao Androna. Izy ireo izay niainga avy tao Nosy Boraha nihazo ny tendron'I Masoala. Tsy nijanona tao anefa ireo fa nanohy ny diany nikisaka nianandrefana ka namakivaky ny alan'Ivohilava (telopolo kilometatra atsinanan'I Mandritsara) mandra-pahatongany tao Madritsara (nanjary nataony ho renivohitra). Izany hoe nijanona tao vohilava ny ampahany fa ny sasany no nifindra ka ireo nijanona ireo dia nantsoina hoe "Antaivohilava". Taty aorianana nanatona an'I Mandritsara koa ny Antevongo (avy tao Soanierana Ivongo) sy ny Zafitsimailo (avy tao Matitanana). Ankoatra ireo dia nisy koa ny fahatongavan'ny Sihanaka sy ny Betsimisaraka. Ireo izany no mponina voalohany tao Androna izay tsy nahitana soritra ny hoe Tsimihety. Ankilan'izay araka ny fandinihana nataon'ny mpahay tantara (toa an-dry L.MATTEI (1939), P. TONGASOLO (1997), A. TRALBOUX (1902)...sns) dia vokatry ny fifangaroan'ny Razan'ny mpiavy sy ny teratany izay efa

nonina teo ihany no nipoiran'ny foko Tsimihety. Araka ny fandravonana ny zava-boalazan'izy ireo, rehefa tafiditra teto ireo tantsambo europeana ka nifatratra tamin'iny ilany Atsinana'ny Nosy iny dia nifandray sy nifangaro tamin'ny Malagasy. Ny Sihanaka sy ny Betsimisaraka no tena voafaokan'izay fifandraisana izay araka ny tantara ihany¹⁸.

Araka ny nambaran'i FARIDANONANA (1976: 42) momba ny fiavian'ny Tsimihety. Tao Anosimangabe, Ramangabe no filohany izay mpitsabo mahay. Betsaka ny vahiny tonga toy ny Holandey, Arabo, ny Karàna...sns. Niady ny Vazimba sy ny Antanosimangabe ka azo sambobelona Ravazimbabe, izay tonga skaizan-dRamangabe noho ny fahendreny. Io vazimba io no nitaona ny olona niala tao Anosimangabe ka nankao Antanibe ary tonga tao Andohanivohimaro. Nipetraka tao Andovokobe, eo anelanelan'i Jabahiny sy Mangarahara ny vahoakan-dRamangabe. Rehefa filohaRavazimba, notarihiny ny olony ho any Andafatra ka nonina tao naharitra ny Razamben'ny Tsimihety ary nomena anarana hoe: Andavabato. Nizara toerana telo izy io: Ankjanin'omby, Antanambahoaka ary Andapa. Fomban'ny tao andafatra tamin'izany ny nanery ny olona babony mba hanangana ravin-kazo maitso ho marika ny fahareseny. Noho izany nomena anarana hoe: Marosaina ny mponina ary nanjaka kosa ny nantsoina hoe Manjakamarosaina. Rona mpanazary¹⁹ no nanjaka raha niamboho ny sojabe Kozakabe. Izy dia zazalahy 12 taona izay nampitam-bava ny maro ny zava-bitany satria marina sy toa avokoa ny zavatra noteneniny. Tsy misalasala ny olona nanaiky azy ho sojabe. Ny zavatra nataony voalohany dia nitarika ny olona niala tao Andafatra ary nanorina ny tanàna isam-pehity izay miisa 38. Natsangana araka izany isa izany ny lapa sy ny sojabe natsoina hoe: Mpitambodisaina, izay nanapaka ny vohitra rehetra teo ambany fitarihan'ny mpanazary filoham-panjakana. Io isa io no niova ho anaran'ny fitondrana, dia ny Fanjakan'ny 38 ary sojabe mpanolotsaina kosa nantsoina hoe: 38lahy. Tao Mahalana izy no niambina nony maty Rona, izay fonenan'ny mpanazary. Ankehitriny ny tanana itoeran'ny izay fonenan'ny Tsimihety no antsoina hoe Androna ka Mandritsara no renivohiny. Ireto avy no faritra niandidian-dRona: Antakabana, Bilefitry, Betsokobona, Amboaboa, Bevoay, Betampiana, Antsahondrano, Mangeninjy, Andilandratsy, Beantoko, Anadaboantitra, Mangarahara,

¹⁸L.MATTEI, 1939, P.131-132: « A défaut de vérité historique, la légende la plus vraisemblable du pays Sihanakaet de Nosy-Boraha (Ste-Marie), auquel se joignirent, dit-on, quelques matelots français qui, après échouage de leur bateau à Foulpointe, furent chassés vers l'intérieur des terres par les Betsiisaraka de la côte (...) ».

¹⁹P. TONGASOLO, 1997: 5-7.

Ampatakamaroreny, Fahimbahy, Simiarana, Mananara, Antsiatsiaka. Ireo no faritra niandidiany tamin'izany.Tananan'i Manjola no renivohitr'Androna. Nifindra ny tanana taty aoriana ka niakatra ao Mandritsara. Izany no maha renivohitr'Androna an'i Mandritsara.Ratolaza, Rangotsy, Manjarilaza, Ratanibe ireo no mpanazary nifandimby taorian'io. Biandrona, kialondrona, Soamamindra ireo indray no nanjaka tao Marangibato.

Tamin'ny andron'ny mpanazary Manjarilaza dia notendreny ho mpitondra fanjakana Ramarohosina, izy kosa dia nijanonana ho mpanazary. Tonga tao Androna Ramaitsosy, zanak'Andriana Zafinifotsy ary tany Boina izay nandositra ny adimpianakaviana. Nalain-dRamarohasina ho vady i Saronambola zanany.Taty aoriana, nisy kosa zanak'Andriana maroseranana nanatona an-dRamarohasina dia i Bararativokoko sy Itompo anabaviny.

Nalain-dRamarohasina ho vady i Itompo ary niterahany lahy nozarain-dramarohasina tamin'i kojia ny fanjakana. Tapitra teo ny fanendrena sojabe sy mpanazary satria tafiditra tamin'ny fanjakan'Andriana Tsimihety ny taranaka Sakalava. Tsy voavahan'ny sojabe ny olana ka nangataka fanampiana tamin'Andrianampoinimerina izy. Tsy voasakana anefa ny fandrosoan'ny fanjakana Maroseranana. Rehefa maty mpanjaka zafinifotsy tao Marangibato dia tsy nanaiky ny hihety volo ny Antivohilava ho fisaonana azy. Tezitra noho izany ny Sakalava ka noesoiny hoe: "Tsimihety" ary raikitra ho anaran'ilay foko mihitsy izany mandraka androany. Tamin'ny andron-dRatanibe ny taona 1823 no nahatongavan-dRadama I tany Androna. Nametraka tsangambato tao Ankiabesalohy ary nikabary tao Marotandrano izy. Nandray azy tsara ny Tsimihety ka hoy izy hoe: mandry tsara ny aty, satria tsy tonga nanafika intsony ireo marofelana ka nandry fahizay ny tany. Tamin'ny taona 1895 Rakotovoalavo no governora napetraka tao. Niantso vatan-dehilahy hanohitra ny Frantsay izy nefà nandà mafy ny Tsimihety izay notarihin'Iadiansimiady. Nampiditra am-ponja izy noho izany nefà tsy nanaiky ny vahoaka izay notarihin'i Manampilo ka nangataka ny hamoahana azy. Tamin'ny 18 Desambra 1896, tonga tao Mandritsara i Pradon, izay filoha fratsay tao Maroantsetra, mbola i Manampilo ihany no nitarika ny fanoherana azy nefà voasambotra izy ary maty noho ny tifitra natao azy. Tamin'ny 1899 vao nitsahatra nanohitra ny Tsimihety.

Ny anarana hoe Tsimihety dia niforona taorian'ny fahafatesan'ny mpanjaka Antaivohilava. Ny hoe *Tsimihety* ara-piforongan-teny dia midika ho *tsy mitapa-bolo*²⁰. Koa io izany no anarana nentin'ireo vondron'olona ireo taty aoriana. Taloha dia samy lava volo avokoa ny lehilahy sy ny vehivavy ary tamin'ny vondron'olona nanerana ny faritra maro no nanao izany. Tamin'ny andron-dRadama no nisy ny fanapaham-bolo satria andeha hanao miaramila ny lehilahy ka tsy maintsy tapahina ny volo. Tsy nety anefa ny vehivavy vad'in'izy ireo. Nikomy ny vehivavy ny tsy fanekena izany vadiny hotapahim-bolo izany satria efa fomba teo aminy io lava volo io. Tezitra tamin'izany anefa ny mpanjaka dia notapahin-doha ireo vehivavy ireo. Hita koa izany any amin'ny faritra Tsimihety (ny lehilahy lava volo). Ny anarany rahateo moa efa Tsimihety mety izany indrindra ho fandalana ny harentsaina no tsy nanapahany ihany koa ny volony.

Saripika 1: Ireo lehilahy Tsimihety anaty dinidinika (Ambalabe)



Azo lazaina ho fitafy maontina amin'ny lehilahy tsimihety ny fisikinana labahoany, indrindra fa ankavoriana toy izao. Maneho ny maha olon'ny fihavanana azy ireo koa izany.

Loharano: ny mpikaroka

²⁰L.MATTEI 1939:124: "A la mort du roitelet de vohilava, ces dissidents refusèrent de couper leur chevelure et s'enfuirent en forêt. C'est à l'origine du nom Tsimihety (qui ne se coupe pas les cheveux)».

2.4.2- Ny lafim-piaianana ankapobeny ao Mandritsara

Toerana maro ao amin'ny faritra Sofia araka ny voalaza tetsy aloha no ahitana ny vondron'olona Tsimihety, saingy ny kaominina Mandritsara Renivohitra eto no hanaovana fandokoana noho izy sehatra iasana. Andeha hosoritsoritana manaraka indray nymponina sy ny lafim-piaianany amin'ny ankapobeny. Ny tena hotsindrina amin'izany dia ireo lafin-javatra misy fifamatorana amin'ny lohahevitra sy ny hodidiny.

Renivohitry ny tsimihety no iantsoana an'I Mandritsara. Na izany aza anefa dia ahitana fifangaroana vondron'olona vitsivitsy ihany noho izy tanan-dehibe. Ny tena mamaritra ny fiarahamonina sy ny fomba amam-panao anefa dia ny Tsimihety amin'ny ankapobeny. Ny Betsimisaraka, ny Sakalava, ny Merina, ny Betsileo ary ny Sihanaka no tena hita mifamezivezy sy mila ravinahitra ao ankoatra ny Tompontany. Tsinjo avy hatrany amin'ny fitafiny ny fisian'ireo vondron'olona sasany ireo ary tsy latsaka amin'izany ny an'ny tsimihety. Ny fanadihadiana natao tamin'ny firotsahana an-tsehatra no nahitana fa mitsinjara amina sehatra samihafa ny andraikitra sahanin'ny vondron'olona tsirairay avy.

Fafana 1:Ankapobeny momba ny tsinjara andraikitry ny mponina ao Mandritsara.

Ny vondron'olona	Ny andraikitra ankapobeny	Faritra onenana (fokontany)
Tsimihety	Ny fiompiana, asam-panjakana, ny fambolena, asa Tanana, jono, ny fitaterana ...	Manerana ny Kaominina
Betsimisaraka	Ny asa Tanana, ny fiompiana, varotra	Ambalakompania
Betsileo	Ny varotra, ny asam-panjakana	Ambalabe, Antanandrainivelo
Merina	Ny varotra enta-madinika, ny asam-panjakana	Ambalabe
Sihanaka	Ny varo-mandeha	Mandritsara Ambony
Antandroy	Ny varotra, tefy	Andohomby

Loharano: Ny tomponandraikitra isam-pokontany (kaominina Mandritsara)

Mandritsara eo amin'ny lafin'ny ara-toekarena: ny fizahantany, ny fiompiana sy ny fambolena, ny asa tanana, ny varotra...sns.Ny fiompiana omby no tena nanavanana ny tsimihety fahiny ary ny fambolena koa tsy afa nisaraka taminy. Maro araka ny hita ny sehatr'asa ifotoran'ny fiharian'ny mponina ny mahazo vahana sy be mpanao indrindra dia ny asa tanana toy ny: Ny Rafitra: taoatrano sy fanaka ; ny tefy: tefy vy sy vifotsy, tefy firavaka (volamena sy volafotsy), ny tefy tanimanga (fanaovana vilany tany, sajoa (siny), vazy sy tavy, fatana tany)...sns, ny tenona sy rary: fikirakirana ireo akora voajanahary (ny zava-maniry toy paka sy ny rafia) hanaovana kojakoja sy fitafiana isan-karazany,ny zaitra, fikirakirana ny lamba sy ny hoditra hamokarana karazan-kaingo toy nykitapo, kiraro, pôketra...sns.

Azo lazaina ihany koa fa vadin'asa ny asa tanana ka rehefa tonga ny fotoampabolena dia tsy maintsy avela aloha izany araka ny nambaran'ireo olona izay nohadihadina tao Mandritsara nandritra ny fanadihadiana: « *Efa tôy edy ny velontainjanay kè tsy azonay ialanya, zahay efa tsy hiady lôva satria efa nibodôko pôsotro . Izy koa efa tonga ny vôlanya jona ijjy izy teja mandeha ny varotro e! Satria baka hanomaya 26 zare!* »²¹. Havanana amin'ny asa tanana madinika toy ny rary sy ny tenona ny ankamaroan'ny olona. Raha maro ireo fianakaviana mivelona amin'ny fandrariana sy fanenomana dia efa misimisy ihany koa ny mivelona amin'ny zaitra sy ny tefy firavaka. Mitana anjaratoerana ao an-tsena (toy ny hita ao Bazarintsarety Antanandrainivelo isaky ny Alakamisy; Bazarikely Mandritsara Vaovao isaky ny Talata) koa ny varotra haingo amam-pitafiana maro isan-karazany.

²¹ Valin-tenin'i JAOMANESY, mpandrafitra, rehefa nanontaniana ny antony nanaovany asa tanana.

Saripika 2: Ny rary sy ny tenona ao Mandritsara



*Saika akora azo
avy amin'ny
zavamaniry
avokoa no
andrariana sy
anenomana
hatramin'izao ao
Mandritsara.mane
ho izany fa mahay
mifandray amin'ny
zava-boaary izy
ireo*

Loharano: Ny mpikaroka

Toy ny fiarhamonina rehetra dia misy rafitra mipetraka mazava tsara mitondra sy mitantana azy ny mponina ao Mandritsara. Azo ambara fa mizara roa mazava tsara ny rafipitondrana ao an-toerana araka ny fandinihana ny natao ihany. Etsy andaniny, mbola voatanan'ny Tsimihety mandraka ankehitriny ny fahefana amam-pitondrana nentimpaharazana. Izy ireo izay mbola masin-teny amin'ny mpiara-monina noho izay vato namelan-kafatra sy mpitahiry ny haren-tsaina sy ny fomban-drazana. Koa eo foana ireo mandritra ny zava-miseho indrindra amin'ny vanim-potoana miavaka. Na dia amin'ny lanonam-panjakana samihafa aza (fitokanana fotodrafitsara, fandraisana olom-panjakana abony sy vahiny manan-kaja...sns), mbola mandray anjara sy manome voninahitra izy ireo. Anisan'ireny, ohatra ny Sojabe na ampitan-koboay. Ny Sojabe dia niantsoana ireo filoha mpitarika ny Razamben'ny Tsimihety tamin'ny andro nitondrany teto Antanibe ny malaza indrindra tamin'ireny dia: Fangohagara sy Rakonkaja ary Linjavio izay tody tao Vohimaro, Mangibay izay tody tao Ambinaninatenambala. Ankehitriny kosa dia sojabe no niantsoana ny filoham-pianaviana sy ny ray aman-dreny. Sojalahy sy sojavavy no iantsoana ny Rafozan-dahy sy Rafozam-bavy. Ny Sojabe izany no azo lazaina fa loha mpitarika ny fiarhamonina kely iray na Tanana iray. Izy no mpanapa-kevitra ny

fampandehanan-draharaha rehetra sy tompon'antoka amin'ny fomba sy fanao rehetra indrindra ny ara-pomban-drazana. Manana ny lefiny vitsivitsy ny Sojabe izay mifanao ambaratonga arakaraka ny fizokiana.

Saripika 3: Maro ireo raiamandreny ara-drazana amin'ny fiarahamonina Tsimihety.



Mbola manana
anjara toerana
eo amin'ny
fiarahamonina
Tsimihety ny
vato namelan-
kafatra.



Loharano : Père Joseph Justin RANDRIANANDRASANA

Ankilany kosa, misy ny fitondram-panjakana mijoro ao amin'ny fiarahamonina Tsimihety. Izy ireo no tompon'andraikitra mahefa amin'ny fampandehanana ny raharahan-panjakana sy ny fiahiana ny mponina: toy ny Sefom-pokontany, ny Ben'ny Tanana, ny mpitandro filaminana...sns. Ny fitafiana anaovany ihany koa dia azo anavahana ny toerana misy ireo sokajim-pahefana rehatra ireo.

Ireo kolontsaina manavaka ny Tsimihety ao Mandritsara :

Manoloana ireo vondron'olona sasany dia lafin-javatra maro no mampiavaka ny Tsimihety manokana. Tsy dia mora mahatokitoky olona loatra ny Tsimihety. Noho izany, sarotra raisina amin'ny resaka. « *Fahiny, anisan'ny foko vitsy mpahalala ny Tsimihety. Ny anton'izany ve ? ny toetrary sy ny toeram-ponenany. Ny toetrary: tsy dia mora matokitoky olona loatra ny Tsimihety. Ka noho izany sarotra raisina amin'ny resaka. Toeram-*

*ponenany: matetika toerana sarotra aleha no anorenany ny tananany ka vitsy mpandeha sy mpitsidika ».*²²

Matetika Ambalabe (iray amin'ireo fokontany mandrafitra ny kaominina Mandritsara) no misy fifaninanana morengy izay atao amin'ny *banja malalaka* (eo anelenelan'ny kianja filalaovam-baolina sy ny biraon'ny CISCO Mandritsara/Ambalabe). Ny vanim-potoana akaiky fety moa no tena fikarakaran'ny olona ity fifaninanana ity, indrindra ny faran'ny taona sy ny fetim-pirenena. Ao anatin'izany, rehefa hifampitana ny mpikatroka morengy dia fitafy tsotra no anaovana ka tsy nanao hafa tsy *Saboribônga* na ny andaniny na ny ankilany²³. Nanazava izany ny olona sendra nohadihadiana ka nilaza fa: “*Taloha tany, saboribônga ny fisikinaja natan’ôlojo ke tsy atahoraja ny hirara-tsikiyy zany aby satria baka mafy izy io. Izy koa efa hitan’ôlojo na jano saboribônga io, efa masaka an-dôha foh vôlojo lalahy ijjy e! ny mpajano morengy baka lalahy fôja, io tsy mbô natam-baiavy zany!*”. Raha ny lalàna mifehy ity lalao ity moa dia tsy maintsy ambony lohalika ny fitafy anaovana. Esorina ihany koa ireo firavaka amin'ny vatana toy ny kavina, ny peratra, ny vangovango...sns mba hisorohana ny mety fifandratrana. Ny fisian'ny peratra, ohatra, dia mety haharatsy fipetaka ny totohondry.

Saripika 4: Ireo mpikatroka morengy



*...manao sampam-pohy
saingy mbola mifehy
lamba ny valahan'ny
fanôrolahy*

Loharano: Ny mpikaroka

²² P.TONGASOLO, 1997 :05.

²³ Resaka nifanaovana tamin'Atoa BERADODA, tompon'andraikitra mpikarakara morengy ao Ambalabe/Mandritsara.

2.4.3- Ny karazam-pitafiana tsimihety

Maro karazana ireo fitafiana ahafantarana ny Tsimihety ezahina hasongadina ka miainga amin'ny madinika indrindra hatramin'ny lehibe. Azo aseho ihany koa ny fitondran'ny sokajin'olona isan'karazany izany na lahy na vavy, na zaza na lehibe. Arakaraka ny toe-javatra miseho sy ny vanim-potoana lalovana no endrika isehoan'ny fitafy ihany koa.

- Ny lamba :

Fitafiana malagasy nentim-paharazana ny lamba ary tsy nisaraka taminy teo amin'ny fiainana manontolo na ankasoavana na an-karatsiana. Fony vao teraka izy dia notsenaina tamin'ny lamba ka na maty aza mbola fonosina lamba. Ny lamba dia nifantohan'ny saina sy ny fon'ny Malagasy tokoa satria nisasarany ny fanamboarana azy ary kolokoloiny fatratra izy io. "Ny lamba, hono, raha vao dia rehareha, raha madio dia voninahitra, raha tonta dia adidy, raha rovitra dia andraikitra". Laharana voalohany amin'ny fitafiana tsimihety ny lamba, toy ny olombelona rehetra ihany. Eto kosa dia ireo lamba maneho ny maha izy azy io fiarahamonina io no andeha holokoina sy hasongadina.

Mampiasa karazan-damba maro ny Tsimihety ary ampihariny amin'ny sokajiny avy izany: atao akanjo, atao kisaly, salaka sy sikina ...sns. Misy ireo izay itoviany amin'ny vondron'olona hafa saingy ny fomba faneho somary miavaka. Tsy mba tia mampiasa lokondamba marevaka ny Tsimihety fa ny loko manahaka ny volontany no mety aminy.

Ny lamba vita amin'ny rafia sy paka no tena nahafantarana ny Tsimihety. Izany hoe, ny akanjo anaovana mihitsy no vita manontolo amin'ireo akora ireo. Ankoatra ireo akanjo farany izay zokiny ireo dia nahafolaka ny fampiasana ny lamba voatenona amin'ny tsiraka azo avy amin'ny landihazo, rongony...sns ny Tsimihety. Tsy mba tazana kirakirain'izy ireo kosa ny akanjo vita amin'ny landy. Nisy moa ny fahafolahana ny haitao momba ny zaitra sy ny fanahafana ny fitafy noentin'ny vahinyka nanjary lasa fitafiana tsimihety *ny somizo, ny sampana...sns.*

Saripika 5: Ny akanjo vita amin'ny rafia



*Fitafiana manavaka ny
Tsimihety ny akanjo vita
amin'ny rafia vita zaitra*

Loharano: Groupe LEMASA

Ny *saboribônga* (*salaka*) no fitafiana nanampy izany teo amin'ny nenti-paharazana. Ny Saboribônga dia atsofoka eo anelakela-pe; asiana ambiny lava eo manoloana dia ahodina ny valahana, ny mihodina indray mandeha no atao hoe “tokan’olana”, fa ny mihodina araka izay halavany intelo na in’efatra na mihoatra dia lazaina olana iray, araka ny fihodinany , telo na efatra , fa ny mihodidina impito no lava indrindra, atao hoe “*salaka fito olana*” , tonga hatrany ambafavo ny eo anoloana , ny lanin’ny halavan-tsalaka iray dia asisika any amin’ny ila valahana , ka natao hoe : “*salaka sisik’ila*” , dia velarina indray ny habeny ary ny zorony iray ahodidina ny valahana ka mirebareba toy ny sikina ny salaka , midina hatrany ambany lohalika , mampisasaka ny ranjo. Manome hery ny salaka , sady haingo ny firebarebany , ka ny olona vonona hiezaka mafy amin’izay ataony , dia natao hoe “manenjan-tsalaka”.

Ny *lambahoany* dia azo lazaina fa fototry ny fiankanjoan’ny Tsimihety. Ny any amin’ny faritra misy azy rahateo moa dia mafana, noho izany dia tsy maitsy fitafiana maivana no anaovany na ny lehilahy na ny vehivavy. Ny fomba fanaovan’ny vehivavy ny lambahoany no tena ahitana ny fiavahan’ny fitafiana tsimihety. Rakotra ambany no asan’ny lambahoany ary izany dia manomboka eo amin’ny kibo dia tsy mijanona raha tsy any amin’ny tongotra..Indraindray kosa manomboka eo amin’ny kibo ka tsy mijanona raha

tsy eo amin'ny soroka. Tsy voafaritra mazava loatra ny lokon-dambahoany tena manavaka manokana ny Tsimihety satria miovaova araka ny fitiavan'ny tsirairay azy izany. Ny zavatra tsikaritra fotsiny anefa, tsy dia mampiasa lambahoany feno soratra izy fa fifangaroan-doko no ampiadiana.

Saripika 6: Ny Lambahoany



Tsy dia
hita firy
eny an-
koditry ny
olona ny
labahoany
manoratra



Indraindray aza
dia labahoany
roa no
isaloran'ny
vehivavy ka
sikinana ny iray
ary asampy eo
amin'ny soroka
ny iray

Loharano: Ny mpikaroka

- Ny taovolo:

Toy ny toe-bolon'ny Malagasy rehetra ihany, misy karazany telo ny an'ny Tsimihety ka misy ny tso-bolo, ny olioly volo ary ny ngita. Ny oly sy ny ngita no tena betsaka amin'ny volo tsimihety. Ny tena ngita anefa tsy maro no ho ny oly. Izany hoe, olioly volo ny ankamaroan'ny Tsimihety. Ny zavatra tsikaritra ihany koa dia tsy miankina velively amin'ny fihodirana ny toe-bolo. Matetika mantsy izany no miseho amin'ny volon'ny afrikana sasany toy ny Senegaly (sady mainty no ngita volo). Ny an'ny tsimihety kosa dia mifamahofaho eny izay fifangaroana izay ka ny fotsy mety ho ngita ary ny mainty mety ho oly na tsotra. Raha iverenana kely ny tantara, ny Razamben'ny Malagasy rehatra izay nonina teto Madagasikara voalohany dia nanao lava volo avokoa na lahy na vavy. Manaraka izany koa ny tantaran'ny niforongan'ny anarana hoe Tsimihety (avy amin'ny tsy mitapa-bolo). Nanan-danja teo amin'ity vondron'olona izany ity ka tsy nataony ho ambani-

javatra ny volo sy ny fikarakarana azy. Ho azy ny taovolo no isan'ny haingo ambony indrindra ankoatra ny lamba sy ny firavaka. Manao ahoana no fisehon'izay taovolo izay araka ny fampiharan'ny Tsimihety azy? Andeha hasehontsika fa mizara roa izany amin'ny Tsimihety: *ny bango sy ny randrana*.

Ny bango: Bango no ilazana ny volo rehefa nohogoina na tsia ka afatotra amina tapa-damba, rafia na fato-tenany (ny ampahany kely amin'ny volo ihany no amatorana azy) ihany koa. Mibango volo ihany koa no ilazan'ny olona ny mihogo volo amina fihogo hany ka na mirandrana aza dia bangoina/hogoina mialoha ny hanovana izany. Ireto avy ny karazana bango fanaon'ny tsimihety izay aseho amin'ny sary arahina fanazavana kely:

Saripika 7: Ny bango Tsimihety

Bango saritakana/bango misaly



Volo tsy misy filaminany fa misaritaka ohatry ny bozaka antony sahiran-dava ilay vehivavy ka tsy mahavatra mikarakara ny volony intsony izy.

Bango alefa na letsirôza:



Volo izay afatotra ho iray ary alefa mikirozaroza manaraka ny lamosina fa arakaraka ny halavan'ny volo.

Bango mandala



Bango atoko iray izay lolohavina ary ny iray atao eny am-parahatoka.

Bango boribory



Famondronana ny volo amin'ny
toerana iray.

Bango falitry



Fanabarana ny volo ho toy ny tanana mifandray. Izy
ity no antsoin'ny faritra sasany hoe tanaivoho

Loharano : ny mpikaroka

Ny randrana: Misy fitenenana Malagasy manao hoe: “Randram-bao maha jamba”. Izany hoe, miantoka hatsarana eny amin’ny olona mitondra azy ny randrana. Ireo naka vady taloha raha sodoka tamin’ny endrika ivelany dia rendrika noho ny hatsaran’ny randram-bolo tsara tarehy ka tsy nahadinika izay kilema hafa intsony. Teraka koa ny fitenenana hoe: “Aza mitomany randrana manendrika ny hafa” satria noheverina fa tsara ny olona iray noho ny randrany ka nodongina koa izany. Ny randrana anefa dia mety ho arakaraka ny firafitry ny loha sy ny bikam-batana izay samy manana ny azy. Ny hatsarana no tadiavina amin’izany ka izay mifantana amin’ny tena ihany no tokony hatao. Misy ny karazana randrana iombonan’izy rehetra ary misy koa ny karazany ahafantarana sy anavahana ny vondron’olona iray. Isan’ny havanana amin’ny randrana ny Tsimihety ary karazany maro no voafehiny. Indro tanisaina eto indray ireo randrana (taly) fanaon’ny Tsimihety araka ny miseho ao Mandritsara.

- Ny taly vôjo
- Ny taly amin-dalany na taly vaky

- Ny taly tsidisodiso
- Ny taly tsibadabada
- Ny taly bôhaka
- Ny taly ngoja na taly mandady
- Ny taly madiniky
- Ny taly somala
- Ny taly dôkodôko

Saripika 8: Santionany amin'ny randram-behivavy Tsimihety



Taly tsibadabada

Taly vaky

Taly ngoja/taly mandady



Taly tsidisodiso

Taly dôdôko

Taly vôjo


Loharano: Ny mpikaroka

Raha mirandrana ny lehilahy Tsimihety diany randra-madinika na ny taly madinika ary ny taly vaky no tena fanaony. Ny sanga kosa anefa no tena fiantso ny taovolon'ny lehilahy ary io no mbola be mpanao mandraka ankehitriny. Mahazo vahana ihany koa ny sanga eo amin'ny taovolon-dehilahy. Ny sanga dia enti-manambara ny ambaratonga-piarahamonina miaina ao anatin'ny sokajim-piarahamonina ary mbola lehilahy ihany no manao azy

io.Anambarana ny hery samy hafa ao anatiny.Ireto avy ireo karazana sanga ireo: *Ny sanga rakapela, Ny sangan-tsola, Ny sangan-dradeka, Ny sanga siraya*

Teo amin'ny taovolo tsimihety dia fitaovana tsotsotra no enti-mikirakira ny volo. Anisan'ny fitaovana tsy afa-misaraka amin'izany ny menaka. Mampiasa menaka avy amin'ny biby ny Tsimihety. Menak'omby na menak'ondry no fanaovam-bolo malaza ka voalaza fa sady mampaniry volo, no mampangatsiaka ny loha ary koa mamono ny hao. Misy mampifangaro menaka amin'ny savoka tseroka, ramy ary solika tongotr'omby.Ny mena-kisoa kosa tsy mba mikasika ny volon'ny Tsimihety noho ity farany izay mampihintsana sy mahavakivaky azy. Ny menaka avy amin'ny zava-maniry koa no tena mitana anjara toerana lehibe amin'ny fikarakarana ny volo. Anisan'ny tena be mpampiasa amin'ireny ny mena-boanio, ny menaka kinana, ny menaka ramy. Efa mahazo vahana amin'ny mponina ireo karaza-menaka manitra isan-karazany.Ankoatra ny menaka, tsy maintsy eo koa ny fitaovana toy ny fihogo. Misy karazany maro arakaraka ny toe-bolo sy ny fahefa-mividin'ny tsirairay izany. Teo amin'ny Tsimihety, ny tandrok'omby no akora fototra novolavolaina anamboarana fihogo ary miseho amin'ny endrika maro izany. Efa mahazo laka ihany koa amin'izao ny karazam-pihogo vita amin'ny akora plastika vita Malagasy sy vita sinoa.

Saripika 9: Endrika isehoan'ny sanga eo amin'ny lehilahy (Mandritsara)



Mbola hita
taratratra
mandraka
ankehitriny ny
sanga ao
Mandritsara na
dia eo aza ny
fandrosoana sy
ny endrika
vaovao
anehoan'ny
tanora azy.

Loharano: ny mpikaroka

Saripika 10: Ny fitaovana fanao taovolo



*...ny tandrok'omby no akora
fototra novolavolaina
anamboarana fihogo. Efa maro
koa anefa ny karazam-pihogo vita
amin'ny akora plastika*

Loharano: Ny mpikaroka

Miovaova araka ny toe-javatra misy no anehoan'ny Tsimihety ny taovolony. Izany hoe, samy hafa ny endrik'izany amin'ny andavanandro sy amin'ny vanim-potoana miavaka. Misy araka izany ny randrana mihaja sy fianjaika ary misy ny randrana tsotra tsy fianjaika. Ny taly vôjo, ohatra, no isan'ny fanao rehefa hianjaika amina lanonana toy ny *tsaboraha*. Nytaly bôhaka kosa no fanaon'ny vehivavy eo am-pifanana. Ao anatin'izay anefa tsy dia mifanalavitra loatra ny an'ny lehibe sy ny zaza. Raha misy kosa ny lehilahy lava volo ka tsy maintsy randranina, diany taly vaky no fanaony.

Fafana 2: Ny randrana/bangony heviny eo amin'ny Tsimihety

Ny randrana (taly)/bangon	Ny mitondra azy	Ny vanim- potoana ny toe- javatra anehoana azy	Ny heviny
<i>Taly vôjo</i>	Ny vehivavy	Amin'ny tsaboraha sy izay mety ho lanonana an- kafaliana	Vonona hiatrika ny fiainana na amin'ny sarotra na mora.
<i>Taly bôhaka/taly tsibadabada</i>	Ny vehivavy	Amin'ny fiterahana	Ity randrana ity dia randrana natao tsy hateza satria goragora ny

		(mifana)	fanaovana azy, telo na efatrando dia efa soloina mba hahatasara ny volon'ilay mifana. Atao hatrany hatrany izany mandritra ny telo volana.
<i>Taly dôdôko</i>	Ny tovovavy	Amin'ny andavanandro	Ity randrana ity dia mitsitokotoko eo ifotony. Midika izany fa manomboka mitady izay ho taolan-tehezany razazavavy; manomboka hisintaka ny ray aman-dreniny.
<i>Taly tsidisodiso</i>	Ny vehivavy	Amin'ny fotoana rehetra	Iarovana sao dia sola ny volo ka mba ilaina ny miovaova.
<i>Taly mandady/taly ngoja</i>	Ny vehivavy/ ankizy	Amin'ny fotoana rehetra	Ny volo somary fohy rehefa randranina dia ampandadina mba ahatakatra ny namany. Ny zaza matetika no atao io randrana io satria tsy mbola mahatakatra zavatra betsaka eo amin'ny fiainana;
<i>Taly vaky/taly amin- dalany</i>	Ny vehivavy sy ny lehilahy	Amin'ny fotoana rehetra	Ny fanaovana azy io indray dia midika fahamaontinana. Mila mahitsy ny lalana hizoran'ny tsirairay.
Sanga rakapela	Ny lehilahy	Amin'ny fotoana rehetra	Natao ho fahafinaretana ho an'ny mpitondra azy.
Sanga siraja, Sagan- dradeka	Ny lehilahy	Amin'ny fotoana rehetra	Natao zavatra mahafinaritra sy natao hanintonia ny olona mba hanao toy io.


Loharano : Ny mpikaroka

- Ny firavaka :

Voasokajy anatin'ny fitafiana entin'ny olona koa ny firavaka. Misy endrinry maro izany ka ao ireo izay miraikitra amin'ny vatana (kavina, peratra, ny zavatra fiambozona isan-karazany), ao koa ireo izay vimbininga (tehina, amparasolo, satroka...). Misy ny firavaka vita tefy, vita rary sy vita zaitra izay amin'ny akora voajanahary sy akora hafa. Manana ny manavaka azy amin'izany ny Tsimihetin'i Mandritsara.

Ny volamena sy ny vatosoa no firavaka karazana ambony indrindra ary miravaka izany koa izy. Ny fari-piainana sy ny fahefa-mividin'ny tsirairay anefa no mety itondrana na tsia izay eny an-koditra. Matetika anefa dia ny rojo sy ny vangovango volavotsy no tena hita eny amin'ny ankamaroan'ny olona. Miambozona vakana sy akorandriaka ary voanjava-maniry ihany koa izy ireo, indrindra fa ny tanora. Ny firavahana volafotsy no natao ho an'ny andavanandro. Tsy anavahana ny sokajintaona ny fanaovana azy na izy atao ho vangovangontanana na iambozonana. Mahalana dia mahalana no ahitana ny volamena eny an-koditry ny olona satria amina fotoan-dehibe vao tena avoakan'ny tompony ireny.

Saripika 11: Kavina sy vangovango Tsimihety



Ankoatra ny tena volamena anefa dia mampiasa irony ankosotra irony koa ny Tsimihety. Anisany amin'ireny ny asehon'ny sary eto (mifono ranom-bolamena fa tsy tena izy

Loharano: Ny mpikaroka

- Ny masonjoany:

Anisan'ny fitafiana ampiasain'ny maro koa ny masonjoany. Ny masonjoany moa araka ny fahalalana dia hazo (ny nofony amin'ilay karazan-kazo) kikisana ka ahosotra amin'ny tarehy. Ampiasana mbahanadiovana ny tarehy sady hiarovana azy amin'ny masoandro. Ny vehivavy no manao masonjoany. Matetika anefa ny vehivavy any amin'ny faritra somary mafana no tena tsy misaraka amin'izy io, indrindra ny vehivavy Tsimihety. Ho an'ny Tsimihety, ankoatra ny maha fiarovana azy dia haingon'ny tarehy ny masonjoany. Indrandray aza aseho sarisary amin'ny endrika kintana sy voninkazo mandravaka ny tarehy ka nosokajiana ho anisan'ny firavaka izany. Izany hoe, azo entina mianjaika tsara ny masonjoany.

Saripika 12: Ny masonjoanin'ny vehivavy Tsimihety.



Loharano: Ny mpikaroka

Ankoatra ireo voalaza rehetra ireo, mbola sokajina ho anisan'ny fitafiana koa ny karazan-javatra madinidinika isan-karazany vimbinina na sakelehana toy: *ny tehina, ny elo, ny satroka na saron-doha, ny pôketra...sns.* Havanana amin'ny fandrariana ny Tsimihety ary mahafolaka karazana akora maro hanaovana zavatra toy ny tsihy, ny harona, ny satroka. Mitana anjara toerana eo amin'ny fitafin'ny Tsimihety ny satroka indrindra moa fa

ny lehilahy. Fisatrehana *satro-bôntsoyo* sy ny satroka *lambano* tena ahafantarana ny lehilahy Tsimihety. Mba ho fiarova ny hasina ananan'izany dia misy ny mahavatra manao izany amin'ny tontolom-piaiany mihitsy aza. Tsy mba mahavantana ny vehivavy Tsimihety loatra ny mivimbina pôketra amin'ny fivezivezena fa ny tantz Bazary na saronan-karona vita amin'ny rary no fitondrany na io harom-bontsono na io harona rafia na harona satrana. Izany rahateo moa no fanao mahazatra efa nifandovana tamin'ny Razana. Matetika miaraka amin'ny vehivavy Tsimihety foana koa ny mahavoly. *Nymahavoly* tsy nataony ho fiarovana amin'ny orana sy hainandro fotsiny fa tena haingo mihitsy satria na tsy misy aza ora-midona dia entiny foana izany. Ny fotoam-pianjehana moa no tena anaovana izany. Raha mitondra elo ny vehivavy dia mba mivimbina tehina koa ny lehilahy. Fihetsika mihaja ho an'ny lehilahy Tsimihety ny fitondrana tehina.

Saripika 13: Satroka sy sarondoha ary tehina



...anisan'ny fitafiana koa ny karazan-javatra madinidinika isan-karazany vimbinina na sakelehina toy: ny tehina, ny satro-bôntsoyo na sardon-doha, ny ...sns.

Loharano:Ny mpikaroka

2.5- NY FOMBA FITAFIN'NY TSIMIHETY AO MANDRITSARA

Ny olombelona dia tsy afa-miala ao anaty fiarahamonina ary ny fiarahamonina misy azy no mamolavola ny saily sy madrafitra ny filana fototra rehetra. Arakaraka ny habaka sy vanim-potoana lalovany ny isehoan'ny fanao mahazatra ho an'ny fiarahamonina iray ka io ilay antsoina hoe riba izay ambara fa rafitra voajanahary na voatr'olombelona mifehy sy mitantana ny fainan'ny olona tsirairay. Ao anatin'io rafitra io dia misy fomba sy fanao nentin-drazana, manavaka ny olona sy ny antokon'olona samihafa, lasa saro-bidy sy maha saro-piaro ary mety hampifandona azy²⁴. Io fanao mahazatra io indray dia mety ampitaina amin'ny taranaka mandimby. Asehon'ny Tsimihety izany amin'ny fomba fitafiny araka ny mitranga ao Mandritsara amin'ny anadavanandro sy amin'ny vanim-potoana miavaka.

2.5.1- Amin'ny fainana andavanandro

Maro ny filana fototra tsy afa-misaraka aminy mandritra ny androm-piaianana indrindra ny andavanandro: miasa, misakafo, miala voly, matory, indrindra indrindra tsy maintsy mitafy...sns. Manana izay iavahany amin'ny hafa izay ny tsimihety ka ny fomba fitafy amin'ny andavanandro no andeha hanehoana izany. Ahoana ny fisehon'io fitafy io raha ao an-trano na eo am-piatrehana asa aman-draharaha na koa amin'ny toeram-pialamboly?

Ao an-tokantrano:

Azo lazaina fa tsotsotra ihany ny fomba fitafin'ny Tsimihety amin'ny andavanandro indrindra moa rehefa mijanona ao an-tokantrano. Any amin'ny tapany Avaratra Andrefan'ny Madagasikara moa no misy ny Tsimihety, faritra azo lazaina ho anisan'ny mafanaihany ka ny lamba maivana sy mifanaraka amin'izany no anaovany. Araka ny voalaza teo aloha dia miankina amin'ny habaka ihany koa ny fomba fitafin'ny tsirairay na ny karazam-pitafiana anaovany. Izany hoe, manify amin'ny faritra mafana ary matevina amin'ny faritra mangatsiaka.

Ho an'ny vehivavy, vao mifoha ny vehivavy Tsimihety dia tsy misy afa tsy fitafiana noentiny natory ihany eny an-kodiny. Anisan'izany ny somoizy (ilazana ny

²⁴ L.P. RANDRIAMAROLAZA, 1993 :12

atinakanjo eo aminy raiamandreny) sy ny salovana²⁵. Io somoizy sy salovana io no tena tsy afa-misaraka amin'ny vehivavy indrindra fa ny raiamandreny ary entina mandrapisakafoana maraina. Misy aza moa rehefa tsy misy dia aleha mijanona amin'ny foana mandra-pahariva ny andro. Ny tovovavy, raha vao mifoha dia mandray lambahoany ary mandeha mantsaka izay vao mandray ny anjara asa aman-draharahany. Rehefa avy misakafo maraina moa vao mikarakara vatana toy ny fanosorana masonjoany ny tarehy sy ny bango volo...sns. Zipo sy lamba tohitena ombana lambahoany no mamaritra ny fitafy andavanandron'ny tovovavy Tsimihety.

Saripika 14: Ny vehivavy Tsimihety amin'ny andavanandro



Tovovavy misikina lambahoany
miatrika ny tontolo andro

Vehivavy avy nantsena

Loharano: ny mpikaroka

Amin'ny ankapobeny, raha mijanona ao an-trano ny Tsimihety dia sikina lambahoany sy sampam-pohy anatiny (tapany ambany) ary somizo (tapany ambony) ary manao satro-bôntsojo raha toa ka lambahoany sy fantezia ary saron-doha no anaovan' ny vehivavy. Indraindray koa anefa tsy misaron-doha ny vehivavy, indrindra moa rehefa tsara

²⁵L. MATTEI 1938, P.136 : « Les femmes se couvrent le corps avec une rabane cylindrique (salovana) assujetie au-dessus des seins et descendant jusqu'à mi-jambe. Ce tissu vegetal, que réhaussent quelquefois des rayures multicolores, tend à être remplacé par latoile d'importation qui coûte peu et qui dispense du tissage ».

randrana. Ny zaza moa rehefa tsy an-trotroan-dreniny intsony dia efa manao fitafy mitovitovy amin'ny tanora ihany saingy tsy mbola misikina lambahoany fotsiny.

Eo amin'ny lehilahy indray, *lamoresy* (kilaoty fohy ambony lohalika) izay niova ho kalisaona ankehitriny no fitondra matory. Io indray dia asiana ankanjo ambony na tsy asiana. Vao mitsangana eo am-pandriana izy dia tsy maintsy misikina lambahoany na *bipany* izay antsoina ihany koa hoe *sikindahy*. Ny satroka moa efa zavatra mahazatra ka manaraka ihany. Matetika ny lehilahy no mitondra antsôro, izay sady tehina no fiarovan-tena raha sendra ny ratsy. Miresaka izay fiarovan-tena izay ihany dia misy fitenin'ny Tsimihety manao hoe "Tapa-pary nafiko amboa, ny an-tanjaja maharomba-meky". Fanaon'ny olona ny mifiaka fary eny am-pandehanana na miandry tanana ka tsy misy hanalana andro. Izany hoe ny fary hohanina ihany no hikapohana alika raha sendra manenjika na hanaikitra. Manana anjara asa mandray roa toy izany koa ny *antsôro*.

Araka ireo zava-boalaza ireo, tsotsotra ihany fa tsy miaingitra loatra ny fitafin'ny Tsimihety amin'ny andavanadro. Ny kiraro, ohatra, tsy mba hanaovana ao an-trano izany fa vitsy na mahalana no itondrana azy. Ny *kiraro angôzy* indraindray no tenaina. Io kosa dia natao hiarovana ny tongotra amin'ny tsilo na zavatra mandratra tongotra ary any antsaha ary no tena asan'io. Tsy ampiasaina ihany koa raha tsy hoe anagaha andeha hivoaka ny trano na misy dia aleha.

Saripika 15: Sary maneho ny fitafy andavanandron'ny Tsimihety



Sojabe miatrika ny tontolo androny ka eny ambaravarana no mitazantazana. Ny satroka izay tsy afa-misaraka aminy izay arahina lambahoany.



Ny vehivavy avy nifana dia tsy afa-misaraka aminy ny saron-doha na fonon-doha mandritra ny telo volana ho fikolokoloana ny volo.



Tovovavy miala sakana izay manomboka manaraka ny fihaingoan'ny tanora manodidina

Loharano: Ny mpikaroka

Miatrika asa aman-draharaha:

Ny androatokom-piainan'ny olona dia saika lany amin'ny fiafrehana ny asa aman-draharaha andavanandro. Koa ny famonjena ny asa fivelomana matetika no ivoahana ny trano. Tsy misy hafa amin'izany ny fiainan'ny Tsimihety. Ny lehilahy moa no tsy maintsy miasa ka izy ireny no tsy maintsy mando ny tokantrano maraina ary tsy miverina raha tsy ny hariva. Miova noho izany ny fitafy fa tsy tahaka ny fanao raha mijanona ao an-trano. Arakaraka ny toerana iasana indray eto ny endrika isehoan'ny fitafiana eny an-koditra.

Ny mpiasa birao sy amina orinasa: Toy ny olona rehetra ihany dia ny akanjo mifanaraka amin'ny toeram-piasana no anaovan'ny lehilahy Tsimihety. Ohatra, manao palitao sy pataloa ny mpiasa birao, manao kiraro ary tsy hita eny an-koditra intsony ny sikina lambahoany. Amin'izay fotoana izay anefa, miampy ny haingo madinika toy ny: kitapo, ny firavaka, ny hosotra zava-manitra isan-karazany...sns.

Ny tantsaha: Amin'ny ankapobeny moa, tantsaha avokoa no antom-piveloan'ny Tsimihety ka ankoatra ny fambolena sy ny fiompiana dia ampian'ny asa tanana izany. Ny lehilahy no misahana ny asa mila herim-batana ary ny vehivavy no miandraikitra ny ambiny. Misy araka izany ny asa vita ao an-trano ihany: toy ny rary sy ny tenona...sns. Tsy dia misy fiovana amin'ny fitafy fanao isanandro izany ny an'ny vehivavy. Ny lehilahy tantsaha indray tsy mba voafehin'ny haingo miraradraratra izany. Ny asa mampiasa herim-batana toy ny asa tany dia mitaky fitafy izay ahazoana aina na tsy manelingelina ny vatana. Matetika anefa, izy ireny no mbola mitana ampahany betsaka amin'ny fitafy nentimpaharazana ny sampam-pohy sy ny fehy valahana. Rehefa manao asa mafy dia afatotra amin'ny valahana ny bipany izay ilay nosikinana iny ihany fa tsy afa akory. Izany hoe ny asan'ny salaka fahiny ihany no tazonin'ny bipany. Azo ambara ho toy izany koa ny an'ny vehivavy. Ny lambahoany nampiasaina amin'ny tapany ambony ihany no amehezana ny valahana rehefa hanatanteraka asa mafimafy.

Saripika 16: Vehivavy (mpivarotra) hamonjy tsena



*...Koa ny famonjena ny
asa fivelomana
matetika no ivoahana
ny trano.*

*Ho an'ny mpivarotra
madinika dia ny
fitafiana andavanandro
ihany no entina
mamonjy tsena*

Loharano: Ny mpikaroka

Amin'ny toeram-pialamboly:

Fanaon'ny olombelona rehetra ny tsy maintsy miala voly rehefa avy nofolahin'ny asa aman-draharaoha maro isan-karazany. Ny fialam-boly mantsy no fanalana ny sorisorintaina sy fanadinoana ny vesatry ny harerahana ka mila famalifaliana sy fahafinaretana ny vatana. Samy manana ny heveriny ho mahafinaritra azy ny tsirairay satria maro tsy tambo isaina ny zavatra atao hialana voly. Mety ho kilalao toy ny an'ny ankizy izy io ary mety ho toe-javatra matotra sy lalina andraisany lehibe anjara ihany koa. Ny an'ny Tsimihety izay voadinika tao Mandritsara kosa eto no andeha soritsoritana mba ahafahana mandoko ihany koa ny fomba fitafy ao anatin'izany fotoam-pialam-boly izany. Manana ny fialamboly mampiavaka azy amin'ny hafa ny vondron'olona Tsimihety, na ho an'ny zaza izany na ho an'ny tanora na ny lehibe koa aza. Raha ny kilalao nentim-paharazana fotsiny, ohatra, dia misy ny morengy, ny dihy antosy, ny dihy katokojo, ny malesa,...sns. Izy ireny matetika tanterahina amina toerana vory olona izay mety ho ao an-trano na ivelany. Izay toerana ivelany izay angaha no mety ijerena ny fomba fitafy raha efa voalaza tesy ambony ny fisehony ao an-trano.

Eny amin'ny toera-pialam-boly matetika no anehoan'ny tanora ny maha-izy azy: fahakingana ara-tsaina sy ara-batana. Tsy azo adinoina ihany koa fa manana ny lanjany

amin'izany koa ny fomba fitafy, indrindra fa ny tanora mbola mpitovo. Ny anton'izany dia ambohi-pihaonan'ny mpitovo mila namana eny. Ny fitafiana eny an-kodiny no ahalalan'ny hafa avy hatrany fa mbola tsy manambady izy ka tsy misy tokony hisalasalana ny tokony hifandraisana aminy ara-pitiavana. Ohatra, mamekaka *fihogo an-dohasy sanga sirajany* tovolahy ho mariky ny fitadiava-namana sy ny fahavononany ho amin'ny tokantrano. Etsy ankilany ny tovovavy manao *taly dôkodôko*. Ity randrana ity dia mitsitokotoko eo ifotony. Midika izany fa manomboka mitady izay ho taolan-tehezany razazavavy; manomboka hisintaka ny ray aman-dreniny.

Mandroso ny vanim-potoana ary niova miaraka amin'izay koa ny riban'ny tanora Tsimihety. Miroborobo izay tsy izy ny karazam-pialam-boly ao Mandritsara. Ankavitsiana sisà tavela tamin'ireo fialam-boly nentim-paharazana. Ny karazam-pialam-boly vaovao nentin'ny sivilizasiôna no tena mibahan-toerana amin'ny tanoran'i Mandritsara: ny lalao basikety, ny kitra, ny mozika sy alim-padihizana, ny lalao karatra maro samihafa...sns. Hita araka izany fa niova koa ny fomba fitafin'ny tanora rehefa andeha hiala voly. Manaporofo io fiovan'endriky ny fitafy io, ohatra, ny tsikaritra teny am-pijerena morengy. Saingy hita taratra kosa aloha fa misy ampahany tavela ihany teny amin'ny sasan-tsasany amin'ny vahoaka nanatrika. Indrindra moa fa ireo tena tompon-tany. Voamarina tamin'io ny mampitombina ny voalazan'ny mpahay riba manao hoe: "Miaina sy mivoatra ny riba ka misy ny riba ela ary misy ny riba vao. Mazana anefa ny hevi-pahendrena dia tsy miova, fa ny fomba sy ny zavatra enti-maneho azy no mety hiova. Ny fanehoana ny hatezan'ny hevi-pahendrena sy ny mety ho fiofoan'ny fomba io no tena tokony hodinihina..."²⁶. Anisan'ny mbola mitazona izay hevi-pahendrena izay ny taovolon'ny tanora ao mandritsara, indrindra ny mpitovo. Ity farany, no hita ho tena andaniany ny androny amin'ny fikarakarambatana. Fihetsika voajanahary eo amin'ny olobelona ny toy izany, toy ny biby rehetra ihany raha hitady namana. Manomboka eo amin'ny vanim-potoana mahaadolantsento moa no tena isehoan'io fihetsika nanjary fanao mahazatra io. Andeha horaisina ohatra ny taovolo.

Eo amin'ny tovolahy, ny hetim-bolo dia tsy mba atao ambanin-javatra mihitsy. Efa tsy tambo isaina intsony ankehitriny ny endrika isehoan'izay etim-bolo izay vokatry ny fivoaran'ny kolontsaina. Saika araky ny tanoran'i Mandritsara avokoa rehefa lamaody hita

²⁶ L.P. RANDRIAMAROLAZA, 1993 : 12.

any amin'ny faritra hafa rehetra. Raha nanazava taminay ny mpanety iray tao Antanandrainivelo dia nilaza fa:

“Ilaharana ny mihety volo rehefa faramparan’ny herinandro iny. Tato ho ato (vanim-potoanan’ny fialan-tsasatra tamin’izany) dia ny tanora avokoa no tena bobaka (betsaka). Samy manana ny kopim-bolony (hetim-bolony) araka ny itiavany azy ireo. Ry zareo no mikaomandy izay tiany hanaovana ny volony ka manahirana ihany indraindray vao tafavoaka. Satria misy aza kopim-bolo tsy mbola nataonay akory dia tsy maintsy ezahina fa izay ilay kandra kè! Fa ny tena matetika be mpanao eto izao dia ny Tektônika (sanga misolanga mamao endrika piramida”) sy Krista (entina ilazana ny hetim-bolon’i Christiano Ronaldo mpilalao baolina malaza). Miondana (mankafy) kopim-bolona olo-malaza avokoa ny ankaaroan’izy ireo”²⁷.

Raha tsoahina amin’izany voalazany izany dia zava-dehibe eo amin’ny tovolahy ny taovolo. Mbola tavela eo ihany ny sanga fa ny fisehony no niova kely nampifanarahina tamin’ny vanim-potoana na manaraka ny toetrandro. Izany hoe, azo tarafina amin’ny hetim-bolony ny fialam-boly ankafizin’ny tanora tsiraray avy. Azo lazaina izany fa fampitoviana tadin-dokanga izany eo amin’ny samy mpitovo satria tsy vitsy koa ohatra ny tovovavy mankafy ireny olo-malaza tahafin’ny tovolahy ireny. Mifanahatahaka amin’izay taovolo izay ihany koa ny fomba fiakanjo sy fikiraro ary ny firavahana izay anton’ny fironana amin’ny friperia.

Eo amin’ny tovovavy kosa, mbola izay taovolo izay ihany, efa tarazo ho an’ny vehivavy Tsimihety ny firandranana. Manamafy izany ny fahamaroan’ny tovovavy mirandrana hita amina toeram-pialamboly samihafa. Saingy miovaova araka ny toerana misy azy anefa izany ary azo ambara foana fa mbola misy hevitra fonosiny hatrany izy ireny na dia jerena ho toy ny mandeha hoazy aza. Laharam-pahamehana eo amin’ny tovovavy ny fikojakojam-batana rehefa hivoaka ny trano indrindra handeha hiala voly. Manan-danja aminy ny randrana satria dia lasibatra avy hatrany ny maso tia jerijerin’ny tovolahy. Manan-danja izy satria ny hatsarana tarafina eny aminy dia sady fahafinaretan’ny sainy mitondra azy no fahafinaretan’ny mason’ny mpitazana ihany koa. Koa inona fa tsy fialamboly vita hoazy koa izany fitafiana. Andanian’ny tovovavy ampaham-poatoana be ny fikarakarana ny volo manokana fa hamonjy toeram-pialam-boly. Ny randrana, ohatra,

²⁷ Resaka nifanaovana tamin-dRajil, 25 taona, mpanety ao Anatanandrainivelo.

dia hifanakonana mihitsy eo amin'ny samy tovovavy (mifandrindrana). Ny ankoatra izay moa aza misy mandany fotoana sy vola any amina toeram-panaovalo bolo mihitsy. Tsy dia mivoana loatra ny fahitana ny taovolon'ny tanora ao Mandritsara eny amin'ireo toerana ambohi-pihaonan'ny samy tia ala voly. Vao mainka hita ho mihatsara aza izany amin'ny fisian'ireo fitaovana maoderina sy karaza-menaka samihafa amin'ny fanaovana azy. Ankoatra ireo karazana randrana voatanisa tetsy aloha dia efa manao karazana randrana vaovao isan-karazany ny tovovavy. Toy ny an'ny tovolahy ihany koa, manana ny fitaratra ho azy ny tsirairay saingy tsy miova ny tanjona iraisana. Tsy diso anjara amin'ny fampivadiana ny nentindrazana sy ny fandrosoana ny tovovavy Tsimihetin'i Mandritsara amin'ny ankapobeny. Ohatra, ny randrana nampiana tovana maro loko; ny masonjoany notovonana majamaso na lokomena; ny lambahoany mbola eny ihany fa niovana ny didiny...sns.

Saripika 17: Tovovavy mifandrindrana



Fialam-boly vita ao
an-trano ny
randrana mialoha
ny hamonjy fialam-
boly any ivelany.
Metimety sady
afaka andro...

Loharano : Ny mpikaroka

2.5.2- Amin'ny vanim-potoana miavaka

Eo amin'ny kolontsaina malagasy dia samy manana ny mampiavaka azy ny faritra rehetra sy ny vondron'olona mamaritra azy. Miseho izany amin'ny riban'ny Tsimihety anaty vanim-potoana miavaka. Ny antsoina hoe vanim-potoana miavaka eto dia vaninandro manan-danja eo amin'ny fiainan'ny olona ka anatanterahana fomba amampao samihafa. Vanim-potoana izay mahalana eo amin'ny fiainana no isehoany; mety hiveriberina ary mety ho indray madeha ihany. Miseho an-kasoavana izany ary indraindray miseho amin-karatsiana. Izay lafin-javatra mahakasika ny fitafin'ny Tsimihety mandritra izay vanim-potoana miavaka izay indrindra no hojerena manaraka: Ny fitafin'ny tsimihety amin'ny an-karatsiana sy amin'ny lanonana an-kafaliana.

An-karatsiana:

Ny toe-javatra mitranga eo amin'ny fiainan'ny olombelona dia ifamahofahoan'ny soa sy ny tsara araka ilay fitenenene hoe “tantly amam-bahona ny fiainana”. Ny manodidina ny fahafatesana sy ny fahoriana no ambara ho isan'ny an-karatsiana eto. Ny fahafatesana dia zotram-piaianana tsy maintsy andalovan'ny manana aina rehetra ka isan'izany ny olombelona. Misy araka izany ny fomba tsy maintsy arahina ao anatin'izany toy: ny fanehoam-piraisan-kina mandritra ny fotoana maha eo am-bohitra ny razana (*Tambelom-paty* no ilazana azy amin'ny Tsimihety); ny fisaonana (*fandalaya*)...sns. Misy ihany koa ny lalàna manan-kery amehezan'ny fiarahamonina izany. Ankoatra ireo fepetra maha-olombelona, ny Razana dia mametraka didy tsy maintsy arahin'ny taranany. Haren-tsaina ihany koa izany. Koa ao anaty toe-javatra miseho toy ny ankaratsiana araka izany dia misy ny fomban-drazana tsy maintsy efaina amin'ny fotoana efa voafaritra. Manana izay fomba fanao manaraka ny lalàn'ny fiarahamonina izay ny Tsimihety. Tsy afamisaraka amin'izany ny fitafiana. Raisina ohatra amin'izany ny lamba: “velona isalorana, maty ifonusana”. Salovana sy lambahoany avy hatrany no raisin'ny vehivavy Tsimihety raha vao mana-manjo. Ny lehilahy dia mandray sikina ihany koa. Ireo lamba ireo izay kendrena mba tsy harevaka loatra fa atao somary matromatroka. Izany no atao dia ho tandindon'ny toe-javatra manjombona sy ho fanehoana ny alahelo sy fahoriana. Isan'ny fadiana ny lamba marevaka, indrindra ny miloko mena. Rehefa mandeha mandevina aza moa dia izay lamba heverina fa efa ratsiratsy eo am-peletanana no anaovana. Izy ireny mantsy araka ny fanaon'ny Tsimihety, rehefa avy noentina nandevina dia ariana avy

hatrany. Ankoatra ny lamba, ny firavaka mampianjaika be loatra dia esorina: ny kavina, ny vangovango...sns ary indrindra indrindra ny volamena. Tsy mikitikitika taovolo na ny lahy na ny vavy. Izay efa teny an-koditra ihany no entina mandra-paha avy mandevina.

Aorian'ny fandevenana, mbola mitohy ny fombafomba an-karatsiana ka eo no miseho *ny fandalaja* (fisaonana). Zava-dehibe tsy azo ialana amin'ny Malagasy ny fisaonana rehefa misy maty ka anisan'ny mandala izany koa ny Tsimihety. Fandalàna no ilazana azy amin'ny Tsimihety. Misy fetrany efatra (4) andro ka hatramin'ny iray (1) volana eo ho eo ny fandalàna izany ny Sojabe no manapaka azy. Io fetr'andron'ny fandalàna io dia arakaraka ny sokajin'ilay olona maty: zaza vao maniry nify, ny olon-dehibe ary Raiamandreny na Sojabe. Ny fitafiana dia endrika isehoan'ny fadalàna miseho ety ivelany. Eo amin'ny lehilahy ny lamba tsy dia misy fiavahany amin'ny andavanandro ankoatra ny loko izay efa nambara tery aloha. Saingy misongadina kosa ny taovolo. Tsy mbola azo kitihina ny volon'ny lehilahy (tsy hetezana, tsy kasihim-pihogo na hosoramaka...). Ny vehivavy kosa manao *bango mandala*. Tsy asiana saron-doha izany rehefa ao an-tanana fa azo saronana kosa rehefa hivoaka (hantsena, hivavaka, ho any ant-saha...sns). Mbola mitohy mandritra ny fisaonana ireo fepetra mikasika ny loko-damba sy ny firavaka talohan'ny fandevenana. Marihina fa indray mandeha ihany no mibango izany ary tsy kitihina intsony mandra-pahataperan'ny fisaonana efatra andro ka hatramin'ny iray volana. Ny zava-misy eo amin'ny fianakaviana ihany no mametra izay halavan'ny vanimpotoana fisaonana izay.

Ankoatra ny fahafatesana, azo sokajiana ho toe-javatra an-karatsiana ihany koa ny fisian'ny olona iray marary mafy. Isan'ireny, ohatra, ny aretina vokatry ny mosavy toy ny *Njarintsy*(ambalavelona) *Tsongodia* (rao-dia) *Sandabôko* (toy ny voan'ny kalo be kibo) sy ny mihetsika aretina mitaiza...sns. Mbola miasa amin'ny Tsimihety mandraka ankehitriny ny fitsaboana nentim-paharazana ataon'ny *Moasy* (ombiasy) hitsaboana ireny mba hitsimbinana ny aina. Manana ny lanjany amin'izay fitsaboana izay koa ny firavaka toy ny vakana. Ampanaovina ny fitafian'ny *Tromba* koa ny olona tsaboina rehefa mihetsika ny karazana aretina isan-karazany. Ny tromba dia ireo fanahin'ny Razana izay nofidian'ny Tsimihety sy ny foko sasantsasany ho hery ivelany miditra ao anaty hanampy sy hanome fahasoavana. Ny fitafin'ilay olona tiana antsoina no hanaovana hifandraisana mivantana aminy.

An-kafaliana:

Raha miresaka karazan-danonana an-kafaliana dia mampisongadina ny Tsimihety manokana ny *Tsaboraha*. Ny tsaboraha dia vanim-potoana miavaka eo amin'ny fiarahamonina Tsimihety ka hanaovana fifaliana lehibe toy: ny fangalam-baiavy na mandefa vaiavy (fanambadiana), ny fanalana tsakafara na vava, ny jôro, fahasitranan'ny marary mafy, ny fiverenan'ny olona amin'ny tanindrazany...sns.

Amin'ny Fanambadiana: Anisan'ny raharaha goavana eo amin'ny Tsimihety ny fanambadiana amin'ny maha zavatra iankinan'ny fiainana manontolo azy. Noho izany, zava-dehibe ny fanomanana sy ny fiatrehana ny andro hanatanterehana ny Tsaboraha. Zavatra maro no tsy maintsy omanin'ny andaniny (mpampakatra) sy ny ankilany (ampakarina) mialohany hirosoana amin'ny fotoam-pampakarana. Ao, ohatra, ireo fitaovana rehetra toy ny kojkojan-tokatrano feno izay ny ampakarina no miantoka ny ankapobeny: vilany sy vilia, seo (siny), kidoro sy ondana ary lambam-pandriana, tsihy, vatra (vata)...sns. *Meomeo* no anarana iantsoana ireo rehetra ireo. Ny mpampakatra izay tsy maintsy miomana amin'ny trano ary indrindra ny *moletry* sy ny *sarö*.

Ny sarö dia zavatra fanaon'ny Tsimihety mapiseho fa manana anjara toerana lehibe eo amin'ny fanambadiana ny fitafiana. Fitafiana sy firavaka maro isan-karazany no atao hoe *sarö*. Io dia tsy maintsy omanina ary atao fanomezana ny vady ampakarina. Hita ao anatin'izany ny akanjo isan-karazany, ny kisaly, ny mahavoly, ny kiraro sy ny satroka, ny peratra sy vangovango ary kavina...sns. Arakaraka ny toe-pananan'ny fianakaviana no maha be na kely io sarö io.

Mandritra ny tsaboraha, miavaka amin'ny besinimaro ny fitafin'ny mpanambady, toy ny miseho amin'ny faritra rehetra ihany. Saingy ny resahina eto indray dia ny maha-Tsimihety manokana. Ny vehivavy ampiakarina tsy maintsy atao miavaka indrindra amin'ny sarambaben'olona satria izy no ampiakarina. Io koa no fotoana iray idirany amin'ny sehatra ny fahamatorana dia ny fanambadiana. Koa ezahina ho matotra sy mihaja mifanaraka amin'izany ny fitafiny. Fomban'ny mpanabady Tsimihety hatrizay nymanao sarondoha sy lambahoany miampy saloväa. Aorian'ny fomba tsy maintsy atao, mitafy lambahoany miampy saloväa ny vehivavy ampakarina. Rehefa tsy manao taly vô̈o ny ampakarina dia tsy maintsy manao randramadinika izy ary fonosina ny loha. Io sarondoha io ihany koa no ametrahana volamena bango (vola apetraka eo amin'ny lohan'ny vehivavy

ampiakarina). Io *volamena bangoio* dia tsy manitsy anabavin'ny vadiny no mametraka azy satria izy no olona handrandrana azy rahatrizay. Izany hoe fangatahana hanaovana izany randrana izany amin'ny fotoana anatanterahana izany no anton'ny vola.

Rehefa miresaka vehivavy ihany dia maneho ny maha izy azy ihany koa ny mpanotrona manome haja ny tsaboraha. Ny Raiamandreny vehivavy, ohatra, dia ny salovana sy ny lambahoany no amantarana fa efa olon-dehibe tokoa io manoloana io. Noho izany dia misy ihany koa ny taovolo mifandray avy hatrany amin'izany fitafy izany. Efa olon-dehibe no asian-dresaka eto noho izany ny taovolo anaovany dia taly vôjo na bango *sebaka*. Amin'ny maha Tsimihety ara-bakiteny dia lava volo izy. Sarotra ihany koa no ahitana ny vehivavy Tsimihety ka fohy ny volony. Izany hoe ampy tsara anaovana izany bango izany ny volo izay atao. Eto, araka izany ny tanora dia tsy afaka manao taly vôjo. Ny bango somala/bango roa kosa, ohatra, azon'ny tovovavy anaovana. Ankehitriny anefa ny olona efa reny ihany no mivoy azy io. Efa adinodinon'ny tanora ny maha bangon'ny tovovavy azy io. Hevitra fonosin'io bango roa io dia marika ihany koa ny fanajana ny ray sy reny sy fahaizana mifandray aman'olona. Ao ihany koa *ny bango fality*. Io koa no bango anaovan'ny olona efa lehibe na reny satria *ny fality* dia mitovy amin'ny *tana ivoho* raha eto afovoantany. Izany hoe sarina tanana mifandray no asehon'ny tana ivoho na bango fality. Natao ihany koa izy ho fampihavanana. Rehefa misy ny fifandraisana dia mitsiry sy manaraka ho azy ny fihavanana.

2.6- NY FITAFY TSIMIHETY AMPITAHAINA AMIN'NY AN'NY FARITRA HAFA

Hita araka ny voalaza rehetra tao amin'ny fampahafantarana ny karazam-pitafiana tsimihety fa vakoka mitahiry ny fahalalana rehetra momba ny lasa na ny tantaran'ny Tsimihety ny fitafy. Azo ambara ihany koa fa mampiseho ny maha iray ihany ny Malagasy manerana ny Nosy izany. Manazava izany ireto famakafakana sy famahavahana ireto izay vokatry ny fomba fandinika sy ny fanarahana ny lalam-piasa:

2.6.1- Vavolombelon'ny tantaran-drazan'ny Tsimihety ny fitafiany

Voalaza tao amin'ny tantaran'ny Tsimihety fa ny fiavian'ny Tsimihety dia vokatry fifangaroan'ny mpiavy vahiny (tantsambo eorôpeana) sy ny Malagasy avy amin'ny ilany Atsinanan'ny Nosy (Betsimisaraka, Sihanaka...). Azo anaporofoana ny mety ho fahamarinan'izany ny ampahany amin'ny endrika isehoan'ny fitafiana tsimihety. Ny fitafin'ny lehilahy, ohatra, dia misy notahafina tamin'ny lamaody tandrefana toy ny somizo sy ny pataloha...sns²⁸. Io fomba fitafy io izay nanjary fenitra narahin'ny Tsimihety ka nanjary fitafin-drazany ka lasa lova miampita mankamin'ny taranany aty aoriania. Ny Tsimihety dia vondron'olona fatra-pifikitra amin'ny nentim-paharazana. Ny Razany no nandray ny fitafin'ny eorôpeana ho riba noho ny fifamatorana nisy teo amin'izy ireo ka noraisin'ny taranaka mandraka ankehitriny izany ary mbola mitoetra ao Mandritsara io fitafy io. Tsy raharahan'ny taranaka indray mihira ihany ny fomba fitafy fa azy sy ny razany ary azy sy izay taranaka hipoitra avy aminy koa.

²⁸L. MATTEI, 1938,P.136 : « Le vêtement masculin, inspiré de la mode européenne, se vulgarise peu à peu dans le pays et il n'est pas rare maintenant de voir des individus munis d'un tricot ou d'une chemise de coton. Les notables, en particulier, portent une veste et un pantalon (...) ils tiennent en main, en guise de canne, une tige de parapluie. »

Saripika 18: Fitafian-dehilahy tsimihety niainga tamin'ny fanahafana ny fitafiana vahiny Eorôpeana.



*Notahafina tamin'ny
lamaody tandrefana toy ny
somizo sy ny pataloha...*

*Manaporofa izany fa nisy
fifangaroana tamin'ny
Eorôpeana ny razan'ny
Tsimihety*

Loharano: Groupe LEMASA

2.6.2- Maneho ny maha iray ihany ny Malagasy ny fitafiana tsimihety

Ahitana fifanahafana kely amin'ny fitafin'ny faritra sasan-tsasany ihany koa ny fitafy tsimihety. Indrindra moa fa ireo avy any amin'ny ilany Atsinanana sy Atsimo-atsinanana'ny Nosy iny²⁹. Ny akanjo vita avy amin'ny rary sy ny firavaka moa no tena ahitana taratratra izany. Rehefanofakafakaina ny karazam-pitafiana tsimihety dia saika ahitana fifanahafana kely amin'ny fitafin'ny ankamaroan'ireo vondron'olona manodidina azy ihany. Ny sikina lambahoany, ohatra, hita amin'ny Sakalava, ny Betsimisaraka, ny Antakarana, ny Antanosy...sns. Raha manao masonjoany ny vehivavy Tsimihety dia manao izany koa ny vehivavy Sakalava, ny vehivavy Antandroy, ny vehivavy Antakarana...sns. Ny endrika isehoany no manavaka ireo vondron'olona tsirairay ireo. Izany hoe, ny fomba fanosotra azy amin'ny tarehy no samihafa. Saingy ny heviny sy ny tanjona amin'izany dia azo lazaina fa fototra iray ihany.

²⁹ L. MATTEI, 1938, Pp.134 « Le costume, en général, est resté d'une extrême simplicité. Les hommes contentent d'une espèce de chemise en raphia (akanjobe)...chez les femmes, une rosace (zopiny), d'après l'usage introduit par les Antalaotra. »

Saripika 19: Ny masonjoany tsimihety mitaha amin'ny foko hafa



Raha manao masonjoany ny vehivavy Tsimihety dia manao izany koa ny an'ny Sakalava, Antandroy, ny Antakarana. Saingy ny fomba fisehony amin'ny tarehy no tsy mitovy...

Ny an'ny Tsimihety, ahosotra fotsiny handrakotra ny tarehy ary tsy mila pitsopitsony,



ny an'ny antandroy koa dia taniravo tsy misy fangarony no soritsoritana hanome kisarisary,



...ny an'ny Sakalava, ampiarahina amin'ny taniravo ka atao kisarisary.



Toraka izay koa ny an'ny sakalava, saingy ny azy kosa iangaliany amin'ny sari-boninkazo

Loharano : Ny mpikaroka

Samy mampiasa ny akora azo avy amin'ny zava-maniry ny faritra rehetra manerana ny Nosy. Anisan'ireny akora ireny, ohatra, ny paka, rafia, ny harefo, landy, landihazo...sns, izay hita amin'ny faritra maro manerana ny Nosy. Na misy aza anefa izany fifanahafana izany, ny fototra no iray fa ny fomba nampiasan'ny Tsimihety ny azy dia nametraka kosa ny maha-izy azy. Izany hoe ny fahaizany nampifangaro ireo no nipoiran'ny fitafy tsimihety manokana.

Araka ireo famakafakana sy fampitahana ireo dia azo ambara fa vavolombelon'ny tantaran'ny tsimihety ny fitafiana nentim-paharazany satria maneho ny fifamatorana nisy teo amin'ny Tandrefana sy ny Malagasy izay noheverina fa nipoiran'ny razana tsimihety. Maneho izany ny endrika isehoan'ny fitafiana izay nahitana fifanahafana.

Saripika 20: Ny akanjo paka sy rafia



Ny akanjobe
Antemoro mitaha
amin'ny akanjo rafia
Tsimihety

Loharano: <http://gasikar-histo.e-monsite.com>; ny mpikaroka

2.6.3- Miova manaraka ny vanim-potoana ny endriky ny fitafin'ny Tsimihety

Saika niainga tamin'ny salaka avokoa ny fitafin'ny Malagasy rehetra isam'paritra: toraka izany koa ny sikina ho an'ny vehivavy. Izany no misy dia ny fivoaran'ny fahalalana sy ny haitaon'ny taranaka mandimby. Tsy azo hadinoina ihany koa anefa fa misy ny fifangaroana eo amin'ny fahalalana nentim-paharazana sy ny fadrosoana vahiny izay mora tamin'ny Malagasy ny nandray azy. Noho izany, tsy ary ho voatazona amin'ny endrika nisehoany taloha ny fitafiana nentim-paharazana fa tsy maintsy manaraka ny vanim-potoana. Tato anatin'ity asa natao ity dia hita taratra izany fiovana izany amin'ny fomba fanehoan'ny Tsimihety azy ao Mandritsara. Ohatra, niova ho somizo ny sampam-pohy ny akanjon-dehilahy taty aoriana moa izay nolaroina tamin'ny karazana akanjo hafa izay hita

fa tsara kalitao sy bika nentim-bahiny. Ny azo ambara kosa anefa ho an'ny Tsimihety dia izao: misy ny fivoarana ary tsy azo ihodivirana izany. Saingy na dia eo azy ireny misy foana ny singa famantarana manokana n yfitafy tsimihety voatazona mandraka ankehitriny. Anisan'ireny ny randrana, ny kisaly, ny sikina ary ny masonjoany sy ny firavaka...sns. Zavatra iray mitana ny saina izay nanao ny fandinhana ihany koa ny mbola nahatazonana ny hevi-pahendrena ao ambadika ny fomba fitafiny. Ny fisehon'izany amin'ny andavanandrom-piaianany aza toy ny fanana-manaraka entiny amin'izay toeran-kafa ifindrany any am-pilana ravinahitra. Ny vehivavy sy ny raiamandreny indrindra indrindra ohatra ny hita eto Antananarivo. Fantatra foana hoe Tsimihety iny rehefa tombanana ivelany.

Olona liam-pivoarana sy fandrosoana raha ny Tsimihety satria dia isan'ireo manjifa ny karazam'pitafiana toy ny friperia ihany koa izy. Manaporofa izany ny fivelaran'ny fandraharahana sy fivarotana io vokatra iray io isaky ny tsena rehetra ao Mandritsara. Nanjary lalam-pihariana mahazo vhana eo amin'ny tsena madinika ny varotra fripy, ny karazan-kaingo vita sinoa sy ny kojakoja maro isan-karazany mombany taovolo. Ilaina ny sehatr'asa fampandehanan-draharaha toy izany satria hita ho miteraka tombotsoa ho an'ny besinimaro toy ny fihariana.

Misy araka izany ny hevitra azo tsoahina amin'izany toe-javatra nambara izany. Ekena fa lova ny fitafiana nentim-paharazana ary tsy misy rahateo izay maharatsy izany. Manatsotsotra ny fiainana kokoa anefa ny fisian'ny zava-baovao tsara sy azo lazaina fa mora sady mifanaraka amin'ny toetrandro. Mampiseho ny fahaizan'ny Tsimihety mampifameno ireo zavatra roa sy hafa ireo fisehon'ny fomba fitafy hita taratra tao amin'ny toerana nanaovana ny fandinhana sy ny zavatra rehetra tamina loharanon-kevitra isan-karazany. Noho izany, mety handainga raha hilaza fa ilay fitafy tsimihety madiorano sy nahalalan'izay efa nialoha lalana taloha no hita tamin'ity fikarohana ity. Saingy na tsy nanao antontan'isa tamin'ny asa aza dia sahy manao tomba-maso fa mbola mitana ampahany betsaka amin'ny ribany (fomba fitafiny) ny Malagasy ao Mandritsara. Ny endrika ise豪an'ny fitafy tsimihety no nisy fiovanana fa ny fahendrena Malagasy mivoy izany dia tsy foana tsy akory.

FEHINY

Lafin-javatra telo lehibe no nolokoina sy novahavahana tato amin'ity fizarana lehibe faharoa ity. Voalohany, nosoritsoritana ny moba ny vondron'olona Tsimihety sy ny fitafiny. Novelabelarina tamin'izany ny tantaran'ny Tsimihety sy ny lafim-piaiany ankapobeny ary ny karazam-pitafiana manasongadina azy. Manaraka izany, ny fomba ny fitafin'izy ireo ao Mandritsara izay nolokoina araka ny faneho andavanandro sy amin'ny vanim-potoana miavaka. Ankoatra izay, ny famahavahana izay nampitahana ny fitafy Tsimihety tamin'ny an'ny faritra hafa. Tamin'ny alalan'izany no nahafahana nanasongadina fa vavolombelon'ny tantara, maneho ny maha iray ihany ny Malagasy ny fitafiana tsimihety ary manana endrika miova manaraka ny vanim-potoana.

III- TOE-JAVATRA AZO TSOAHINA MOMBA NY FITAFY TSIMIHETY

Maro ny hevitra azo tsoahina avy amin'ireo hevi-dehibe novelabelarina mikasika ny fitafy tsimihety ireo. Ahitana taratra ny fiheverana malagasy voizin'ity vondron'olona ity ny fomba fitafiny. Misokatra araka izany ny adihevitra mikasika io fomba fitafy io sy ny lanjany eo amin'ny fiarahamonina. Ankoatra izay, misy ny vahaolana azo aroso ho setrin'ireo olana mipetraka momba ity sehatra ity.

3.7- NY FIHEVERANA HITA TARATRA AMIN'NY FITAFY TSIMIHETY

Samy manana ny fiheverany mikasika ny tontolo manodidina azy ny fiarahamonina amina faritra sy firenen-tsamihafa. Ny an'ny Tsimihety dia mibaribary amin'ny fomba fitafiny izany fiheverana izany. Rafitra tsy azo ialana ny fifandraisan'ny samy olombelona eo anivon'ny fiarahamonina. Toy izany koa ny olombelona sy ny hery tsy hita maso ary indrindra amin'ny natiora. Ireo no andeha hisintonana hevitra amin'ity toko manaraka ity.

3.7.1- Maneho ny fifandraisana misy eo amin'ny olombelona sy ny tontolo manodidina azy

Mampifandray ny samy olombelona ny fitafy:

Manana anjara toerana eo amin'ny fifandraisan'ny mpianakavy; ny mpiara-belona na ny fiarahamonina manontolo ny fitafy arakany fiheveran'ny Tsimihety. Eo amin'ny ray amandreny sy ny zanaka, ohatra, miavaka tsara ny fomba fiankanjo. Io fanehoana fitafiana tsara fipetraka io no antoka ny fifanajana eo amin'ny ray aman-dreny sy ny zanaka. Ny fitafin'ny ray aman-dreny dia mitondra tahotra sy fanajana ho azy. Ny henatra dia toe-javatra mametraka elenelana lehibe eo amin'ny mpianaka. Eny fa na ny olom-pifady toy ny mpianadahy ihany koa aza. Natao hisorohana izany ny fitafiana araka ny fitenenana tsimihety manao hoe “*mahatoky ny lamba matomboko ké mitsangana an-tamianja*”. Izany hoe tsy azo atao ny mijoro eo am-baravarana raha manify ny lamba anaovana indrindra fa ny vehivavy tanora. Tsy azo adinoina anefa fa ankoatra fifandraisan'ny fianakaviana dia miteraka herisetra ihany koa ny fitafiana raha ratsy fitondra ka izay no mahatonga ny

Tsimihety ho hentitra amin'ny fomba fitafy. Fiantsiana fanolanana ny fitafiana fohy ka tsy maintsy asiana lambahoany mba hiarovana ny tena.

Maneho an-tsary ny toetra amam-pisainana'ny tsirairay koa ny fitafiana anaovany. Noho izany, mety mampifanatona ireo izay mitovy tadin-dokanga na mety hampifanalavitra ireo tsy mitovy fomba fijery. Mety ho efitra manasaraka ny saranga tsy mitovy ihany koa. Manamarina izany ny miseho ao Mandritsara. Miavaka ny olona manankarena sy ny tsy manana amin'ny fitafiana eny an-kodiny. Io fitafiana io dia mbola mampahatsiahy ny andraikitra na ny toerana tazonin'ny olona tsirairay ka mametrakà ny fifanajana ka mampirindra ny fifadraisana. Izany hoe, ny fitafy dia sady mampisaraka no mampihavana ny olona araka ny endrika isehoany.

Raha fintinina ireo voalaza ireo, ny hevitra azo tsoahina amin'izany dia izao: Ho an'ny Tsimihety, ny fitafiana dia natao voalohany indrindra ho fanakonan-kenatra. Manaraka izany, fiarovam-batana izay vao haingo.

Mampifanakaiky ny olona amin'ny tontolo voajanahary:

Misy fiheverana telo samihafa anefa mifampitohy azo asongadina momba ny fifandrais'an'ny olombelona amin'ny tontolo iainany. Ny Malagasy kosa dia mihevitra fa ny olombelona sy ny tontolo iainany dia mifandray, mifampiankina ary mifanova toetra sy fomba. Mino ny Malagasy fa mifandray sy mifampiankina ny olombelona sy ny tontolo voajanahary. “Izany finoana izany no anisan’ny ahazoana mamaritra ny riban’ny Malagasy ho riba mikaro-pihavanana amin’ny tontolo iainana fa tsy mitady hamolaka ny tontolo iainana toy ny riba tandrefana”³⁰. Ahitana izany fiheverana izany ny endrika isehoan’ny fitafy Tsimihety hita taratra ao Mandritsara. Ezahina ampifadraisina amin’ireo voalazan’ny mpikaroka (endrika isehoan’ny fifandraisana lalina misy eo amin’ny olombelona sy ny tontolo iainana) koa ny lanjan’ny fitafy izay iadian-kevitra eto. Voalohany, ny olombelona manova ny tontolo iainany. Maka sy manovo fahalalana amin’ny tahirin’ny natiora ny Tsimihety amin’ny fifantenana ny akora voajanahary hamokarana ny fitafiana. Ohatra amin’ireny ny paka, rafia, landihazo, ny hoditra...sns izay anamboarana lamba sy akanjo

³⁰ LAP2T, 2010 :31-36.

ary satroka; ny masonjoany hikarakarana ny tarehy. Mamantatra ny lalàna mifehy ny natiora izy ary mamolaka sy mampita azy. Manodina ireo akora ireo ho lasa zava-baovao amin'ny alalan'ny tenona sy ny rary ary ny zaitra, ny fitaovana amin'ny taovolo, ny tefy firavaka...sns.

Mampifanatona amin'ny hery hafa ivelan'ny tena:

Ny fahatsapan'ny Malagasy fa marefo ny herin'ny tenan'ny olombelona dia mahatonga azy iantehitra amina hery hafa tsy hita maso. Amin'ny alalan'ny vavaka no ifandraisany amin'izany ka maro ny fitaovana enti-manatanteraka azy. Manana ny finoany nolovana tamin'ny Razana ny Tsimihety. Io finoana io dia zavatra mafy orina ka sarotra hozongozonina ary indrindra aleony ny mijaly sy sahirana toy izay miala amin'ny finoana. Finoana velona ananan'ny Tsimihety ny fanekena fa misy ny Zanahary sy ny Razana. Tsy misy toerana tsy iantsoany ireo rehefa tonga ny fotoana ilana izany. Ny zavatra rehetra ataony na an-kasoavana na an-karatsiana dia angatahany fitahiana avy amin'ireo avokoa.

Anisan'ireo fitaovana hita maso sy azo tsapain-tanana ampiasaina amin'ny fivavahana ny fitafiana eo amin'ny tsimihety. Amin'ny jôro, ohatra(amin'ny fombam-pivavahana nentim-paharazana Tsimihety).Tsy maintsy misikina lambahoany ny raiamadreny mpijôro ary mitondra koboay na tehina. Izay no mahatonga ny sojabe antsoina ihany koa hoe *ampitankoboay*. Tsy afaka mitana io toerana ampitankoboay io ny vehivavy amin'ny maha zava-masina ny raharahan-pivavahana eo amin'ny fiarhamonina tsimihety. Mandritra ny jôro, rehefa hivavaka ny olona dia tsy maintsy miala satroka mba ho fanajana sy ho fanomezam-boninahitra ny masina. Izay fanomezam-boninahitra izay koa no mahatonga ny mpanatrika rehetra hisikina lambahoany avokoa na lahy na vavy mandritra ny jôro. Ny doany no toerana masina fanatanterahana ny jôro. Koa raha hiditra amin'io toerana io ny mpivavaka dia tsy mahazo manao atin'akanjo (hatramin'ny silipo sy kalisaona aza esorina) na lahy na vavy. Fady amin'io toerana io koa ny loko mena amin'ny lamba. Tsy mifehy volo ny vehivavy fa akirozaroza avy eo amin'ny fotony izany. Izay no mahatonga ny radrana atao *taly vaky na taly amin-dalany*.

Amin'ny Tsimihety, rehefa maty ny olona iray dia ny vatany ihany no mety lo fa ny fanahiny kosa dia velona mandrakizay. Io fanahy io no antsoiny hoe *lolo* izay heveriny fa mbola miriaria manodidina azy eny ihany saingy tsy hita maso fotsiny. Izany hoe, mbola

manohy ny fiainany fahavelony ihany any ankoatra. Izany indrindra no mahatonga azy ireny ampombaina fitaovana sy fitafiana rehefa alevina. Noho izany, fitaovana tsy maintsy ampombaina ny maty ny fitafiana. Matetika aza dia ampanarahina any koa ny zavatra sarobidiny isan-karazany.

3.7.2- Misy fahaiza-manao mifamatotra aminy

Manana ny fahaiza-manao mampiavaka azy ny vondron'olona amina faritra na firenena tsirairay. Ny fahalalana dia mampivelatra sy mampitombo ny maha olona ary mahatonga ny fiainany ho loharano miboiboika tsy mety ritra fa mitombo hery eny ampandehanana. Eo amin'ny fiarahamonina Malagasy dia betsaka ny zavatra mivaingana ara-kolontsaina nentim-paharazana ka anisan'izany ny fitafin'ny Tsimihety. Andeha horesahinany fanangonam-pahalalana amam-pahaizana mikasika ny fitafy; ny haitao na ny hairaha nentina namokatra sy nampiasa izany ary ny fomba nanehoana sy nampitana izany tamin'ny taranaka taty aoriana.

Voaresaka matetika fa anehoan'ny olona ny maha-izy azy ny fitafiana eny ankodiny: ny maha izy ara-batana sy ara-materialy...sns. Zava-dehibe koa anefa ny maha-izy azy amin'ny fahaizana amam-pahalalana. Araka izany, ny fahalalan'ny tsimihety momba ny fitafy no avoitra eto.Olona tso-piaina ny Tsimihety; tsy mitady izay lavitra fa ny eo am-pelatanany sy ny eo manodidina azy no ahodiny ka mampandeha ny fiainany. Izany hoe, vokatry ny fandinhana ny tontolo manodidina azy no nahafahan'ny Tsimihety namoaka ny karazam-pitafiana manavaka azy. Porofon'izany, raha ny salaka sy ny karazana akanjo vita tamin'ny paka no nolovainy tamin'ny Razana dia noho ny zava-nisy tamin'ny vanimpotoana tsy nivoaran'ny haitao. Ny akora nokirakiraina mbola voafetra. Hitany anefa fa maro ny zava-baovao azo ianarana tahaka ny nentin'ny vahiny sy ny fisian'ny akora maro hafa azo trandrahina. Nivoatra ihany koa ny hairaha namoronana ny lamba, ny taovolo sy ny firavaka. Ny fahaiza-mandrary sy manenona nanjary niampy fahaiza-manjajitra; toraka izany koa ny tefy firavaka sy ny taovolo. Hain'ny Tsimihety ihany koa ny miaina sy mampihatra izany fahalalana mikasika ny fitafy izany satria nitondra voka-tsoa be dia be teo amin'ny fiainany izany. Anisan'ny tombontsoa, ohatra ny fiharian-karena, ny fifandraisana ary ny fahasalamana...sns. Niavaka foana ny maha fitafy tsimihety na dia teo

aza ny fampifangoarana izany tamin'ny an'ny vahiny. Ohatra amin'izany fitafin'ny lehilahy³¹. Hainy ihany koa ny nampita izany tamin'ny taranaka mandimby matoa mbola voatahiry mandraka ankehitriny ny ampahany betsaka amin'izany. Azo lazaina mantsy fa anisan'ny vondron'olona mbola mitana ny fitafy nentin-drazany amin'ny ampahany betsaka ny Tsimihety na dia eo aza ny donan-kolontsaina maro isan-karazany izay novelabelarina tamin'ity fikarohana ity. Izany no lova navelany ho an'ny taranaka aty taorina mba ho alain-tahaka.

3.7.3- Maneho ny maha-izy azy ny Tsimihety ao anaty fiarahamonina ny fomba fitafiny

Anisan'ny manan-danja amin'ny Tsimihety manokana ny vatana amam-bikany ka izany no antony maha sarobidy ny takon-kenatra ho azy ny fitafy. Omena toerana ny asa tanana toy ny fandrariana, ny tenona na dia efa vitsy aza no mbola mivoy izany ankehitriny fa tsy mbola lany tamingana. Tsikaritra ihany koa izany any amin'ny Betsileo amin'ireo asa tanana samihafa toy ny fanenonana. Fitaovana manana ny toerany ho an'ny mponina Betsileo ary saika ny malagasy iray manontolo aza ny lamba landy. Velona irakofany izany ary raha maty mbola amonosana koa. Sarobidy sy manana ny toerany sahaza azy ny lamba landy teo amin'ny Malagasy rehetra ary nandray izany koa ny Tsimihety. Ny maha sarobidy ny lamba landy izany no anomezan'ny Tsimihety toerana sahaza azy ka tsy mba nirakofany amin'ny andavan'andro izany. Rehefa misy fahafatesana iray no mba amonosana rehefa maty. Satria manan-danja aminy ny finoana ny razana ka tsy mba nataony ho ambanin-javatra ny fikarakarana ny Razana. Hoy indrindra ny fitenenana manao hoe “izay sahy maty, mifono lamba mena”. Mbolaio lamba landy io ihany no antsoina hoe “lamba mena” io. Akora tsy mba nananan'ny tsimihety loatra anefa ny landy(akora entina anamboarana lamba vita amin'izany mba ahazoana lamba landy). Araka ny voalaza tany aloha tany dia ny fahaizana mionona na miresaka amin'ny voaary manodidina azy no fahalalana voalohany indrindra. Ny fahaizan'ny Tsimihety mamolaka ny tontolo manodidina azy no nahazoany sy nahavitany karazam-pitafiana avy tamin'ny

³¹ L.MATTEI, 1997 :137.

akora natoraly. Io akora io no nahavitany zavatra maro isan-karazany, ny tsihy, harona, akanjo, satroka...sns.

Izany rehetra izany dia manavanana ny vondron'olona Tsimihety ka mamestraka ny maha-izy azy ara-kolontsaina sy ara-toekarena. Ho azy dia neverina fa mahamenatra ny mahita ny vehivavy iray ndeha hanambady kanefa tsy mahay mandrary. Mahavatra mandany fotoana maharitra izy amin'ny fikarakarana ny volony indrindra fa raha hiseho eo an-kavorian'ny olona izy. Tsy latsa-danja eo amin'ny fiarahamonina araka izany ny olona tsara fitafiana. Azo tenenina ihany koa fa azo anakonana ny mety kileman'ny olona iray ny fitafiana. Manaporofa izany, ohatra ilay fitenenana manao hoe: "Randram-bao maha jamba". Izany hoe rehefa tsara ny randrana anaovan'ny tovovavy iray dia mety ahasarika ny maso izy ary mety tsy tazana ny kilema hafa. Tahaka izany koa ny olona lazaina fa maontina amin'ny fomba fiakanjony.

3.8- ADIHEVITRA MIKASIKA NY FITAFY TSIMIHETY

Taratry ny fifandraisana misy eo amin'ny Malagasy sy ny tontolo manodidina azy ny fitafy araka ny fandinhana natao tamin'ny vondron'olona Tsimihety ao Mandritsara. Izany fifandraisana izany dia zava-dehibe eo amin'ny maha olombelona satria misy fifamenoana tsy azo ialana amin'ny samy olombelona miara-miaina, amin'ny zava-boaary ary amin'ny hery tsy hita maso. Raha misy tsy fahatomombanana araka izany io lafimpifandraisana io dia tsy lavorary koa ny maha-olombelona ny olombelona saina, vatana, fanahy. Izany indrindra no maha harena ny fitafy; ahafahana manome vahana izay lafimpifandraisana izay. Rariny raha manana anjara toerana lehibe eo amin'ny kolontsina ny fitafy. Tsy azo ferana anefa ny fiovan'endrik'izany noho ny vanim-potoana maro mifandimby. Noho izany, tsara raha kajiana sy arovana izy ireny mba ho soa iombonan'ny rehetra.

3.8.1- Nitana anjara toerana lehibe teo amin'ny kolontsaina Tsimihety ny fitafy

Singa hita maso ahafahana manavaka ny olombelona amin'ny biby hafa ny fitafiana. Azo ambara araka izany fa manana anjara toerana lehibe amin'ny fametrahana ny hasin'ny maha-olona ny fitafy. Efa nametraka izany ny Razamben'ny Tsimihety ary mbola lovain'ny taranaka rehetra aty aoriana.

Voalohany indrindra aloha, ny fitafiana mampisongadina ny maha manam-panahy ny olombelona. Marika ny fananam-panahy ny fahalalana menatra ka manakona izany amin'ny alalan'ny fitafiana. Henatra ny fiboridanan'ny vatana imason'olona, indrindra ny olom-pady. Henatra ihany koa ny fanaovana izany tsy am-pahatomombanana: rovitra, ratsy, maloto...sns. Endriky ny fananam-panahy ihany koa ny fananana fahendrena. Fahendrena ny fanajana sy fankatoavana ny olona manodidina. Fihetsika azo aseho amin'ny fomba fitafy koa izany. Nohajain'ny tsimihety, ohatra, ny tenin-draiemandreny izay mandrara ny fijoroan'ny vehivavy eo am-baravarana raha manify loatra ny akanjo. Tsy azon'ny vehivavy atao koa ny manao fitafiana mampitovy tena amin'ny lehilahy. Faharoa manaraka izany, fitaovana mahomby eo amin'ny fiainan'ny Malagasy ny fitafiana. Fitaovam-pifandraisana ny fitafiana. Ankoatra ny maha takon-kenatra azy dia natao hifaneraserana amin'ny tontolo manodidina³² ny fitafiana. Ankoatra ireo dia manavaka ny olona na antokon'olona na firenena iray ny fitafy satria samy manana ny maha-izy azy avokoa ny Malagasy rehetra ka anatin'ireny ny Tsimihety.

³² Novahawahana tao amin'ny toko faha fito (3-7-1) ireo lafim-pifandraisana ireo.

3.8.2- Vakoka mila arovana ny fitafy Tsimihety

Rantsam-piofanana manao fandinhana ho fampanjariana ny hare-pirenena no sehatra niaingan’ity asa fikarohana ity. Tarigetra amin’izany ny hamolavola sy hitahiry ny lova-pirenena sisa tavela. Tsy voatery ho fananana hita maso sy azo tsapain-tanana ihany akory no iantefan’izany fa eo koa ireo tsy hita maso vokarin’ny sain’ny Malagasy. Ny zavatra neverina hisy mangalatra na ho potika na ho lany tamingana no ampiasana ny teny hoe arovana. Voakasik’izany ny lohahevitra nosafidina amoahana ity voka-pikarohana ity ka nahatonga ny safidy ny lohateniny hoe: “**Fitafy tsimihety: taratry ny fifandraisan’ny Malagasy amin’ny tontolo manodidina azy araka ny miseho ao Androna Mandritsara**” Tsapa tokoa arakany petraka olana voalaza tetsy aloha fa mila fiarovana haren-tsaina toy ny fitafy tsimihety. Maro ny foto-kevitra ijoroan’izany. Etsy an-daniny, raha voafafa tanteraka eo amin’ny fiarahamonina ny fitafy nentim-paharazana dia voafafa manaraka izany koa ny tantara sy ny fototra maha-izy azy ilay fiarahamonina. Etsy ankilany, mety hisy fiakony amin’ny lafim-piainana hafa toy ny toe-karena ny fanamaivanan-danja ny fitafy nentim-paharazana satria ny ankamaroan’izy ireny dia vokatry ny asa tanana avokoa. Koa raha tsy mandray andraikitra dieny izao miaro sy mampanjary ny fitafy tsimihety dia hanjavona tanteraka toy ny harem-pirenena sasany izay efa tsy ananan’ny Malagasy ihany koa no hiafarany.

3.8.3- Ny fiakon’ny fitafy tsimihety eo amin’ny tontolo manodidina ny olombelona

Eo amin’ny zava-boaary:

Ny Tsimihety amin’ny maha fiarahamonina malagasy azy dia manana ny fomba fijeriny manoloana ny zava-boaary; mivoy ny nationalisma. Izany hoe, tsy mihevitra ny hifehy sy hamolaka tanteraka ny natiara. Saingy, raha ireo karazam-pitafiana tsimihety notanisaina tetsy aloha no tombanana azo lazaina fa misy kely ihany ny indro kely amin’ny fiakon’izany amin’ny tontolo iainana. Ny fitrandrahana ny akora anaovana fitafiana no tiana ametrahana ny adihevitra.

Saika novokarina tamin’ny akora voajanahary avokoa ny ankapoben’ny fitafiana nentim-paharazana tsimihety. Izany indrindra no mety hiteraka olana eo amin’ny

fifandraisan'ny roa tonta (ny olona sy ny tontolo iainana). Toe-javatra vitsivitsy no andeha hovoaboasana mba hanamarinana izany:

Etsy andaniny, ny fandripahana ny ala. Iaraha-mahalala fa miha simba tsikelikely ny tontolo iainana noho ny fandripahana ny ala. Anisan'izay fandripahana ny ala izay, ohatra, ny fangalana ny rafia sy ny paka hanenomana fitafiana. Ireo karazan-java-maniry ireo anefa ao Mandritsara sy ny manodidina dia toa efa miha-ritra tsikelikely satria tsy mba misy akory ny fambolena atao mba hanoloana ireo efa nokapaina. Etsy ankilany, ny fandritan'ny harena an-kibon'ny tany. Mibaribary tsy takona afenina ihany koa ankehitriny fa efa miha-ritra tsikelikely ny harena an-kibon'ny tany vokatry ny fitrandrahana tsy aradrariny ataon'ny olona. Ny firavaka, ohatra dia anisan'ny filana mampiroborobo ny fitrandrahana,indrindra indrindra fa ny volamena sy ny vato sarobidy. Izany hoe tsapan'ny olona ho zava-dehibe ny fitafiana eo amin'ny fiainana ka manjary mihoa-pampana ny famolahana ny natiora ho akora hanamboarana izany.

Eo amin'ny fifandraisan'ny olombelona samy olombelona eo anivon'ny fiarahamonina:

Ahitana lesoka kely eo amin'ny fiaraha-miainan'ny olona ihany koa ny fitafy araka ny miseho ao Mandritsara. Na nambara aza fa mampifandray ny samy olombelona ny fitafy dia misy mifanipaka amin'izany ny toe-javatra miseho vokatry ny fitafy. Voatohitohina amin'izany, ohatra, ny fandriam-pahalemana sy ny fitoviana.

Fanehoan'ny Tsimihety ny maha-izy azy ny fitafy eo amin'ny ara-kolontsaina. Ankoatra izay anefa, maneho ny maha-izy azy ara-materialy koa io fitafy io araka ny voalaza tetsy aloha. Azo anombanana ivelany ny fari-pananan'ny olona iray ny fitafiana eny aminy. Mitondra sain-dratsy vokatry ny fitsiriritana sy faniriana te banana ho an'ny hafa izany indraindray. Raha miravaka volamena na fitafiana saro-bidy mitovy amin'izany, ohatra, ny olona iray dia mety iharan'ny herisetra tampoka toy ny sinto-mahery sy fanendahana. Zavatra mateti-pitranga ny toy izany, indrindra amin'ny tanan-dehibe toy ny ao Mandritsara tampon-tanàna. Vokany, tsy mandry fahalemana ny olona, indrindra fa ireo izay mihevitra ny hiambozona firavaka sarobidy. Raha jerena koa ny fomba fitafin'ny Tsimihety dia toa maneho ny tsy fitoviana misy ao anaty fiarahamonina. Ny manana asehon'ny fitafiana miraratra sy manara-penitra. Ny tsy manana ampangain'ny zara raha

fitafiana. Manjary misy ny fiatakatahana sy fifanavakavahana ka tsy mifampatoky ny mpiara-belona.

Noho ny fahazarana amin'ny andavanandro dia manjary fitafiana mahazatra sy tsotsotra. Raha hijanona an-tanàna ny olona amin'ny ankapobeny dia tsotsotra no anaovany lasa tsy misy lanjany loatra izany satria mipirina ao anaty vata ao ihany. Raha vao misy vahiny tonga sy fotoan-dehibe izay vao mivoaka ny ankamaroan'ireo fitafiana ireo. Fotoana sarobidy sy ho an'ny manam-pahefana no mba anehoana izany ka miteraka fanamaivanana ny lanjan'ny fitafy izany. Toa lasa miatsaravelatsihy tsy sahy mamoaka ny maha izy azy raha eo amin'ny fitafy no asian-dresaka. Menatra ny fandrosoana entin'ny vahiny ankehitriny ka tsy sahy mampidera ny fitafy nentin-paharazany intsony ny Malagasy.

3.9- ANDRAM-BAHAOLANA HOENTI-MIARO SY MAMPANDROSO NY FITAFY TSIMIHETY

Manoloana ny olana mifamahofaho manodidina ny fitafy tsimihety dia misy ihany ny vahaolana azo aroso hiarovana sy ampandrosoana ity sehatra iray ity ary indrindra mba hampirindra ny fifandraisana mety misy eo amin'ny Malagasy sy ny tontolo manodidina azy. Voalohany amin'izany ny fanamafisana ny fanabeazana ara-bakoka. Eo koa ny fanatsarana ny haitao amin'ny famokarana ny karazam-pitafiana ary farany ny fanehoana sy fanasongadinana azy ireny. Ireo indray no andeha hanohizana ny adihevitra manaraka.

3.9.1- Ny fanabeazana ara-bakoka miainga eny ifotony

Fomba nentim-paharazana ny fitafy ka afaka mandresy ny vanim-potoana. “Ankoatra ny fepetra maha-olombelona anefa, ny razana dia nametraka didy tsy maintsy arahin’ny taranany. Mbola riba ihany koa izy ireny”³³. Io lalàna io dia efa tsy fantatra ny taranaka intsony aty aoriana noho ny tsy fahampian’ny fanabeazana ara-bakoka. Mila

³³ L.P. RANDRIAMAROLAZA, 1993 :12.

fohazina ao an-tsain'ny taranaka araka izany ny fiverenana amin'ny fototra niaviana. Tsy azo adinoina fa misy antony lehibe no nahatonga ny razana hametraka lalàna (isan'ireny ny fady) mikasika ny fitafy. Maro ny anton-javatra nibaiko ny sain'ny razana hifantina ny akora sy anehoana ny karazana fitafiana. Zava-dehibe ny fahaiza-mandrindra ny fifandraisana misy eo amin'ny olombelona sy ny tontolo manodidina azy.

3.9.2- Fanatsarana ny haitao momba ny fitafiana tsimihety

Koa satria misy fahaiza-manao mifamatrotra aminy ny fitafy Tsimihety, izany dia fahalalana nolovana tamin'ny razana. Ilana fanatsarana sy fanamafisana io fahaiza-manao io. Izany hoe, mety kokoa raha ampivadiana amin'ny famoronana zava-baovao avy aty amin'ny taranaka nandray azy. Nisy ny andram-pampiharana asa izay natao mahakasika ny tontolon'ny zaitra talohan'ny nirosoana tamin'ny fikarohana nananganana ity asa ity. Ny tontolon'ny zaitra izay noheverina fa mifamatotra amin'ny lohahevitra (fitafy tsimihety). Tao amin'ny toeram-pampianarana ECCOVA no notontosaina izany andram-pampiharana asa izany. Tsikaritra tamin'izany fa miha-mahazo vahana eo amin'ny fiharian'ny olona ankehitriny ny sehatry ny zaitra ary mandroso hatrany izany noho ny kalitaon'ny haitao mivoatra dia mivoatra. Azo atao tsara koa araka izany ny mampivoatra ny teknika nentimpaharazana tsimihety amin'ny famokarana karazana akanjo saingy tsy maintsy mametraka fototra. Tazonina, ohatra, ny akora fototra rehetra ka ampiana kely dia hatsaraina mifanaraka amin'ny toetr'andro ny endrika amoahana azy. Tsy ny lamba ihany fa ireo karazam-pitafiana rehetra mihitsy.

3.9.3- Fanomezana vahana azy

Raha tiana ny hanome lanja sy hampisongadina ny zavatra iray dia tsy maintsy aseho sy ampitahaina aloha izy mba ahafahan'ny hafa mandray azy. Tsy azo lazaina ho mafy sy mateza ny fitafy tsimihety raha toa ka tsy sahy miatrika fifandonana amin'ny zava-baovao mifaninana aminy. Sehatra maro no azo anehoana ny fitafiana Tsimihety mba hampavesa-danja ny fisiany. Miainga amin'ny fiainana azy eo amin'ny fiarahamonina misy sy manodidina aloha izany (amin'ny vanim-potoana manan-danja indrindra indrindra). Azo itarina hatrany amin'ny sehatra iraisam-pirenena mihitsy aza ny fampahafantarana na dia amin'ny alalan'ny fizahantany fifaninanana ara-kolontsaina aza.

Misy araka izany ireo fomba azo atao hanatanterahana izany. Matetika, ohatra, ny Malagasy no mahatafita tanora maro amin'ny fifaninana haingo amam-bika amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Ankoatra ny mpilatro dia tena zava-dehibe koa ny zaitram-pitafiany, taovolony...sns. Afaka mampandray anjara ny tanorany amin'ireny fifaninanana ireny I Mandritsara izay manana karazam-pitafiana tsara sy mbola azo atsaraina koa aza.

FEHINY

Araka ny voalaza tamin'ity fizarana farany ity dia manana ny fiheverany manokana ny Malagasy izay hita taratra amin'ny fitafy Tsimihety. Anisan'izany ny fampifandraisany ny olombelona sy ny tontolo manodidina azy ary ifamatoran'ny karazam-pahalalana sy ny fahaizan-tsamihafa. Rafitra tsy azo ialana ny fifandraisan'ny samy olombelona eo anivon'ny fiarahamonina. Toy izany koa ny olombelona sy hery tsy hita maso aryindrindra amin'ny natiora. Raha tombanana ny fitafy Tsimihety dia azo lazaina fa nanana ny lanjany lehibe tokoa teo amin'ny maha-Malagasy. Ny antony maha sarobidy azy dia noho izy takon-kenatra sy fiarovam-batana ary haingo ihany koa. Miova sy mivoatra hatrany anefa ny endrika isehoan'izy io ka ahiana ho lefy izany lanjany izany raha tsy misy ny fiarovana atao. Raha voafafa tanteraka eo amin'ny fiarahamonina ny fitafy nentimpaharazana dia ho voafora manaraka izany koa ny tantara sy ny fotoana maha izy azy ilay fiarahamonina . Manoloana izany dia misy ireo tolo-kevitra azo aroso mba hahafahana mampanjary izany fitafy malagasy izany. Ny fanabeazana ara-bakoka miainga eny ifotony, zava-dehibe ny fahaiza-mandrindra ny fifandraisana misy eo amin'ny olombelona sy ny tontolo manodidina azy.

TENY FAMARANANA

Raha aravona ny zava-boalaza rehetra tato amin’ity voka-pikarohana ity, hevi-dehibe telo no namelabelarana ny hoe: “FITAFY TSIMIHETY: TARATRY NY FIFANDRAISAN’NY MALAGASY AMIN’NY TONTOLO MANODIDINA AZY ARAKA NY MISEHO AO ANDRONA MANDRITSARA”:

Naompana tamin’ny fanolorana ny zava-dinihina ny fizarana voalohany. Nofaritana tao ny atao hoe fitafy ka nohazavaina tamin’izany koa ny maha fikarohana miompoana amin’ny sehatry ny haiolona ny lohahevitra sy ny maha vakoka azy. Nisy ny antony manokana nahatonga ny safidy ny fandinihana ny fitafy tsimihety sy ny kaominin’i Mandritsara. Ankoatra izay, maro ny olana mipetraka manodidina ity lohahevitra ity. Torak’izany koa ny petraka hevitra, na avy amin’ny mpialoha lalana na ny petraka hevitra manokana aza. Manana ny fomba fiasa maha mpikaroka ny tena ka noe Zahina naseho tao anatin’ny asa ny fampiharana ny lalan-tsaina izay novoizin-dry F. BRENTANO sy ny mpanara-dia azy. Tsy inona izany fa ny “théorie de l’intentionnalité”. Notsiahivina ny fotopototra ara-tantara momba izany ary naseho ny fihodiny tao anatin’ny asa.

Namahavahana sy nanaovana fandokoana ny lohahevitra ny fizarana lehibe faharoa. Nosoritsoritana manokana ny vondron’olona tsimihety sy ny tantarany ary ny lafimpainany ankapobeny ao Mandritsara. Maro ny karazam-pitafiana maha-tsimihety ny Tsimihety: na ny taovolo, na ny lamba sy ny firavaka...sns. Araka ny hita ao Mandritsara dia miseho samy hafa ny endrika isehoan’ny fitafin’ny tsimihety amin’ny andavanandro sy amin’ny vanim-potoana miavaka. Rehefa nohalalinina izany dia misy ny fampitahana azo atao amin’ny fitafy Tsimihety sy ireo faritra hafa manodidina.

Ny fizarana fahatelo farany kosa dia nanaovana tsoa-kevitra mahakasika ny fitafy tsimihety izay voalaza fa maneho ny fifandraisana misy eo amin’ny Malagasy sy ny tontolo manodidina azy. Anisan’izany ny eo amin’ny samy olombelona; eo amin’ny natiora ary eo amin’ny hery tsy hita maso. Maneho ny lanjan’ny fitafy ny fahaiza-manao mifamatotra aminy. Maneho ny maha-izy azy ny fomba fitafy eo amin’ny fiarahamonina. Niadiana hevitra koa ny tombana mahakasika izany fitafy tsimihety izany. Nolazaina fa manana anjara toerana lehibe amin’ny fametrahana ny hasin’ny maha-olona ny fitafy. Tsy

hary ho voatazona amin'ny endrika nisehoany taloha ny fitafiana nentim-paharazana fa tsy maintsy manaraka ny vanim-potoana. Tsapa tokoa fa mila fiarovana haren-tsaina toy ny fitafy tsimihety. Maro ny foto-kevitra ijoroan'izany. Misy koa araka izany ireo andram-bahaolana hoenti-miaro sy mampanjary ity sehatra iray ankoatra ny fanehoana sy fanatsarana azy ity.

Eto am-pamaranana, maro ireo lafin-javatra efa noresahana mikasika ny fitafy Tsimihety izay azo lazaina fa efa tsy tambo isaina ny mpialoha lalana. Ny fahatsapana fa mbola maro koa anefa no tokony hasongadina momba izany no nahatonga fanamafisana ity asa ity. Koa antenaina fa hisy fiakony eo amin'ny sehatry ny fanabeazana sy fiarovana ny harem-pirenena ny kely azo naroso tamin'ity vokatra naroso ity.

LOHARANO NANOVOZAN-KEVITRA

1. AKADEMIAM-PIRENENA misahana ny Haikanto sy ny Haisoratra ary ny Hairaha, 2005, *Rakibolana Rakipahalalana*, Antananarivo, Imprimerie Nex Print
2. BERTALANFFY (D), 1950, “Au authone of general system theory”. *British journal of philosophies of science*.
3. BRENTANO (F), 1874, *Psychologie d'un point de vue empirique*, Vol 1, 2d. par O.Kraus, Hambourg.
4. CALLET, 1908, *Tantara ny Andriana eto Madagascar Tom II*. Imprimerie Nationale.
5. DAVALLON (J), 1999, *Mémoire et patrimoine*, edition harmanattans.
6. DECARY (R), 1951, *Mœurs, et coutume des malgaches*. Paris.
7. DESCOLA (P) ,2010, *Par delà nature et culture*. Paris Gallimard.
8. DUMONT (L), 1971, *Introduction à deux Théories d'Anthropologie sociale*.
9. ELIADE (M), 1965, *Le sacré et le profane*, FOLIO n°80. Paris : Guallimard.
10. ESCHLIMANN (J.P.), 1988, *Anthropologie sur l'Inculturation 2*, Katiola, Juillet,
11. F.L.S.H (2015) *Annales de la F.L.S.H/U.A n° : 17*.
12. GRANDIDIER (A), 1976, *Ethnographie de Madagascar*, tome I, Volume IV .
13. LAPIERRE (J.W), 1966, « Problèmes socio-culturels de la nation malgache », *Cahiers internationaux de sociologie*.
14. LEVI-STRAUSS (C), 1958, *Anthropologie Structurale*, Plon Angora.
15. M .K.V, 1983, *DECRET n° : 83-116* du 30 Avril 1983 fixant les modalités d'application de l'ordonnance 82-029.
16. M.K.V, 2005, *LOI n° : 2005-006* du 22 Août 2005, portant la politique culturelle nationale pour un développement socio-économique.
17. M.K.V, *LOI n°2013-007* du 20 Février 2013 relative à la sauvegarde du patrimoine culturel immatériel.
18. MAGNES (B), 1953, « Essai sur les Institutions et la Coutume des Tsimihety », *Bulletin de Madagascar N° 89- Octobre 1953*.
19. MALZAC, 2003, *Dictionnaire Français-Malagasy*, nouvelle Edition, Ambozontany, Antananarivo.
20. MAQUET (J), 1969, *La culture africaine*. Alger.

21. MARRAS (A), 1976, « scholastic Roots of Brentano's Conception of Intentionality », *The philosophy of Brentano*, éd. Par L. McAlister, Londres.
22. MATTEI (L), 1939, « Les Tsimihety », *Bulletin de l'Académie Malgache*, imprimerie moderne de l'Emyrne, Antananarivo.
23. MAUSS (M), 1969, *Sociologie et Anthropologie*. Nouvelle édition PUF, Paris.
24. PENEFF (J.), 2009, *Comprendre et pratiquer l'observation participante en sciences sociales*, collection Grand, France,.
25. PERLER (D), 2003, *Théorie de l'intentionnalité au moyen-âge*, Librairie philosophique J. VRIN 6, Place de la Sorbone V^e, Paris.
26. PUTNAM (H), 1981, *Reason, Truth and History*, Cambridge
27. RABEARISON, *Les Tsimihety face à leur destin*, Imp. FBM.
28. RAKOTONAIVO (F), 1977, *Ny riba malagasy eran'ny Nosy*, éd. Ambozontany, Fianarantsoa.
29. RAMAROLAHY, 1972, *Tahirin'ny Ntaolo*, imp Takariva, Antananarivo.
30. RANDRIAMANALINA (D.J), 2005, « Quelques reflexions sus les stratégies de développement à Madagascar », in *Hiratra n°6*, Université d'Antananarivo, Sampana Teny sy Lahabolana ary Riba Malagasy, Pp 125-131.
31. RANDRIAMAROLAZA (L.P) et Alii, 2010, *Ensemble pour l'étude de comportement humain* : DLLM, FLSH, Université d'Antananarivo, Trano Printy FJKM, Imarivolanitra.
32. RANDRIAMAROLAZA (L.P) et Alii, 2010, *Mahay mijery ; mahay mihaino, mahay miaina*. DLLM, FLSH, Université d'Antananarivo, Trano Printy FJKM, Imarivolanitra.
33. RANDRIAMAROLAZA (L.P), 1985, « Riba, civilisation et culture vers une définition de l'objet des études de civilisation des malgaches », *Hiratra 4*, STeLaRiM.
34. RAVELOJAONA, 1956, *Firaketana ny zavatra malagasy*
35. RAZAFIARIVONY (M), 2006, *Richesses culturelles et pauvreté économique d'une société orale (Anosibe an'ala Madagascar)*, Research Institute for Languages and Cultures of Asia and Africa Tokyo University Foreign Studies.
36. RAZAFINTSALAMA (A), 2004, *Tari-dalana ho enti-manadihady ny finoana sy ny fomba malagasy*, 2eme Ed.Md Paoly Antananarivo.

37. SAPIR (E), 1967, *Anthropologie*, Paris Edition de minuit.
38. TAYLOR (E), 1969, *En son devenir l'Africanité*, Edition Karthala, Paris.
39. TONGASOLO (P), 1997, *Fomban-drazana Tsimihety*, ed. Ambozontany, Fianarantsoa.
40. TRALBOUX (A), 1902, « Etude sur les Tsimihety », *Revue de Madagascar*, 02 Nov.1902.
41. UNESCO, 1982, *ORDONNANCE n°82-029* du 06 Novembre 1982 relative à la conservation, sauvegarde et protection du patrimoine.
42. UNESCO, 2006, *Le messager du Patrimoine immateriel n° 1*, fevrier 2006
43. VERIN (P), 1990, *Madagascar*, Edition Karthala, Paris.

http://gasikar-histo.e-monsite.com/pages/geographie/culture-et-arts_traditionnels/lamba.html#SlCwW, 06/08/2017

www.unesco.org/culture/lch, 14/06/2017

TOVANA

Fanolorana ny tovana


Ao anatin'ny voka-pikarohana toy itony dia isan'ny singa mandrafitra tsy misaraka ary manampy betsaka ny fanazavana ny tovana. Izany dia novolavolaina tamin'ireo akora voaangona ihany ka nosokajiana araka ny toerany avy:

Ny sarintanin'i Madagasikara faritra roa amby roampolo (22 régions); Faritra Sofia sy distrikan'i Mandritsara. Entina anehoana sy hamaritana ny toerana nanaovana ny fandinihana.


Ny sary maneho ireo karazam-pitafiana (lambahoany) ao Mandritsara. Asongadina amin'izany ny endrika samihafa anehoan'ny Tsimihety ny sikina lambahoany ka ahatakarana ny fisehon'ny fitafiana tsimihety sasany.

Fanontaniana napetraka tamin'ireo sokajin'olona nohadiadiana. Anolorana ampahany amin'ireo resadresaka nifanaovana tamina ambaratongan'olona samihafa nandritra ny firotsahana an-tsehatra.

Tovana 1: Saritanin'i Madagasikara Faritra roa amby roampolo(22 régions)



Loharano: FTM

Tovana 2: Faritra Sofia sy ny distrikan'I mandritsara**IREO KAOMININA MANDRAFITRA NY DISTRIKAN'NY MANDRITSARA****Mandritsara (CU), Kalandry (CR),**

Ankiabe-Salohy(CR), Ambalakirajy(CR),
Anjiabe(CR), Andohajango(CR),
Ambohisoa(CR), Ambodiadabo(CR),
Amborondolo(CR), Marotandrano(CR), Antanambao-Amberina(CR),
Ampatakamaroreny(CR), Amboaboa(CR), Manampaneva(CR),
Antanandava(CR), Antsoha(CR),
Antsirabe-afovoany(CR), Tsaratanàna(CR),
Ambilobe(CR), Ambaripaika(CR), Ambarikorano(CR), Antsatramidola(CR).

CU : Comune Urbaine ; CR: Commune Rurale

Tovana 3:Sary maneho ireo karazam-pitafiana (lambahoany) ao Mandritsara

Tovana 4: Fanontaniana napetraka tamin'ireo sokajin'olona nohadiadiana

Resaka nifanaovana tamin-dRamatoa SANANDRASANA na Dadikosy, 89 taona, olon-tsotra manana traikefa amin'ny fahalalana ny taovolo, monina ao amin'ny Kaominina Antanandava Mandritsara.

Fanontaniana : *Misy firy karazany eo ny randrana Tsimihety tamin'ny vanim-potoana niainareo ?*

Valiny : Misy maromaro fa io indray arakaraka ny taonan'ny olona no manao azy io.

- Eo amin'ny antomboavy :

Taly vôzo, taly dôdoko, sangara, atao amin'ny andavanandro na tsaboraha fa ny taly vôzo io no tena manamarika ny tsaboraha. Ao koa ny taly tsidisodiso, taly amin-dalany

- Eo amin'ny tovovavy :

Ho an'ny vehivavy ampakarina dia tsy maintsy atao talo vôjo izy marika ny hafaliam-po na manan-karena na tsy manana satria namalaña (lamaody). Taly somala, taly madinika ary tsy maintsy bango roa.

- Eo amin'ny zaza vao misondrotra

Tsy misy randrana voatokana loatra anefa na dia izany aza raha mbola vao hatsangambolo ny zaza dia tsy maintsy manao taly mandady.

Tsy mahatakatra ny namany ny volo satria mbola fohy ka mila mandady amizay tsy ilaozan'ny namany

- Ho any olona mifana :

Taly bohaka no tsy maintsy anaovany satria mbola malemy ny hodidoha ka tsy mahazaka randrana mafy toy tamin'ny andavan'andro. Mitovitovy tamin'ny fanaovana taly vôjo io ihany.

Atao somary goragora ny fanaovana io randran'olona malemy na mifana io.

Tantely amam-bahona ny fiainan-janak'olombelona misy ny mamy, misy ny mangidy. Izany indrindra no sehatra mampiampita antsika ho amin'ny fisaonana. Misy ny bango voatokana amin'izany ka ny bango mandala no anarany. Raha misy fahoriana mitrantga ao anatina vondron'ny fiarahamonina iray dia tsy maintsy mamangy fahoriana fa ny tsy maintsy ataon'ny fianakaviana ny misaona azy. Ny fanehoany izany dia ny bango mandala ho an'ny vehivavy. Vahana ny volo mirandrana ka atao bango tokana. Mandritra ny iray volana no fotoana faharetan'ny fisaonana. Misy indray ny olona sasany maharitra roa na telo volana eo ho eo fa arakaraka ny alahelon'ny olona.

Fanontaniana: Inona kosa no anton'ireo karazana firavaka samihafa ireo ?

Valiny: Nanao vangovango ny olona satria aminy dia natao hiarovana amin'ny ody ratsy ataon'ny mpanao ratsy. Taty aoriana efa lasa fahazarana ny firavahana vangovango volafotsy. Nivoatra ihany koa ny volafotsy niova ho volamena izy amin'izao fotoana izao. Misy karazany ny fanatanterahana ny fanevehana ny sofina. Ao ny ambonin-dohomby ny fanantanterahana ny tevi-tsotina miankina betsaka amin'ny fomban'ny tsirairay. Azo ambara fa mikavina vehivavin-tsimihety kavina pelaka no anarany, toy ny kavina «soleil» izy ankehitriny.

Resaka nifanaovana tamin-dRAJIL (tsy nanome ny tena anarany feno), 25 taona, mpanety ao antanandrainvelo.

Fanontaniana: Amin'ny fotoana toy inona no tena mandeha ny asa fanetezana ? sokajin'olona manao ahoana no tena tena betsaka tonga ary manao ahoana ny filany amin'izany ?

“Ilaharana ny mihety volo rehefa faramparan’ny herinandro iny. Tato ho ato (vanimpotoanan’ny fialan-tsasatra tamin’izany) dia ny tanora avokoa no tena bobaka (betsaka). Samy manana ny kopim-bolony (hetim-bolony)araka ny itiavany azy izy ireo. Ry zareo no mikaoandy izay tiany hanaovana ny volony ka manahirana ihany indraindray vao tafavoaka. Satria misy aza kopim-bolo tsy mbola nataonay akory dia tsy maintsy ezahina fa izay ilay kandra kè! Fa ny tena matetika be mpanao eto izao dia ny Tektônika (sanga misolanga manao endrika telozoro “piramide”) sy Krista (entina ilazana ny hetim-bolon’i Christiano Ronaldo mpilalao baolina malaza). Miondana (mankafy) kopim-bolona olo-malaza avokoa ny ankamaroan’izy ireo”

MOMBAMOMBA NY BOKY SY NY MPANAO NY ASA

Lohateny: "FITAFY TSIMIHETY: TARATRY NY FIFANDRAISAN'NY MALAGASY AMIN'NY TONTOLO MANODIDINA AZY ARAKA NY MISEHO AO ANDRONA MANDRITSARA"

Lalam-piasa : "Théorie de l'intentionnalité"

Isan'ny takila : 99 takila

Teny iditra : Fitafiana, fitafy, nentim-paharazana, Malagasy, Tsimihety, kolontsaina, vakoka, haiolona, fiheverana, fahaiza-manao, olombelona, fiarahamonina, fifandraisana, zava-boaary, hery tsy hita maso, fahazarana, fanabeazana, Mandritsara...

Notontosaina : tao amin'ny Universiten'Antananarivo-Fakiolten'ny Teny aman-Tsoratra sy ny Siantsan'ny Maha Olona- Sampana "Anthropologie - Rantsana "science du patrimoine"

Mpitrika: Dr. RANDRIAMANALINA Daniel Jules

Mpanatontosa: RASOANANTENAINA Clara



Lot: VS 12 AJ Bis F Antsahamamy/Ankatso

Tel: 034 66 794 95 / 033 04 162 44

E-mail: clarasoanantenainagmail.com